

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
FILIERE : LETTRES MALGACHES

**FIKAROHANA AHAZOANA NY MARI-PAHAIZANA
« CERTIFICAT D'APTITUDE PEDAGOGIQUE
DE L'ECOLE NORMALE »**

**IREO KALOM-PITIAVANA HITA
TARATRA AO AMIN'NY
TONONKIRAN'I ABEL RATSIMBA**

BOKY II

Mpanolotra :

ANDRIAMIARISOA Diamondra


Mpitarika :

Ramatoa : RAHARIMANGA Fidèle

Maître de Conférences à l'Université d'Antananarivo

-28 Novembre 2006-

TSIMY RISAORANA



TENY FISAORANA

Fifaliana lehibe ho anay ny fahatanterahan'izao asa fikarohana izao soa amantsara, ka isaoranay an' Andriamanitra izany. Izy no nanolo-tsaina sy nampahery, nanome hery sy tanjaka ary fahasalamana. ..ka nahazoana izao vokatra izao. Koa isaoranay eram-po eran-tsaina Azy izany fitiavany izany, ary ho Azy irery anie ny dera sy ny laza ary ny vninahitra mandrakizay.

Isaoranay ianao Andriamatoa RAKOTO Ravalontsalama, filoha mpitarika izao asa fikarohana ampahibemaso izao. Na dia maro aza ireo adidy aman'andraikitra sahaninao, dia nanaiky am-pitiavana hiara-hiasa aminay ianao, ary tonga manatrika eto. Mankasitraka sy mankatelina tompoko.

Toloranay fisaorana toy izany koa ianao Andriamatoa RAKOTOARISON Angelot, izay nanaiky an-tsitra-po hitsara ny asanay. Tsy nataonao nanakana ny fanaraha-maso nyasanay sy ny fanoroan-kevitra nyamin'izay hahatsara azy, ireo asa man-draharaha marobe iandraiketanao. Mahità fahombiazana amin'izay rehetra atao tompoko.

Tsy hadino ary singaninay manokana ianao Ramatoa RAHARIMANGA Fidèle, mpampianatra mpitarika izao asa fikarohana nataonay izao. Nahafoy fotoana tokoa ianao ary nanaiky hoelingeleninay tany an-tokantranonao, tamin'ny fotoana rehetra ; tsy nitsahatra nanoro hevitra sy nampahery anay, mba hahatomombana ny fandalinana. Misondrota amin'ny ambony indrindra ianao tompoko ary mirary soa amin'izay rehetra ataonao.

Isaoranay etoana ihany koa ianareo mpampianatra rehetra rehetra ato amin'ny sekoly, nanofana anay nandritra izay taona maromaro izay. « Hikapa hahita ny tonony ary handidy hahita ny vaniny » anie ianareo tompoko.

Mbola fisaorana hatrany koa no atolotray anao Andriamatoa Abel RATSIMBA, nanaiky tsy tam-pisalasalana hanome anay ireo tononkiranao, ho fitaovana nampiasainay hanatanterahana izao asa izao, ary indrindra tsy nanosi- bohon-tanana anay tamin'izay rehetra nilainay. Mahità ny rariny ary mirary soa indrindra tompoko.

Fa isaoranay koa ilay reny be fitiavana sy be herim-po, tsy nitarain-tana-miepaka nampita anay tamin'ny fianarana ary nanao ny ezaka rehetra hampivaingana izao asa izao, sy ianareo iray tampo amiko ary ianao olon-tiana. Misaotra indrindra tamin'ny fanohananareo sy ny tsy fandalanareo vola aman-arena. Ny Tompo anie homba anareo tsirairay avy.

« Sitraka hoenti-matory » tompoko ny fanampianareo anay sy ny soa nataonareo taminay, « ka hovaliana raha mahatsiahy ».

FIZAHAN-TAKILA

TENY FISAORANA

FIZAHAN-TAKILA

TENY FAMPIDIRANA 1

FANAFOHEZAN-TENY 6

FIZARANA VOALOHANY : NY TANTARAM-PIAINAN'NY MPANORATRA7

TOKO I : I ABEL RATSIMBA AMIN'NY MAHA-OLON-TSOTRA AZY 10

1.1. Ny loharano nipoirany sy ny tanindrazany 10

1.1.1. Ny loharano nipoirany 10

1.1.2. Ireo iray tampo aminy 11

1.1.3. Ny tanindrazany 12

1.2. I Abel RATSIMBA sy ny fahazazany 13

1.2.1. Ny fanabeazan'ireo ray aman-dreniny azy 13

1.2.1.1. Ny kolontsaina 13

1.2.1.2. Paika sy tetika hafa 14

1.2.2. Fanabeazana azy teo anivon'ny fiarahamonina 14

1.2.2.1. Ny kilalaony 15

1.2.2.2. Ny sekoly nianarany 16

1.2.2.3. Ny finoany 16

1.3. Ny fahatanorany sy ny fahalehibeazany 17

1.3.1. Abel RATSIMBA sy ny fahatanorany 17

1.3.1.1. Ireo mari-pahaizana ananany 18

1.3.1.2. Ny fiainany fony tanora 19

a) Ny rennin-janany 19

b) Ny zanany 20

1.3.1.3. Ny fialam-boly fanaony 22

1.3.2. Abel RATSIMBA sy ny fahalehibeazany 22

1.3.2.1. Ny asa nosahaniny 22

1.3.2.2. Ny toetrany 24

TOKO II – I ABEL RATSIMBA AMIN'NY MAHA-MPANAKANTO AZY... 26

2.1. Ny antonym nahatonga azy ho mpanoratra 26

2.1.1. Famaritana ny talenta sy ny aingam-pahany 27

2.1.1.1. Ny talenta	27
2.1.1.2. Ny aingam-panahy	27
2.1.2. Ny antony nahatonga azy ho mpanoratra.....	28
2.1.2.1. Ny talenta ao aminy	28
2.1.2.2. Ireo antonym hafa	29
2.2. Ny antonym nahatonga azy ho mpanakanto na mpihira	29
2.2.1. Fankafizana sy fihainoana hirahira.....	30
2.2.2. Fankamamiana ireo mpihira malagasy kalaza.....	30
2.2.3. Faniriana sy fitiavana tao anatin'ny	31
2.2.4. Ny fanampian'ny hafa	31
2.3. I Abel RATSIMBA rehefa manao fampisehoana	32
2.3.1. Ny zavatra tiany sy andrasany amin'ny mpijery	32
2.3.2. Ny tsy ankasitrahany	34
2.3.3. Ny toerana sy faritra efa noteteziny	34
2.3.3.1. Ny teto Madagasikara	34
2.3.3.2. Ny tany ivelany	35
FIZARANA FAHAROA : IREO KALOM-PITIAVANA HITA TARATRA AO AMIN'NY TONONKIRAN'I ABEL RATSIMBA.....	37
TOKO I – NY FITIA MIFAMALY EO AMIN'ANDRIAMANITRA SY NY OLOMBELONA	39
1.1. Iza moa ny Andriamanitra ny kristiana ?.....	39
1.1.1. Famaritana	39
1.1.2. Ireo anjara asa mampiavaka an'Andriamanitra.....	44
1.1.2.1. Mpihaino sy mpamaly vavaka.....	45
1.1.2.2. Mpamela heloka	46
1.1.2.3. Mpamindra fo	47
1.2. Ny tokony hataon'ny olombelona.....	49
1.2.1. Ny fahitany ny olombelona.....	49
1.2.2. Ny fanankinana ny fiainana aminy	50
1.2.3. Fanoloran-tena	51
1.2.4. Fisaorana sy fiderana	53
1.3. ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona	55
1.3.1. Tompo sy mpanompo	55
1.3.2. Ray sy zanaka	57

TOKO II – FITIAVAN-TANINDRAZANA.....	59
2.1. Famaritana	60
2.1.1. Ny faritra niaviana	60
2.1.2. Ny tanindrazana iombonana	61
2.2. Ireo zavaboary misy ao amin’ny tanindrazana.....	62
2.2.1. Ny olombelona.....	62
2.2.1.1. Ny fianakaviana	62
2.2.1.2. Ny mpiara-monina	66
2.2.2. Ireo zavaboary hafa	71
2.2.2.1. Ireo zavaboary hita eto an-tany	71
2.2.2.2. Ireo zavaboary eny an-habakabaka	76
2.3. Endrika mivantana isehoan’ny fitiavan-tanindrazana.....	80
2.3.1. Fampandrosoana ny tanindrazana.....	80
2.3.1.1. Asa fambolena	80
2.3.1.2. Fifanampiana sy fifampitsimbinana.....	82
2.3.2. Fandalana ny maha-Malagasy	83
2.3.2.1. Ny teny.....	83
2.3.2.2. Ny finoana.....	84
2.3.3. Ireo fihetseham-po ateraky ny fandaozana ny tanindrazana.....	85
2.3.3.1. Ny fanantenana	85
2.3.3.2. Hanina.....	86
2.3.4. Fananarana.....	87
TOKO III – NY FITIAVAN’OLON-DROA.....	89
3.1. Ny fitsirian’ny fitiavana	89
3.1.1. Ny olona niantefan’ny safidy sy ny fitiavan’ny mpanoratra.....	89
3.1.2. Antony nahatonga ilay fitia	91
3.1.2.1. Ireo singa manintona ny mpanoratra amin’ny olon-tiany.....	91
3.1.2.2. Ny fomba entina anehoana fitiavana.....	96
3.1.2.3. Ny vokatry ny famborahana fitiavana.....	100
3.2. Ny fivelarany.....	102
3.2.1. Ny fikolokoloana ny fitiavana	102
3.2.1.1. Fikolokoloana ny fitiavana amin’ny alalan’ny teny	102
3.2.1.2. Ny fihetsika ampiasaina hikorokoloana ny fitiavana.....	105
3.2.2. Ny herin’ny fitiavana.....	108

3.2.2.1. Ny herin'ny fitiavana eo amin'ny mpifankatia	109
3.2.2.2. Herin'ny fitiavana eo amin'ny fiaraha-monina.....	114
3.3. Ny faharavan'ny fitiavana.....	116
3.3.1. Ireo antony nahatonga ny faharavam-pitiavana	117
3.3.1.1. Ady sy fifamaliana	117
3.3.1.2. Fampirafesana	119
3.3.1.3. Fitiavana nangalarina	119
3.3.1.4. Tsy anjara	121
3.3.2. Ny fihetsiky ny roa tonta.....	122
3.3.2.1. Ny fihetsiky ny nandao.....	122
3.3.2.2. Ny fihetsiky ny nilaozana.....	123
3.3.3. Ny vokatry ny faharavam-pitiavana teo amin'ny nilaozana	127
3.3.3.1. Fanenenana.....	128
3.3.3.2. Alahelo	128
3.3.3.3. Ireo zavatra nafoy sy rava	129
FIZARANA FAHATELO : NY FOMBA FANORATRY NY MPANORATRA ARY FAMPAHAFANTARANA IREO MPAMAKY SY/NA MPIHAINO ...	132
TOKO I – NY ENDRIKA IVELAN'NY TONONKIRA.....	134
1.1. Ny literatiora sy ny kanto	134
1.1.1. Famaritana ny literatiora.....	134
1.1.2. Famaritana ny pôezia	135
1.1.3. Ny kanto amin'ny ankapobeny	135
1.2. Ny endrika ivelan'ny tononkira	138
1.2.1. Ny lohatenin'ny tononkira	138
1.2.2. Ny andalana sy ny andininy	139
1.2.2.1. Ny andalana.....	140
1.2.2.2. Ny andininy	142
1.2.2.3. Ireo mari-piatoana nampiasainy	148
1.2.3. Ny rima.....	150
1.2.3.1. Ny rima mifanjohy (aa, bb).....	151
1.2.3.2. Ny rima mifaningotra (ab, ab)	151
TOKO II – NY TENY SY NY SARIN-TENY NAMPIASAINY.....	155
2.1. Ny teny sy ny voambolana nampiasainy.....	155
2.2. Ireo sarinteny.....	158

2.2.1. Ny tamberin-javatra	159
2.2.1.1. Ny “Anaphore”	159
2.2.1.2. Ny “Epiphore”	160
2.2.1.3. Ny “Anadiplose”	162
2.2.2. Ny fanovan-javatra.....	163
2.2.2.1. Ny fanovana anarana.....	163
2.2.2.2. Ny fanovana endri-javatra	164
2.2.3. Ny sarin-teny hafa sisa	166
2.2.3.1. Ny “Ellipse”	166
2.2.3.2. Ny “Gradation”.....	167
2.2.3.3. Ny “Parallélisme”	168
2.2.3.4. Ny “Interrogation oratoire”	169
2.2.3.5. Ny “Epiphonème”	169
2.2.3.6. Ny zana-teny “tsy..fa...”	170
TOKO III – NY MPAMAKY SY/NA MPIHAINO ARY MPANKAFY NY TONONKIRANY	173
3.1. Ny tsy fahafaha-misaraka eo amin’ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamakysy/na mpihaino.....	173
3.2. Ireo mpankafy sy/na mpihaino ary mpankafy ny tononkirany	175
3.2.1. Ny mpianatra sy mpampianatra	176
3.2.1.1. Ny mpianatra	176
3.2.1.2. Ny mpampianatra	178
3.2.2. Ny olon-tsotra.....	179
3.2.3. Ireo mpiasan’ny onjam-peo.....	180
3.2.4. Ireo mpihira sy mpamoron-kira ary mpitendry	181
TENY FAMARANANA	186
BOSY SY TAHIRIN-KEVITRA.....	189

TENY FAMPIDIRANA

Ho famaranana ny fianarana nataonay teto amin'ny sekoly ambony fanofanana ho mpampianatra any amin'ny ambaratonga faharoa, dia manao izao asa fikarohana izao izahay mpianatra, mpikaroka. Natao indrindra koa izao mba hahazoana ny mari-pahaizana C.AP.E.N.

Misy karazany telo ny sehatra azo irotsahana sy azo anaovana fikarohana, raha ny taranja Malagasy no resahina, dia ny riba sy ny hainteny ary ny literatiora. Ity farany no nanintona anay. Io mantsy no manavanambanana anay kokoa amin'izy telo ireo. Tsy midika ho fanaovana tsinontsinona ireo zana-taranja roa voalohany, anefa, akory izany satria natao hifameno sy miara-dalana izy ireo.

Mbola mizara roa anefa ny literatiora : ny literatiora am-bava na ny lahabolana ary ny literatiora an-tsoratra. Koa ny literatiora an-tsoratra no niantefan'ny safidy sy nironan'ny sainay satria asa miompana amin'ny fanadihadiana mpanoratra sady mpanakanto iray sy ny asa sorany no ifotoranay eto, izay nampitondrainay ny lohateny hoe : "IREO KALOM-PITIAVANA HITA TARATRA AO AMIN'NY TONONKIRAN'I ABEL RATSIMBA ".

Natao hanehoana ny fiainana sy ny zava-misy rehetra ao anaty fiaraha-monina... ny literatiora. Maneho izany i WELLEK sy i WARREN. Hoy izy ireo : "*Maneho ny fiainana ny literatiora, ary amin'ny ankapobeny ny atao hoe fiainana dia ireo zava-misy ara-piaraha-monina*"⁽¹⁾.

Manazava misimisy kokoa io tenin'i WELLEK sy WARREN io i Charles RAJOELISOLO, araka izao : " [] mibahan-toerana ao [ao amin'ny literatiora] kosa ny eritreritra manoloana ny fepetra mifehy ny olombelona eto an-tany dia ny hetahetam-piainany, ny fifaliany, ny fahasambarany, ny adin-tsainy, ny fahoriany, ny tebitebiny, ny fahadisoam-panantenany ; ireny no asa soratra tsy lefin'ny fotoana ka mitoetra ho sangan'asa eo anivon'ny tantara, na aiza toerana na inona ivelomana " ⁽²⁾. Araka izany, taratry ny fiainana ny literatiora ary natao hitaizana sy hanabeazana,

¹ (R), WELLEK & WARREN, *La théorie littéraire ?* Collection poétique, Editions du Seuil, Paris, 1971, p.129 : « La littérature représente la « vie » est dans une marge mesure, est une réalité sociale ».

² (Ch.) RAJOELISOLO, *Ny Sakaizan'ny tanora*, Novembre 1931, « Tsipy hevitra ho an'izay tehanoratra »

isintonan-kevitra sy lesona ary anatra eo amin'ny fiainana ny literatiora. Mety ho hita sy hovoaresaka ao anatiny avokoa mantsy ny zava-misy sy mitranga na efa nitranga... eo amin'ny fiainana andavan'andro. Koa anjaran'ny tsirairay no mandray izay tandrify sy sahaza azy avy ao amin'izany.

Araka ny nambaranay teo aloha, dia tsy ny literatiora amin'ny ankapobeny no hohalalininay eto fa irony tononkirana mpanakanto irony.

Antony vitsivitsy no nahatonga anay nisafidy handalina mpanoratra sady mpanakanto iray sy ny tononkirany. Tsy iza io olona io fa i Abel RATSIMBA. Ireto avy izany antony izany : voalohany, mpanoratra tsy mbola nisy nanao asa fikarohana izy kanefa azo lazaina ho anisan'ny ngezalaha eo amin'ny tontolon'ny hira. Eo ihany koa ny fitiavanay hirahira sy mihira, indrindra ny hira taloha. Efa nanintona ahy manokana hatramin'ny fahazazako ny hirany ary mbola ankafiziko hatramin'izao. Izany no anisan'ny antony nironanay tamin'ny fandalinana ny tononkirany. Ny hirany koa mahasedra sy mahatety vaninm-potoana rahateo, tsy lefy laza, ka azo anaovana asa fikarohana tsara.

Manaraka izany, mbola velona i Abel RATSIMBA, koa azo araraotina tsara ny fahafaha-mitafa sy miresaka aminy mivantana ny amin'ny tantaram-piainany sy ireo sangan'asany.

Fa anisan'ny tena nanaitra ka tsy nampisalasala anay hanao ity asa fikarohana momba azy ity, ny fahaizany mamoron-kira sy feon-kira, kanefa izy tsy nianatra ary tsy mahay sy tsy mahalala ny resaka momba ny fitendrena zava-maneno sy ny mozika na sôlfa...mihitsy. Araka ny hita sy ny fahalalanay mantsy, dia tsy vitsy ireo mpihira no sady mahay mamoron-kira sy feon-kira ary mahay mitendry zava-maneno, no mahafolaka ny lafiny sôlfa sy naoty koa. Ohatra amin'ireny i Bessa, i Henri RATSIMBAZAFY.

Tsy izany ihany fa ny fiainan'ny olona dia feno hirahira. Koa ny hira dia sady fialam-boly no azo atao ho fitaovam-pitaizana amam-panabeazana mahomby tokoa. Mora voarain'ny olona kokoa ny hafatra... atao an-kira.

Fa toy ny mpanoratra sy/na poeta ihany ny mpanakanto : mampahalala ny zava-misy hita sy iainana ao anaty fiarahamonina sy firenena mihitsy aza izy. Manamarina izany ny tenin'i WELLEK sy i WARREN, manao hoe : " Ny

mpanakanto dia mpitondra zava-misy marina, indrindra fa ny zava-misy marina aratantara sy ara-piaraha-monina "(³).

Farany, mirakitra tantara sy mitahiry ny teny ny tononkira.

Ireo no antony nisafidiananay an'i Abel RATSIMBA sy ny tononkirany.

Fa raha misy ny safidy, misy ny tanjona. Koa misy hatrany ny tanjona kendrena, rehefa manao zavatra iray ny olona.

Anisan'ny tanjona kendrena amin'ity asa fikarohana ity ny fampahafantarana an'i Abel RATSIMBA miaraka amin'ireo hirany, amin'ny mpamaky sy/na mpihaino. Na dia tsy zoviana amin'ny olona maro, indrindra fa ireo efa zokinjokiny aza mantsy izy, dia tsy vitsy ireo tanora ankehitriny no tsy mahalala azy sy ny tononkirany akory.

Mboka zava-kendrena amin'ny fanatanterahana izao asa fikarohana izao koa ny hanatevina ireo tahirin-kevitra azon'ny mpampianatra ampiasaina any ampianarana, ka hampitombo sy hampiitatra ny ambaindain'ny literatiora malagasy.

Farany, natao indrindra ity asa ity mba hanentanana sy hampirisihana ny olona manan-talenta amin'ny fihirana, na tsy mahay sy tsy nianatra mozika... aza, mba haneho sy hamoaka ary hikelokelo izany talentany izany, tahaka an'i Abel RATSIMBA, fa tsy tokony hafenina na hokobonina fotsiny any anaty any.

Mba hahatomombana tsara ny asa fikarohana izay atao dia tsy maintsy misafidy ny haitsikera hitondrany ny fandalinana ny mpikaroka.

Manana safidy malalaka ny mpianatra amin'ny fampiasana izay haitsikera tiany hampiharina ao amin'ny asa ataony. Noho ny asanay miompana sy mifototra amin'ny fanadihadiana mpanoratra sy ny asa soratra, dia heverinay fa ny haitsikera miompana amin'ny tantaram-piainan'ny mpanoratra no mifanentana aminy. Araka ny fantatry ny rehetra, tsy azo sarahana amin'ny mpanoratra azy ny asa soratra. Misy fifandraisana akaiky mantsy eo amin'izy ireo, araka izao anambaran-dRAHAROLAHY azy izao : "*Ny fandalinana ny tantaram-piainan'ny mpanoratra dia hanampy ny mpamaky amin'ny fanakarana ny hevi-dalina voarakitra ao*". (⁴)

³ (R), WELLEK & WARREN, op. cit. "*L'artiste est porteur de vérité, et nécessairement, il est aussi porteur de vérité historique et sociale*"

⁴ (E.) RAHAROLAHY, Erika, Imprimerie d'ouvrages éducatifs, librairie Mixte, 1976, « Teny Fanolorana », tak.5

Na eo aza anefa izany, tsy azo atao ny mitompo teny fantatra, ka hanambara fa ny asa soratry ny mpanoratra dia mitovy sy mitovy tanteraka amin'ny fiainany na ny tantaram-piainany. Maneho ny heviny momba izany i GOETHE, manao hoe : *" Na dia misy ifandraisana aza ny asa soratra sy ny fiainan'ny mpanoratra dia tsy azo tsoahina kosa ho dika mitovin'ny fiainana ny asa soratra "* ⁽⁵⁾

Tsy ampy anefa ny vokatra azo ary tsy tomombana ny fandalinana, raha haitsikera tokana ihany no ampiasaina. Manaporofo izany RANARISON, ao amin'ny *Aingam-pivoarana*, ka nambarany fa : *" Tsy misy lalan-tsikera tokana ahazoana mandinika asa soratra amin'ny lafiny rehetra. Petra-kevitra samihafa no hiaingan'ny mpahay tsikera arakaraka izay lafiny kendrena havoitra "* ⁽⁶⁾. Noho izany, heverinay fa tsara raha ampiana haitsikera ara-tara-kevitra sy ara-drafitra... io haitsikera ara-tantaram-piainana io.

Ny manao zavatra moa tsy mora. Koa tamin'ny fanatanterahana izao asa izao, dia nisy ny olana nosetraina. Teo aloha ny tsy fahitana firy ireo boky sy tahirin-kevitra ilaina any amin'ireo tranom-boky isan-karazany. Noho izany, nanano sarotra ny fitadiavana azy ireny. Manaraka izany, teo ihany koa ny olana tamin'ny fanangonana ireo vondrona ambara hoampiasaina. Noho ny fahaverezan'ny boky nitehirizan'ny mpanoratra ireo tononkirany, dia voatery niainga tamin'ny fihainoana horonam-peo aloha izahay, mba hahafahana manomboka ny asa, satria fotoana maharitraritra ihany vao voadikan'ny mpanoratra ireo tononkirany. Ireo no olana lehibe tsapanay tamin'ny fanatanterahana ity asa fikarohana ity. Izany anefa tsy natao hahakivy na ho vato misakana tsy hirosoana amin'ny fanatanterahana azy.

Fizarana telo lehibe no mandrafitra ity asa fikarohana, nampitondrainay ny lohateny hoe : **" IREO KALOM-PITIAVANA HITA TARATRA AO AMIN'NY TONONKIRAN'I ABEL RATSIMBA "** ity. Ao amin'ny fizarana voalohany no hiresahana sy hampahafantarana an'i Abel RATSIMBA sy ny tantaram-piainany, amin'ny maha-olon-tsotra sy amin'ny maha-mpanoratra sady mpanakanto azy. Ny fizarana faharoa kosa no natokana handalinana sy hamakafakana ny tara-kevitra " fitiavana ", izay mety hiseho amin'ny endrika maro, ka ny tononkiran'i Abel

⁵ Teny tanterin'i WELLEK & WARREN, op.cit. , tak.105 : *"Même lorsqu'il y a un rapport étroit entre l'oeuvre et la vie d'un auteur, il ne faut jamais en inférer que l'oeuvre n'est qu'une copie de la vie »*

⁶ RANARISON

RATSIMBA no fitaovana hiaingana amin'izany. Farany, tsy azo atao ambanin-javatra ny fomba fanoratra ny mpanoratra ary ny mpamaky sy/na mpihaino, izay famenon'ny toko telo mahamasa-nahandro, anehoana ny maha-mpanoratra an'i Abel RATSIMBA. Ao amin'ny fizarana fahatelo no hamelabelarana ny momba izany.

Fa misy fetrany avokoa ny zava-drehetra, eny fa na dia ny asa fikarohana toy itony aza. Koa na tsy nanoratra afa-tsy tononkira aza i Abel RATSIMBA , dia inoanay fa mola azo trandrahana sy azo halalinina tsara ny lafiny mozika sy ny lafiny maha- am-bava azy, satria ny maha-literatiora an-tsoratra azy no tena ifotoranay sy anompananay izao asa izao fa tsy nandalina loatra ny resaka feo sy mozika izahay.

FANAFOHEZAN-TENY

- V.A. : Vondrona ambara
- lah : laharana

**FIZARANA VOALOHANY :
NY TANTARAM-PIAINAN'NY
MPANORATRA**

Olombelona toy ny olombelona rehetra ihany ny mpanoratra sy ny poeta fa tsy hafa akory, na dia manana izay mampiavaka azy manokana aza. Miaina sy mivelona ao anaty fiarahamonina izy ireny ary avy ao anaty fiarahamonina ihany koa satria : "*Tsy nitsontsorika avy any an-danitra na nitrebona avy tamin'ny tany ny Haisoratra sy ny mpanoratra fa olombelona []*" ⁽⁷⁾, manana ireo loharano nipoirany, nitaiza sy nanolokolo ary nanabe azy.

Ny tsirairay avy, na iza na iza tonga sy miaina eto an-tany dia tsy nisy sy tsy ary, raha tsy tao ireo ray aman-dreny nahitana masoandro. Tahaka izany koa no nampisy ny mpanoratra sy ny poeta, loharano nipoiran'ny asa soratra no sady mpamorona sy mpamokatra ny literatiora koa...

Maro anefa, ireo mametra-panontanianana manao hoe : fa iza marina moa no atao hoe mpanoratra na poeta, ary izay rehetra manoratra ve azo antsoina amin'ireo anarana ireo avokoa ? Mamaly izany indrindra i Randja ZANAMIHOATRA ao amin'ilay tononkalony mitondra ny lohateny hoe " Poeta " :

*" Raha mbola tsy hary akory ny vatanao malia
no efa niantso anao ny Sary sy ny Hira
Hanakoako loatra ny fiainanao satria
Fihaonan'ny Mahery akaiky sy an-dakira "* ⁽⁸⁾

Hita sy tsapa araka io andinin-tononkalo io fa olona efa voafidy hatrany ankibon-dreniny, ary talohan'ny nahatorontoronina azy dia efa voatokana ho poeta sy/na mpanoratra ny olona iray.

Amin'izay maha-olom-boatokana sy olom-boafidy azy izay indrindra, tsy miasa ho an'ny tenany irery izy na mitondra ny teniny ihany. Tahaka ny olom-boafidy rehetra dia miasa sy mampita ny hetahetan'ny mpiara-belona aminy sy mampahalala ny zava-misy hita sy iainany eo anivon'ny fiarahamonina..., araka izao anambaran'i Job RAKOTOJAONA azy izao :

*" []
ny poeta tsy milaza na mitory tena akory
Fa mitory teny kosa sy mamaofy ny eto an-tany
Ka mamantatra no ho avy sy mamoha ny elabe "* ⁽⁹⁾

⁷ (Ch.) RAVOAJANAHARY, *Fanasina*, 1969

⁸ (R) ZANAMIHOATRA, *Vainafo Tononkira*, « Poeta », tak.12

⁹ (J) RAKOTOJAONA, *Gazety Dina*, « Poety », lah 27, Zoma 27 Jan. 1975

Na izany aza, anefa, samy manana ny mampiavaka azy sy ny tantaram-piainany manokana, tsy iraisany na ikambanany amin'ny hafa ny tsirairay avy. Izany no hanokananay ity fizarana voalohany nampitondraina ny lohateny hoe : " NY TANTARAM-PIAINAN'NY MPANORATRA " ity, mba hampahafantarana sy hamphalalana ny mombamomba ny mpanoratra izay anontanana sy ifotoran'ity asa fikarohana ity. Koa ny mpanoratra sady mpanakanto nofidianay dia i Abel RATSIMBA.

" Ny hisavasavana ny raviny no hahitana ny fotony ". 'Ndeha àry hiroso avy hatrany amin'ny fampahafantarana ny tantaram-piainany isika. Toko roa lehibe no hovelabelarina ao anatin'izany dia ny tantaram-piainany amin'ny maha-olon-tsotra azy sy ny tantaram-piainany amin'ny maha-mpanakanto azy. Ireo no itondrana ity fizarana voalohany ity ka ny lafiny maha-olon-tsotra azy no anombohana izany.

TOKO I : I ABEL RATSIMBA AMIN'NY MAHA- OLON-TSOTRA AZY

1.1. Ny loharano nipoirany sy ny tanindrazany

Zana-dohahevitra telo azo lazaina fa mifampitohy sy mifampiankina tanteraka no horesahina sy hovelabelarina ato anatin'ity zana-toko voalohany ity. Tsy inona izany fa ny mikasika ny loharano nipoiran'ny mpanoratra sy ireo iray tampo aminy ary ny tanindrazana niaviany. Ny ray aman-dreny mantsy no fototra nipoiran'ny zanaka ary " ny zanaka no harena ".

1.1.1. Ny loharano nipoirany

" Ny biby tsy manan-doha tsy mandeha " ary tsy mety ny manao " rano dikain'ny zinga ", ka hinia tsy hahalala na hanao ho ambanin-javatra ireo nahitana ny masoandro amam-bolana, lany mondron-kery, nanabe sy nitaiza ary nanolokolo.

RATSIMBA RAKOTOMANGA Abel, fantatry ny maro amin'ny anarana hoe Abel RATSIMBA dia teraka tamin'ny 05 Aogositra 1937 tao Ambatomitsangana Ankadifotsy.

RAKOTOMANGA Ernest Ignace, zana-dRATSIMBA sy RATAVY no rainy. Ramatoa RATOANDROARIMANANA Jeannette, zana-dRazanamampandry sy RAZAFINDRAHONA kosa no reniny niteraka azy.

Araka ny teny ao amin'ny *Baiboly* moa : " [] Ny zavatra rehetra samy manana ny fotoany avy, ary samy manana ny androny avy. [] Ao ny andro ahaterahana, ary ao ny andro ahafatesana " (¹⁰). Koa ny taona 1896 sy ny 02 Jolay 1919 no nahaterahan'ireo ray aman-drenin'i Abel RATSIMBA ary tamin'ny 1946 no maty ny rainy, raha toa ka ny taona 1993 no nindaosin'ny fahafatesana ny reniny. Araka izany, kamboty tanteraka i Abel RATSIMBA amin'izao fotoana izao.

Mialoha ny hampahafantarana ireo iray tampo aminy, dia tsara ny manome fanazavana tsotsotra mikasika ny anaran'ny mpanoratra satria tsy nataotao foana ny anarana izay omena ny zanaka eo am-pahaterahana ary entiny mandra-pahafatiny, ho

¹⁰ Mpitoriteny 3 : 1a sy 2a, *Baiboly*, tak.613

an'ny Malagasy. Misy hevitra raketiny sy mety hifono faniriana ny amin'ny ho toetra sy ny fiainan-koavin'ilay zaza izany. Toy izao manaraka izao àry no azo ambara mikasika ny anaran'i Abel RATSIMBA sy ny hevitra mety hofonosiny :

- **RATSIMBA** : Ra- : " *mpanoritra anarana zary tovoana eo alohan'ny anaran-tsamirery milaza olona, indrindra amin'ny foko anivon-tany, ka atao hoe mari-panajana. Mifanohitra amin'ny i* " (¹¹).

tsimba : foto-teny

Anaram-pianakavian-dry zareo avy amin'ny reniny io hoe RATSIMBA io.

- **RAKOTOMANGA** : Ra : mbola mpanoritra anaran-tsamirery tahaka ny eo ambony ihany.

koto : manambara sy maneho fa zazalahy no teraka sady tompon'ilay anarana. " *Ilazan'ny olona ny zazalahy* " (¹²)

manga : loko, maneho ny hatsarana sy ny fahadiovana. Ohatra : Manga ny lanitra

- **Abel** : " *Fofon'aina, zava-poana* " (¹³)

Toy izay ny mombamomba ireo loharano nipoiran'ny mpanoratra fa izao kosa dia hofantarintsika ireo iray tampo aminy.

1.1.2. Ireo iray tampo aminy

Ho an'ny Malagasy, ohatra ny mbola velona hatrany ny olona iray, na dia efa maty aza satria manana ireo taranany handimby sy hamelo-maso ny anarany. Maneho izany indrindra ity tenin'i Emilson Daniel ANDRIAMALALA ity : " *Ho faty izy, nefa alohan'ny hahafatesany, dia hamela taranaka izay hodimbiasan-taranaka hatrany hatrany* " (¹⁴).

Araka ny voalazan'ny mpanoratra taminay dia enina mianadahy izy ireo no iray tampo : roa no vavy ary efatra lahy. Ireto avy ny anaran'izy ireo araka ny filaharany avy :

- i Abel RATSIMBA no lahimatea no sady zokiny indrindra,

¹¹ (R.R) RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*, Ambozontany Fianarantsoa, 1985, tak.805

¹² (R.P.) MALZAC, *Dictionnaire Malgache – Français*, Paris, Société d'Éditions géographiques, maritimes et coloniales, 1962, tak. 362 : « *Un garçon* »

¹³ Gensisy 4, 2, *Baiboly*, tak.7

¹⁴ (E.D.) ANDRIAMALALA, *Zazavavindrano*, tak.

- i ANDRIAMAMPANDRY Ratsimba,
- RATOANDROARISOA Ernestine Colette,
- RAMANANTENA Harisoa,
- RAZANAMAMPANDRY Honeste,
- RAZANAMAMPANDRY André.

Efa nodimandry ny iray amin'ireo iray tampo aminy. Tsy iza izany fa ny zandriny vavimatoa, dia RATOANDROARISOA Ernestine Colette ary tamin'ny taona 1979 no nisian'izany. Hita taratra ao amin'ny asa sorany ny momba an'io, ary " zoky " kosa no teny nampiasainy fa tsy " zandry " satria noraisiny sy noheveriny ho zoky io anabaviny io :

" Izoky koa tsy eto, nalainareo

Fa mangana alefa hitoreo "

(V.A., lah.87)

Anisan'ny toe-javatra nampalahelo an'i Abel RATSIMBA teo amin'ny fiainany ny fahafatesan'io zandriny io ary nampaharary ny fony mihitsy.

Fa mifaningotra sy mifamatotra amin'ny fiainan'ny olombelona ny tany niaviany na ilay antsoina hoe tanindrazana.

1.1.3. Ny tanindrazany

Samy manana tanindrazana roa samy hafa iavahany amin'ny rehetra ny olona tsirairay avy, ankoatra an'i Madagasikara, tanindrazana iombonan'ny Malagasy. Ao ny tany niavian'ny ray ary ao kosa ny toerana nipoiran'ny reny. Koa raha ny amin'ny tanindrazan'i Abel RATSIMBA manokana no asian-teny dia i Manjaka Ilafy no niavian'ny rainy ary Ambohimanga kosa no tanindrazany avy amin'ny reniny. Samy ato anatin'ny faritanin'Antananarivo, faritra Analamanga no misy azy ireo ary samy mihazo ny lalam-pirenena fahatelo na ny RN3 avokoa. Na izany aza anefa, tsara ny maneho fa tsy any amin'ireo toerana ireo no misy ny fasan-drazan'izy ireo, fa ao Ambatomitsangana Ankadifotsy, faritra nonenan'ireo raibe sy renibeny avy amin'ny reniny. ⁽¹⁵⁾

¹⁵ Resadresaka nifanaovanay taminy ny Alakamisy 21 Jolay 2005.

Raha izay àry no azo nambara mikasika ny ray aman-dreniny sy ny iray tampo aminy ary ny tanindrazan'ny mpanoratra, manao ahoana kosa ny amin'ny fiainam-pahazazany.

1.2. I Abel RATSIMBA sy ny fahazazany.

Ny fanabeazan'ireo ray aman-dreniny azy sy ny teo anivon'ny fiarahamonina no ezahina hovelabelarina ato anatin'ity lohahevitra momba ny fiainam-pahazazan'ny mpanakanto ity.

1.2.1. Ny fanabeazan'ireo ray aman-dreniny azy.

Lafin-javatra roa no azo anasokajiana ny fomba fitaizana sy fanabeazan'ny ray aman-dreny ny zanaka eo anivon'ny ankohonana, dia ny kolontsaina nitaizana ny zaza ary ny fifehezana azy ireny amin'ny alalan'ny fampiasana paika sy tetika samihafa.

1.2.1.1. Ny kolontsaina

Rehefa maty ilay ray niteraka, andry niankinan-dry Abel RATSIMBA fito mianaka, dia nifindra sy nitoetra tao amin'ny raibe sy renibeny avy amin'ny reniny izy ireo. Araka izay maha-eo akaiky sy maha-taizan'i dadabe sy nenibe azy izay, tsy diso anjara tamin'ny fitantarana sy fihainoana angano sy tantara izy. Teo ampiandrasana ny sakafo hariva no fotoana nanatanterahany izany. Tsy ny renibeny, anefa, no mpitantara, fa ny raibeny satria i nenibe sahirana manao raharaha...⁽¹⁶⁾. Maro ireo angano fanaony tamin'izany, mba hahaliana ireo zafikeliny sy hitazonana azy ireo tsy hatory. Natao koa izany mba hisintonana lesona sy fananarana eo amin'ny fiainana. Isan'ireny ny "Ikotofetsy sy Imahakà", "i Trimobe sy i Sohitika"...Ny fampahafantarana ny tantaram-pirenena sy ireo olo-mangany kosa no vontootin'ny tantara notantaraina taminy.

Araka izany, angano sy tantara no kolontsaina nanefena sy nanabeazan'ireo ray aman-dreniny azy. Fa ankoatra ireo, mbola nisy paika sy tetika hafa nampiasaina, tamin'ny fanabeazana sy fitaizana ny mpanoratra.

¹⁶ Fanadihadiana natao ny Alarobia 18 janoary 2006

1.2.1.2. Paika sy tetika hafa.

Toy ny fanabeazan'ny ray aman-dreny rehetra ny zanany, dia anisan'ny fomba enti-mitaiza sy manabe ny zaza ny fanoroana azy ny tokony hatao sy ny tsy mety, ny tsara sy ny ratsy... Izany hoe adidin'ireo " masoandro amam-bolana " ny manoro sy mananatra ary mandrara ireo menaky ny ainy, raha misy tsy mety na ditraditra ataony, mba tsy hanaovany sy/na tsy hamerenany izany intsony. Ireo no dingam-pitaizana sy fanabeazana voalohany tsy maintsy atao sy ampiharina amin'ny fitaizan-janaka.

Amin'ny maha-ankizy ny ankizy anefa, arakaraka ny handrarana azy no vao maika hanaovany izany. Koa rehefa tsy laitra toroana sy anarina ny zaza, dia mampiasa paika sy tetika hafa ny olon-dehibe ary miroso amin'ny ambaratonga ambony sy mafimafy kokoa noho ny teo aloha. Tsy inona izany fa ny famaizana amin'ny alalan'ny kapoka. Noho izany, efa nokapohana ihany koa i Abel RATSIMBA tamin'ny androm-pahazazany. Anisan'ny nandrarana sy nikapohana azy, ohatra, ny fihinanana voankazo manta.

Hita sy tsapa amin'ireo fa tena namolavola sy nanabe ny zanany ho tonga olom-banona tokoa ireo loharano nipoiran'ny mpanoratra, satria tsy nionona tamin'ny fanoroana sy fananarana fotsiny izy ireo, fa nanafay tamin'ny alalan'ny kapoka ihany koa. Nataony ho filamatra ilay ohabolana manao hoe : " *Ny zanaka tiana tsy hitsitsiana rotsakazo* ". Manamarina izany koa ny voalazan'ny *Baiboly* hoe : " *Ny tsorakazo sy ny anatra no manome fahendrena. [] Raha teny fotsiny ihany, dia tsy ampy hananarana[]* " (¹⁷).

Tsy ny ray aman-dreny niteraka ihany, anefa, akory no manabe ny zaza, fa eo ihany koa ny fiarahamonina.

1.2.2. Fanabeazana azy teo anivon'ny fiarahamonina

Azo lazaina fa manana adidy sy andraikitra amin'ny famolavolana sy fanabeazana ny zaza, ankoatra ny ray sy ny reny niteraka ny fiarahamonina misy azy sy iainany. Tanjona amin'izany ny mba hahazana'ny ankizy hiara-miaina sy hifandray ary hifanerasera amin'ny hafa. Voakasik'izany avokoa na ny ara-batana, na ny ara-tsaina, na ny ara-panahy. Ny famantarana ny kilalao fanaony tamin'ny

¹⁷ Ohabolana 29 : 15 a sy 19a, *Baiboly*, tak.608

mbola kely sy ireo sekoly nianarany ary ny finoana narahiny no itondrana sy anompanana ity " fanabeazana azy teo anivon'ny fiarahamonina " ity.

1.2.2.1. Ny kilalaony

Anisan'ny manamarika ny fiainam-pahazazana sy ankafizin'ny zaza sy ny ankizy ary tena mamy tokoa ny kilalao sy ny milalao. Fomba iray tena ilaina eo amin'ny fanabeazana azy ireny, na ara-batana na ara-tsaina mantsy izy io. Ilainy ny milalao satria io no fialam-boliny ary manome hery sy tanjaka ny vatany, manefy azy sahady koa mba hahalala sy hamantatra ary ho sahy hatrika sy hanefa ny asa aman-draharaha, ny adidy aman'andraikitra miandry azy eo amin'ny fiainana, rehefa lehibe izy. Ao anatin'ireny kilalao ireno no ahatsapany ny zava-misy sy tandindon'ny fiainana iainany sy hatrehiny rahatrizay. Manaporofy izany ny ampahan-dahatsoratra iray nalaina tao amin'ny *Dinika*, manao hoe :

" [] tao koa ny lalao izay azo heverina fa manana anjara toerana lehibe mhitsy eo amin'ny fanabeazana.

Amin'ny maha-fialam-boly azy dia antokon-javatra ilain'ny ankizy ny lalao, ary mifanojo indrindra amin'ilay faniriany hampiasa ny hery vao miboiboika ao anatin'ny ao ; mifanojo koa amin'ilay fitiavany hianatra sy haka tahaka ny ataon'ny olon-dehibe. Ary izay fifanojoan'ny lalao amin'ny fitiavan'ny ankizy haka tahaka ny ataon'ny olon-dehibe izay indrindra no hahazoana mampiasa azy ho fomba fanabeazana. Izany hoe raha fintinina dia izao : ny lalao no ahitan'ny ankizy ny sarin'ny fiainana hatrehiny rehefa atsy ho atsy kokoa ; ary rehefa milalao izy dia toy ny efa manazatra tena sahady hanao ny asa aman-draharaha hosahaniny rehefa rahatrizay lehibe izy " (¹⁸).

Koa raha ny kilalao fanaon'ny mpanoratra tamin'ny androm-pahazazany dia anisan'ny nankafiziny ny nanao baolina sy ny nifanenjika, ny fangala-piery ary ny nihirahira sy nanao mpampianatra mpampianatra. Nanao tsikoninkonina ihany koa izy, isaka ny faha-14 Jolay, fetim-pirenena Frantsay.

¹⁸ DINIKA, N° 6 (I.N.S.R.F.P), « NY ANJARA TOERAN'NY LALAO TEO AMIN'NY FANABEAZANA »

Tsy ny milalao ihany anefa akory no zo ananan'ny ankizy eo amin'ny fiainany, fa eo dia eo koa ny fahafahana mandeha any am-pianarana. 'Ndeha àry hofantarintsika ireo sekoly nanovozany fahaizana amam-pahalalana.

1.2.2.2. Ny sekoly nianarany

Feno enin-taona katroka i Abel RATSIMBA no nanomboka nandia ny varavaran-tsekoly ; izany hoe ny taona 1943. Tao amin'ny Collège MICHELET Ambatomitsangana Ankadifotsy no nisantarany izany. Andriamatoa RANDRIAMAHARO Rémi no mpampianatra azy tao. naharitra folo taona ny nianarany tao : 1943-1953.

- 1954-1956 : Nanohy nandranto fahaizana amam-pahalalana teny amin'ny Collège CHRETIENNE Befelatanana Ankadifotsy izy.

- 1957 : Nandray anjara tamin'ny fanadinana fifaninanana hidirana tao amin'ny Le Myre de Villers tao Mahamasina izy ary niofana tao mba ho tonga mpampianatra.

Fa ankoatra ny vatana sy ny saina, tsy azo hadinoina ny fanahy maha-olona ny olona. Raha vao miresaka fanahy dia ny lafiny finoana no tonga ao an-tsaina avy hatrany ary ny momba izany no horesahina manaraka eto.

1.2.2.3. Ny finoany

Samy manana ny finoany sy ny zavatra inoany ary ny karazam-pinoana arahiny ny olombelona rehetra eto an-tany. Saingy ny finoana tiana holazaina sy hambara eto sady arahin'ny mpanoratra dia ny fivavahana kristiana. Araka izany, Portestanta i Abel RATSIMBA ary ao amin'ny F.J.K.M. Ankadifotsy izy no mivavaka isaka ny Alahady. Io no fiangonana nivavahan'ireo razam-beny sy ireo ray aman-dreniny hatramin'izay ary niderany sy nanompoany an'Andriamanitra, ka nitondrany ireo taranaka fara aman-dimby, ka mbola iangonany hatramin'izao.

Ho an'ny mpino ao amin'ny F.J.K.M., anisan'ny fanabeazana ny zaza eo amin'ny lafiny finoana ny fianarana Sekoly Alahady. Nianatra sy nanaraka izany i Abel RATSIMBA, tamin'ny mbola kely.

Mbola manamarika ny fiainam-pinoana koa ny fandraisana ireo Sakrameta Masina. Roa tamin'izy ireny no noraisin'ny mpanoratra : ny batista, izay natao tao Ankadifotsy ihany ary ny fanasan'ny Tompo. Tany Anjiro, ao anatin'ny faritanin'i

Toamasina no nandraisana azy ho Mpandray, tamin'ny taona 1966, fony izy niasa tany.

Ho famintinana izay voalaza mikasika ny fahazazan'ny mpanoratra izay, dia nahatsapa izy mpanakanto fa na dia nahasambatra sy nahafinaritra aza ny fahazazana, dia tsy azo notanana sy mihelina ihany toy ny zava-drehetra. Ambarany izany ao amin'ilay tononkira hoe : " Nandalo niserana ", manao hoe :

*" Nandalo niserana tsy hay notazonina
Ny fahazazana satry hokoonina
Fotoanan'ny hira, saingy, lalao
Tsy nahatsiarovana sento, talaho.
Dia ny andron'ny fahazazana
Teo anilan'i dada sy i neny
Fotoana tena nihantahantana
Tsaroana lava, tsaroana ombieny.
Nankaiza ireny, nankaiza hoy ianao,
Nandalo niserana ny ahy sy anao
[] ".*

(V.A., lah.39)

Fa aorian'ny fahazazana, tonga sy mandalo eo amin'ny fotoanan'ny fahatanorana sy ny fahalehibeazana ny fiainan'ny zanak'olombelona.

1.3. Ny fahatanorany sy ny fahalehibeazany

Araka io lohateny io, lohahevitra roa no hovelabelarina mifanesy eto. Ny fahatanorana no anombohana azy, satria, tanora aloha ny olona vao lehibe.

1.3.1. Abel RATSIMBA sy ny fahatanorany

Lafin-javatra telo no hovahavahana sy hitondrana ity lohahevitra momba ny fahatanoran'ny mpanoratra ity. Holazaina sy hotanisaina amin'izany ireo mari-pahaizana azony sy ananany ary ny fiainany tamin'ny fony mbola tanora sy ny

fialam-boly fanaony. Mialoha ireo anefa dia hijery famaritana vitsivitsy mikasika ny hatanorana isika, satria samy manana ny fiheverany ny amin'izy io ny olona tsirairay avy.

Ho an'i Régis RAJEMISA RAOLISON, ao amin'ny *Rakibolana Malagasy* : " *Ny hatanorana dia fizaran'ny fiainan'ny olombelona, na biby koa aza, eo amin'ny fotoana isandratany ary ivelaran'ny sainy sy ny toe-batany* ". (¹⁹).

I BROAD sy i TAUPIN kosa dia milaza ao amin'ny *Dictionnaire de la langue française* fa " *Ny hatanorana eo amin'ny fiainana dia fe-potoana eo anelanelan'ny fahazazana sy ny fahalehibeazana* " (²⁰).

Fa manana ny heviny momba ny hatanorana ihany koa i Abel RATSIMBA. Aminy, fotoana aorian'ny fahazazana izy io ary vanim-potoana tena tsara sy mahafinaritra tokoa eo amin'ny fiainana.

Jereo ange ny fikalony azy e :

" []

Nodimbiasan'ny hakanton'ny hatanorana

Hatanorana : Tsiky, hehy sy korana

[]

Ny hatanorana fiainana kanto

Izay irariana, iriana hilanto "

(V.A., lah.39)

Araka ireo famaritana ireo, ny hatanorana dia fe-potoana diavina aorian'ny fahazazana ary anisan'ny tsara indrindra eo amin'ny fiainana satria mampivelatra sy mampivoatra ny olona, na ara-tsaina na ara-batana.

Toy izay ny amin'ireo famaritana fa inona avy kosa àry ireo mari-pahaizana ananany ?

1.3.1.1. Ireo mari-pahaizana ananany

Raha ny fianarana norantovin'i Abel RATSIMBA no asian-teny dia ny fampianarana ankapobeny no narahiny ary tsy nianatra zavatra hafa ivelan'ny

¹⁹ (R.R) RAOLISON, *Rakibolana malagasy*, op.cit.

²⁰ BROAD & TAUPIN, *Dictionnaire de la langue française*, Imprimerie en France sur resse Offset Avril 2002, p.13 : « *Adolescence : période de la vie humaine comprise entre l'enfance et l'âge adulte* »

fianarana tany an-tsekoly izy. Ny mba hahafahany mirotsaka avy hatrany eo amin'ny sehatry ny asa, raha vao vita ny fianarany, mba hahazoany manampy sy mifanohana amin'ny reniny amin'ny fampitana ireo zandriny dimy mianadahy no antony.

Ireto avy ary ireo mari-pahaizana ananany sy azony nandritra izany :

- 1953 : nahazo ny C.E.P.E. izy,
- 1955 : " Certificat d'Etudes du Second Degré " na C.E.S.D, tao amin'ny Collège Chrétienne befelatanana Ankadifotsy,
- 1958 : " Cours d'Aptitude à l'Enseignement " na C.A.E. Ancien Régime tao amin'ny Le Myre de Villers,
- 1962 : C.A.E. Nouveau Régime. Tany Toamasina no nakany sy nahazoany an'io.

Efatra izany no isan'ny mari-pahaizana ananany.

Fa eo amin'ny fahatanorana, manana ny fiainana mampiavaka azy manokana ny tanora. Tsy inona no tiana hambara eto fa ny lafiny fitiavana.

1.3.1.2. Ny fiainany fony tanora

Tahaka ny tanora rehetra, nanana ny olona nifankatia taminy i Abel RATSIMBA, teo amin'ny sehatry ny fitiavan'olon-droa.

a) Ny renin-janany

Voajanahary eo amin'ny olombelona ny fitiavana misy eo amin'ny tanora lahy sy vavy, amin'ny androm-pahatanorana. Samy manana ny safidiny sy ny olona tiany ary iriany hiara-dalana aminy hamakivaky ny fiainana ny tsirairay avy amin'izany. Tsy diso anjara tamin'io lafiny io i Abel RATSIMBA satria nifankatia tamina vehivavy iray izy. RAVELOARISOA Julienne no anarany.

Ny fitiavana moa mazàna, rehefa latsa-paka ao anaty dia mifara amin'ny fanambadiana ara-dalàna. Izany hoe, mandalo any amin'ny Firaism-pokontany ary mety ho any am-piangonana ihany koa, arakaraka ny tsirairay sy ny hoenti-manana. Tsy ireo anefa no zava-nisy sy niseho, raha ny fiainam-pitiavan'ny mpanoratra manokana no resahina. Tsy mba nandalo tamin'ireo dinga roa ireo izy. Tsy nampahafantariny sy tsy nolazainy anay mihitsy ny antony tsy nisoratan'izy ireo ary notanany ho tsiamabaratelony. Koa inoanay fa tsara ny manaja ny fanapahan-kevitra sy ny safidi'ny hafa satria " ny marina rehetra tsy filaza avokoa ".

Na izany aza, manana ny taranany naterany tamin'io vehivavy io izy ary hotanisaina etsy ambany ny anarany sy ny mombamomba azy. Mazava araka ireo fa noho izy ireo tsy nisoratra nefa nifampiteraka no nahatonga anay nametraka io lohateny io hoe : " ny renin-janany ".

b) Ny zanany

" Ny anambadian-kiterahana ", hoy ny ohabolan-drazana, ary " ny zanaka no harena ". Na tsy mpivady ara-dalàna teo anatrehan'ny tany sy ny Fanjakana aza i Abel RATSIMBA sy RAVELOARISOA Julienne, dia tsy nahasakana azy tsy hanana izay ho solofo sy dimby velively izany. Telo miarahalahy no isan'ny zanany. Ireto avy no anarany sy ny mombamomba azy :

- ANDRIAMIALINARIVO Alain no zokiny indrindra. Efa manambady izy ary mirahalahy ny zanany : i Mickael sy i David.
- RAZANAMPANDRY Tolotra kosa no faharoa. Manana ny vady amanjany koa izy ary mianadahy no isan'ny zaza naterany, dia i Mélissa sy i Andie.
- RAOBELINA Tsiory no faralahy ary mbola mpitovo izy ⁽²¹⁾.

Hita taratra ao anaty tononkirany ny mikasika ny fiainan-janany, araka izao ivetsoany azy ao amin'ny " Hamisavisa " izao :

" []

Ny zanatsika aza moa

Saika nanambady avokoa

I Rivo sisa, nefa asa


Fa izy koa efa nikasa ".

(V.A., Lah. 17)

Tsapa amin'ireo fa efa lehibe sy saika ary elatra avokoa ireo zanak'i Abel RATSIMBA ary efatra no isan'ny zafikeliny amin'izao fotoana izao.

Mba hahamora ny fahazoana sy ho famintinana izay voalaza rehetra mombamomba ny mpanoratra sy ny fiankohonany ary ireo loharano nipoirany..., dia indro asehonay an-tsary eto ny tetiarany.

²¹ Esadresaka nifanaovana taminy ny 04 Desambra 2005



1. RATSIMBA
2. RATAVY
3. RAZANAMAMPANDRY
4. RAZAFINDRAHONA
5. R.E. Ignace
6. R. Jeannette
7. Abel RATSIMBA
8. R. Andriamampandry
9. R.E. Colette
10. R. Harisoa
11. R. Honeste

- 12- R. André
- 13- R. Julienne
- 14- R. Alain
- 15- R. Tolotra
- 16- R. Tsihory
- 17- Vadin'i Alain
- 18- Vadin'i Tolotra
- 19- Mickael
- 20- David
- 21- Melissa
- 22- Andie

Raha toa ka kilalao no fanao nahazatra tamin'ny fahazazana, dia niova ho fialam-boly kosa amin'ny andron'ny fahatanorana. Inona avy ary ireo fialam-boly fanaon'ny mpanoratra ?

1.3.1.3. Ny fialam-boly fanaony

Ankoatra ny mihirahira sy ny mihaino ireo kalon'ny fahiny ao amin'ny onjam-peo, izay tena tiany tokoa, dia anisan'ny fialam-boly ankafiziny ny manao fanatanjahan-tena toy ny mihazakazaka na ny mandeha an-tongotra ... mba ho fitaizam-batana. Tsy diso anjara koa anefa ny saina, satria, karazana fanalana andro sy fampiasan-tsaina ny famakiana ireo gazety isan-karazany ary ny fanarahana vaovao na fijerena horonan-tsary mihetsika ao amin'ireo haino aman-jery samihafa. Farany, tsy hadinony ny mitafatafa sy miresadresaka amin'ny tapaka sy namana.

Ireo no fialam-boly fanaon'ny mpanoratra fony izy tanora ary mbola ataony hatramin'izao. Tsy natokana ho an'ny tanora sy ny androm-pahatanorana ihany mantsy ny fanaovana izany, fa ilaina ampiharina mandritra ny androm-piainana iray manontolo satria sady fitaizan-tsaina amam-batana koa.

Tsy mijanona eo amin'ny fahatanorana ny finan-janak'olombelona, fa mitohy hatrany ary mandalo sy tonga eo amin'ny vanim-potoana lehibe fahatelo, dia ny fahalehibeazana.

1.3.2. Abel RATSIMBA sy ny fahalehibeazany

Toe-javatra roa no anompanana ity lohahevitra momba ny fahalehibeazan'ny mpanoratra ity : ny asa nosahaniny sy ny toetrany. Ireo no horesahina sy hovelabelarina mifanesy eto indray.

1.3.2.1. Ny asa nosahaniny

Noho ny fananany ny mari-pahaizana C.A.E. dia ny asa fampianarana no nirotsahany. Adidy lehibe sy iankinan'ny hoavin'ny zaza malagasy sy ny firenena, araka izany no nosahaniny sy niandraiketany, amin'ny maha mpampianatra azy. Faniriany hatramin'ny mbola kely ny ho tonga mpampianatra. Hita taratra tamin'ny

kilalao fanaony io : nanao mpampianatra mpampianatra. Tanteraka soa aman-tsara ny faniriany taty aoriana.

Tany amin'ny Ambaratonga voalohany na ny " Ecole Primaire Publique " izy no nanomboka niasa sy nampianatra, teo amin'ny fahairaika amby roapolo taonany. Ireto avy ireo toerana niasany tamin'izany sy ny faharetan'ny nampianarany tamin'ireny sekoly ireny tsirairay avy :

- 1958-1959 : Raha vao nahazo C.A.E. Ancien régime izy ny taona 1958, dia niasa avy hatrany. Tany Vohiboazo Brickaville no toerana nampianarany voalohany indrindra. Kilasy telo no indray notanany tany : ny " Cours Préparatoire deuxième année " na CP₂ sy ny " Cours Elémentaire Première et Deuxième années " na ny CE₁ sy CE₂.
- 1960-1968 : Nampianatra tany amin'ny E.P.P. Sabotsy Anjiro, ao anatin'ny faritanin'i Toamasina ihany izy.
- 1969 : Nafindran'ny Fanjakana teto amin'ny faritanin'Antananarivo ary teny Ambohidratrimo no toeram-piasany.
- 1970-1972 : E.P.P. Ambohibao
- 1973-1975 : E.P.P Ambohidroa Ambohibao
- 1976-1978 : E.P.P. 67ha. Sady nampianatra izy tamin'io no nisahana ny fanaovana ny diplaoma C.E.P.E.

Tsy ny ankizy madinika tany amin'ny ambaratonga voalohany ihany akory no nampianariny , fa na ny olon-dehibe niofana ho mpampianatra any amin'io ambaratonga io koa aza dia tsy diso anjara satria ny taona 1979-1981 : lasa " responsable pédagogique " teny amin'ny toeram-piofanana ho mpampianatra teny Benasandratra Fenoarivo izy. Tao no namoaka ny " Service Nationale " na ny S.N. Izay olona nanana B.E.P.C. no nofanina tao mba hampianatra any amin'ny E.P.P. Ny fampianarana ny zava-kanto toy ny hira sy ny sary ary ny tsianjery no nosahaniny sy nampianarainy tamin'izany. Andiany miisa dimy no niandraiketany tao.

Fa ankoatra ny asa fampianarana, nisy andraikitra hafa nosahaniny koa. Lasa mpanentana indray ny asany, ny taona 1982. Mbola tao Benasandratra hatrany izy no niasa, eny, fa na dia niova ho " Centre de perfectionnement " aza io toerana io nanomboka tamin'io taona io. Izany hoe, rehefa nisy fivoriana isan-karazany tao dia i Abel RATSIMBA no mpanentana azy.

Hita amin'ireo rehetra ireo fa faritany roa no niasana sy nampinanan'i Abel RATSIMBA tamin'ny E.P.P.. Tany Toamasina no nanombohany ary teto Antananarivo no namaranany azy. 21 taona no faharetany raha atambatra. Naharitra 18 taona kosa no niasany tany benasandratra. Nahatratra 39 taona kosa ny fe-potoana rehetra niasany. Tamin'ny 05 Aogositra 1977 izy no " napetraka hisotro ronono ", araka ny teniny. ⁽²²⁾ Feno 60 taona katroka izy tamin'io andro io.

Araka ireo, mpampianatra sy mpanentana fivoriana no asany. Fa mba manao ahoana kosa ny toetrany ?

1.3.2.2. Ny toetrany

Samy manana ny toetra mampiavaka azy ny olona tsirairay avy, nefa koa misy ireo itoviana amin'ny hafa na ny rehetra mihitsy aza.

Anisan'ny fomba nitaizana sy nanabeazana ary nanazaran'ny reniny sy ny renibeny azy ny mivavaka sy ny ho tia vavaka, ka hanankina ny fiainana amin'Andriamanitra, voalohany indrindra. Teo ihany koa ny famolavolana sy ny fitaizana azy mba hanaja ray aman-dreny sy ny olona manodidina... Nitaizaina hahalala fomba izy.

Fa ankoatra ireo, tiany sy sakaizany ny fahadiovana sy ny filaminana ary ny mikarakara vatana sy tokantrano... Tsy azoazony sy tsy tiany ny miaingitraingitra na manambony tena, ka tsy handray ravin-dena mihitsy, fa miandry ny hafa foana. Mandala sy mitandro ny fihavanana sy ny firaisankina ny mpanoratra. Miezaka hatrany izy mba hanampy sy hitsinjo ny olona sahirana.. Eo amin'izay lafiny fifandraisana amin'ny manodidina izay indrindra, hita sy tsapa nandritra ny fotoana nifaneraseranay taminy fa : olona tsotra, tsy miavonavona ary tena sariaka i Abel RATSIMBA. Tiany ny miresadresaka sy ny mifanakalo hevitra amin'ny olondrehetra.

Farany, olona tsy tia mandatsa-dra na ra latsaka izy. Mampalahelo azy ary tena tsy tantiny ny mijery zava-manan'aina hovonoina. Mahafinaritra, hoy izy, ny mahita ireo biby velona ary mahafatifaty... ka tsy sahiny vonoina. Ohatra, notanisainy ny bitro sy ny voromailala...⁽²³⁾.

²² Resadresaka nifanaovana taminy

²³ Fanadihadiana nataon ny 04 Desambra 2005

Ireo no toetra mampiavaka an'i Abel RATSIMBA, amin'ny ankapobeny. Tsy ny toetrany rehetra akory ireo, fa ampahany ihany.

Izay no azo ambara mikasika an'i Abel RATSIMBA, raha ny lafiny maha-olon-tsotra azy no asian-teny. Olona manan-talenta ihany koa anefa izy, satria, sady mpihira no mpamoron-kira. Raha lazaina amin'ny teny fohy dia mpanakanto i Abel RATSIMBA. Izay lafiny izay indrindra no hanompanana ny toko faharoa ao anatin'ity fizarana voalohany ity.

TOKO II – I ABEL RATSIMBA AMIN'NY MAHA-MPANAKANTO AZY.

Eto am-piandohana, heverina sy azo lazaina fa tsy ho latsa-danja amin'izay voalaza tao amin'ny tantaram-piainany, amin'ny maha-olon-tsotra azy ny zavatra hambara sy hovelabelarina ato amin'ny ity toko faharoa nampitondrainay ny lohateny hoe : " I Abel RATSIMBA amin'ny maha-mpanakanto azy " ity. Lohahevitra telo no horesahina sy hovahavahana mandritra izany, dia, ny antony nahatonga azy ho mpanoratra na mpamoron-kira sy ireo antony nanosika azy hihira, ary farany ny lafiny fampisehoana.

2.1. Ny antony nahatonga azy ho mpanoratra

Mialoha ny hampahafantarana ireo antony nahatonga an'i Abel RATSIMBA hanoratra sy hamoron-kira, dia tsara raha asiana teny fohy ny eo amin'ny lafiny solon'anmarana.

Amin'ny maha-mpanoratra ny mpanoratra, maro amin'izy ireny no misafidy solon'anmarana sy miafina ao ambadik'izany, rehefa mamorona asa soratra. Tsy zoviana amintsika intsony, ohatra, ireto manaraka ireto : i Edouard ANDRIANJAFITRIMO, fantatry ny maro amin'ny solon'anmarana hoe Stella ; i Justin RAINIZANABOLOLONA na i Jupiter ; i Georges ANDRIAMANANTENA na i RADO ... Tsy vitsy ihany koa, anefa, ireo tsy manana solon'anmarana, eo amin'izay sehatry ny fanoratana izay, fa mampiasa mivantana avy hatrany ny tena anarany. Isan'ireny ny Mpitandrina RABARY sy RAVELOJAONA, i Jean Joseph RABEARIVELO... Tafiditra ao anatin'ireo farany ireo koa i Abel RATSIMBA. Naneho izy fa tsy manana solon'anmarana, eo amin'ny sehatry ny famoronan-kira. Ny tena anarany ihany mantsy no tiany ho fantatry ny olona sy hahalalan'ny rehetra azy ⁽²⁴⁾.

Fa raha vao miresaka famoronana na fanoratana, dia mby sy tsy afaka ao antsaina hatrany ny resaka talenta sy aingam-panahy. 'Ndeha àry hindrana famaritana vitsivitsy miresaka an'ireo isika, mba hahafahana maneho izany.

²⁴ Fanadihadiana natao ny Alarobia 18 Janoary 2006

2.1.1. Famaritana ny talenta sy ny aingam-panahy

2.1.1.1. Ny talenta

Avy amin' Andriamanitra ny talenta ananan'ny olona tsirairay avy. Izany hoe, efa voajanahary ny talenta, ka anjarantsika ny maneho sy mamoka azy, araka izay tandrify azy avy sy ilàna azy.

Raha ny *Rakibolana Frantsay-Malagasy* no jerena, dia " *fahaizana voajanahary* " ⁽²⁵⁾ no amaritany ny antsoina hoe talenta.

Noho izany, tsy mila ianarana fa mandeha sy toa hay ho azy ny zavatra iray ananana talenta, ary anisan'ireny ny asa fanoratana na famoronana sora-kanto eo amin'ny sehatry ny literatiora. Miresaka izany RANOE,, ao amin'ny *Haren-tsaina*, manao hoe : " *Ny talenta dia fahaiza-manao voajanahary ao amin'ny olona iray, ka nahatonga azy hahatanteraka tsy misy fahasarotana ilay zavatra ananany talenta, anisan'izany ny sora-kanto* " ⁽²⁶⁾.

Miombon-kevitra amin'ireo olona ireo ary manantitra ny voalazany i Abel RATSIMBA. Ambarany fa " *Ny talenta dia fanomezan'Andriamanitra sy fiezahana hamaoka ny tononkira ho azo vakiana sy hiraina* ".

Na dia voajanahary aza ny talenta, dia mila fikolokoloana sy tsy maintsy ampiasaina izy, mba tsy hahafaty na hahavery azy. Ankoatra ny talenta, ao koa ny aingam-panahy.

2.1.1.2. Ny aingam-panahy

Mbola ny famaritan-dRanoe hatrany no iaingantsika sy indramina eto. Toy izao no heviny ny amin'ny aingam-panahy : " *Ny aingam-panahy dia tsy inona fa TROMBA NAMBABO ny fon'ny Poeta, ka mahatonga azy hiteny kanto izay mambabo ny hafa* " ⁽²⁷⁾.

Ho an'i Abel RATSIMBA kosa : " *Ny aingam-panahy dia fahatongavan'ny feo na tononkira ao an-dohany, amin'ny fotoana iray* ".

Hita amin'ireo fa hery hafa ivelan'ny olona ny aingam-panahy. Hery hafa miditra ao amin'ny poeta, ka manainga sy manosika azy hanoratra. Samy manana

²⁵ (F.) RAKOTONAIVO, op.cit., tak.904

²⁶ RANOE, *Haren-tsaina* ? Edition Tsipika, Antananarivo, 2001, tak.101

²⁷ RANOE, op.cit., Tak.101

aingam-panahy avokoa ny olon-drehetra fa saingy tsy misy manaitra izany. Ny mpanoratra sy/na poeta... ihany no afaka manetsika sy manainga ny aingam-panahy, noho ny fisian'ny hery hafa na ny " *tromba* " ao aminy. Mety ho tonga ao aminy ny aingam-panahiny, rehefa mahita ny zava-misy iainany sy manodidina azy izy, na mahatsiaro ny lasa... Ireny rehetra ireny no manainga sy manosika azy ka ahavitany asa soratra kanto sy mahavariana tokoa. Ny momba izany indrindra no horesahina manaraka eto, dia ny antony nahatonga an'i Abel RATSIMBA ho mpanoratra.

2.1.2. Ny antony nahatonga azy ho mpanoratra

Maro samihafa ireo antony mahatonga ny olona hanao asa iray eo amin'ny fiainana. Anisan'ireny ny fananana talenta momba ilay asa, nefa mety hisy koa antony hafa manosika azy hanao izany, ivelan'io.

2.1.2.1. Ny talenta ao aminy

Efa hitantsika teo aloha moa ny famaritana ny talenta. Mikasika azy io indrindra, efa voajanahary tao anatin'i Abel RATSIMBA ny talentan'ny famoronan-kira saingy teo amin'ny faha 23 taonany izany vao nifoha. Izany hoe, tamin'ny taona 1960 izy no nanomboka namoron-kira, ka ny tononkira mitondra ny lohateny hoe : " RY ALINA O ! " sy ny " SAHINAO " no nosoratany voalohany indrindra. Nambarany fa " *talenta efa nomen'Andriamanitra azy* " io, ary ny fitiavana hira tao aminy no anisan'ny nanosika azy hampiasa io talenta efa nananany io. Aminy manokana, tsy mahasakana ny famoronana tononkira velively ny tsy fahaizany mitendry zava-maneno.

Amin'ny ankapobeny, ny feon-kira ny azy no mandeha aloha na tonga aloha ao an-tsainy, vao ny tonony. Tsy voatery ho ny tonony foana izany no tonga sy voasoratra aloha, fa mety ho ny feony aloha vao ny tonony. Manambara izany ny tenin'i BESSA, manao hoe : " *Tsy misy lalàna [], ny famoronana, fa indraindray vita aloha ny tonony ary manaraka ho azy ny feony, na ny mifamadika amin'izany. Mety kosa miara-mibosesika amin'ny fotoana iray ny tonony sy feony []* " (²⁸).

²⁸ Teny taterin'i VOLONDRAFARA Valihelisoa, *Bessa sy ny fanabeazana*, Mémoire de CAPEN, Boky II, tak.18.

Tianay ny maneho sy manambara etoana fa na tsy mahay mitendry ... aza i Abel RATSIMBA, dia izy ihany no mamorona ny feon'ireo hirany. Fa ankoatra ny talenta, mbola maro koa ireo antony hafa nahatonga azy ho lasa mpanoratra na mpamoron-kira.

2.1.2.2. Ireo antony hafa

Ny fahitany ny zava-misy sy nitranga teo amin'ny fiainany, dia tsy namela azy hangina na hitoetra fotsiny amin'izao fa handrakitra izany an-tsoratra. Ohatra : ny fahafatesan'ireo ray ama-ndreniny sy ny zandriny...

Fa mbola antony iray nanosika azy hanoratra ihany koa ny fandinihana ny zava-boaary, izay loharano hanovozan'ny poeta maro ny aingam-panahiny.

Nampipololotra sy nanainga ny fanahiny handefa ny vetsojetsom-pony.. ho tonga tononkira koa, anefa, ny embona sy hanina vokatry ny fisarahan-toerana tamin'ireo havana sy ny olon-tiana, fony izy niasa tany Toamasina.

Tsy ny zava-nisy niainany ihany akory no nampikorisa ny peniny sy narafiny ho hira, fa teo koa ny zava-nisy iainan'ny olona eo anivon'ny fiarahamonina, toy ny alahelo vokatry ny faharavam-pitiavana...

Farany, azo lazaina fa antony nahatonga an'i Abel RATSIMBA ho mpanoratra ny fiezahana tsy hiankin-doha na hampiasa foana ny fananana sy/na ny tononkiran'ny hafa. Koa tamin'ny 1962 izy no nanomboka fantatry ny olona, niaraka tamin'ireo hira noforoniny.

Ireo no antony nahatonga azy ho mpanoratra ary tononkira ihany no noforoniny hatramin'izao fa tsy misy zavatra hafa akory.

Amin'ny maha-mpamoron-kira an'i Abel RATSIMBA, dia tsy nionona fotsiny tamin'ny fanoratana izy, fa niezaka ny hihira sy hampiasa ireo sangan'asany koa.

2.2. Ny antony nahatonga azy ho mpanakanto na mpihira

Antony efatra lehibe no nanosika an'i Abel RATSIMBA ho lasa mpihira. Teo aloha ny fankafizany sy fihainoany hirahira. Faharoa, ny fankamamiana ireo mpihira malagasy kalaza ; nisy koa ny faniriana sy ny fitiavana tao anatiny. Tsy tena

tafavoaka anefa izany talenta maha-mpihira azy izany, raha tsy teo ny fanampian'ny hafa azy.

2.2.1. Fankafizana sy fihainoana hirahira

Efa hatramin'ny fahazazany i Abel RATSIMBA no tia hira sy mihaino izany. Teny amin'ireo raibe sy renibeny avy amin'ny reniny, teny Ankadifotsy izy fito mianaka no nipetraka, rehefa maty ny rainy. Tsy mbola nisy radiô toy ny amin'izao fotoana izao tamin'izany fa girafôfôna no nisy sy nampiasaina. Anisan'ny nanana io fitaovana io ary nanana kapila maro ihany koa ny dadabeny. Eo hatrany i Abel RATSIMBA, isaka ny mandefa izany izy ary mihaino sy manaraka ny tonony sy ny feon-kira. Tsy miala eo mihitsy izy raha tsy handeha hiasa ny raiben'ny, satria, voatery najanona ny fandefasana sy fihainoana ireo hirahira, na raha sendra nisy nilan'ny olona azy. Ohatra : nirahina hanao raharaha... Nahafinaritra azy tokoa ny fihainoana sy fanarahana hirahira. Efa hatramin'ny fahazazany izany izy no nanefy sy nitaiza ny sofiny ary ny feony teo amin'ny lafiny zava-kanto.

Raha ny sofina no nomen-danja sy nandray anjara betsaka teto, dia tsy diso anjara ihany koa ny maso izay natokana hijery.

2.2.2. Fankamamiana ireo mpihira malagasy kalaza

Tsy nionona fotsiny tamin'ny fanomezana fahafaham-po ny sofina intsony i Abel RATSIMBA, rehefa lehibebe. Niezaka ny hanome toerana sy vahana ny sofina sy ny maso miaraka izy. Tamin'ny alalan'ny famonjena sy fanatrehana fivoriana ary fampisehoana matetika no nanatanterahany ireo. Isaka ny misy fivoriana natao mantsy dia tonga ary manafana izany hatrany ireo mpihira malagasy, izay azo lazaina fa anisan'ny kalaza tokoa, izay tsy hafa fa havan-dreniny ihany. Anisan'ireny i Jean NALY, i OSSY... Tonga adin'ny iray mialoha hatrany i Abel RATSIMBA, mba hahazoany mamonjy toerana eny aloha ka hahitany azy ireo tsara rehefa mihira.

Tsy ampy hahatonga ho mpanakanto anefa akory ireo antony roa ireo. Hery iray manosika hahatratrarana ny tanjona kendrena ny faniriana sy ny fitiavana, ka tsy azo hodian-tsy hita, na atao ambanin-javatra.

2.2.3. Faniriana sy fitiavana tao anatin'ny

Na inona na inona fomba atao sy heverina hahatongavana amin'ny tanjona iray izay hotratrarina, dia tsy ho tonga amin'izany mihitsy, raha tsy efa nisy nofinofy na faniriana sy fitiavana ilay zavatra hatao. Ary manampy tosika ireo ny fikelezana aina. Ho an'i Abel RATSIMBA manokana, antony fahatelo nanosika ka nahatonga azy ho mpihira ny faniriana tao anatin'ny hatramin'ny fahazazany, dia ny mba ho tonga mpihira. Nanomboka tamin'ny fihainoana hira sy fanatrehana fampisehoana matetika izany ary nampian'ny fankafizana ireo mpihira kalaza ka nahatonga azy nitsiriritra ho toa azy ireny. Nitombo niandalana io faniriana sy fitiavana tao anatin'ny io ary lasa ny eritreriny sy ny vetsovetsony hoe : "*Raha mba izaho no lasa mpihira indray andro any*". Faniriana sy nofinofy io ary tena tanteraka tokoa, teo amin'ny faha-21 taonany. 42 taona ankehitriny no nihirany. Tiany sy ankasitrahany ny hanohy izany hatrany, raha mbola manan-kery hanaovana izany izy, araka ny teniny hoe : "*Mamiko loatra ny hira ary mbola hihira foana aho, raha mbola afaka manao izany ny heriko*" (²⁹)

Fa na eo aza ny faniriana sy ny fitiavana zavatra iray, tsy mahefa na inona na inona ny olona, raha tsy misy ny hafa hanampy sy hifanohana aminy, eo amin'ny fiainana.

2.2.4. Ny fanampian'ny hafa

Tsy misy mahavita tena eo amin'ny fiainana fa tsy maintsy mila ny fanampian'ny hafa hatrany, na eo amin'ny sehatra inona na eo amin'ny sehatra inona. Toy izany koa i Abel RATSIMBA : na ahoana na ahoana fomba sy ezaka nataony mba hahatratrarany ny tanjona nokendreny, dia tsy ho tonga teo izy, na dia tiany tahaka ny inona aza izany, raha tsy notohanana sy nampiana ary natosiky ny hafa izy. Izany hoe, na te ho mpihira mafy aza izy, kanefa tsy nanana tononkira hohiraina, dia zava-poana ny faniriany.

Mpamoron-kira telo ary no nanome ny sangan'asany vitsivitsy hohiraina sy hampiasain'i Abel RATSIMBA, fony izy mbola tsy namorona. Ireto avy izy ireo sy ny asa sorany avy :

²⁹ Fanadihadiana natao ny 21 Jolay 2005

- I Simon A.R. : ny tononkiran'io olona io no nohirain'i Abel RATSIMBA voalohany indrindra. Tamin'ny taona 1956 no nahitany an'i Abel RATSIMBA, raha tsy nandray anjara tamin'ny " Emission Fantine " tao amin'ny Radiô Antananarivo ity farany. Tsapany fa manana feo manga sy miavaka izy ary anisan'ny antony nahatonga azy nanome ny tononkirany sasany hohirainy io.

- I André TITYS : " I Bao sa i Beby ? ", " Zana-javatra " ary " Aza gaga ianao ". ireo no sangan'asany nohirain'i Abel RATSIMBA.

- I Henri RATSIMBAZAFY : zanak'olona mpirahalany ihany izy roalahy ireo. Nanome tononkira vitsivitsy hampiasain'i Abel RATSIMBA koa izy. Santionany amin'ireny ny : " Fitiavana ihany ", " Indro tazako ianao re, ry tiana "...

Ireo rehetra ireo no nanosika azy ho mpihira na mpanakanto. Ary amin'ny maha-mpanakanto azy, misy hatrany ny fampisehoana ataony sy miandry azy.

2.3. I Abel RATSIMBA rehefa manao fampisehoana

Natao hampahafantarana ny kanto rehetra avy amin'ny mpihira ny fampisehoana na ny fiakarana an-tsehatra izay ataony. Mandritra ny fotoana anatanterahana izany, misy hatrany ny fihetsika na zavatra tiany sy andrasany amin'ny mpijery azy ary koa ny tsy ankasitrahany. Tsy mijanona eo amin'ny toerana na faritra iray anefa, rehefa manao fampisehoana fa mandeha mitety faritra maro araka izay azo atao. 'Ndeha ary hofantarintsika sy horesahana ny momba ireo lafin-javatra telo ireo.

2.3.1. Ny zavatra tiany sy andrasany amin'ny mpijery

Etsy an-kilany, zavatra tian'i Abel RATSIMBA ary andrasany amin'ny mpijery azy ny fanehoan'izy ireny fihetsika falifaly sy fankasitrahana amin'ny alalan'ny tehaka ... Miezaka mampiaina ny tononkirany amin'ny alalan'ny fihetsika izy rehefa mihira eny ambony sehatra, mba hahafaly ny olona sy ny hahazoany ny vontoa'ny hira. Ohatra : Raha miresaka olona mampirafy ilay tononkira, ka tratran'ny tompom-bady, dia asehony eo hoe miady ny andaniny sy ny an-kilany : mifanao totohondry...



Tsy ny mihira fotsiny anefa no maha-mpanakanto ny mpanakanto, fa ny mandihy koa. Miezaka ny ho kinga eo amin'io lafiny io tokoa izy ary anisan'ny itiavan'ny mpijery sy ankasitrahany azy manokana izany.

Fa fihetsika andrasana amin'ny mpanakafy sy mpanotrona azy koa ny mba hitiavan'izy ireo ny hira sy ny tononkira, ary, indrindra, ny fandraisany anjara, mandritra ny fampisehoana. Izany hoe miara-mihira aminy fa tsy mihaino sy/na mijery fotsiny. Tanjon'ny mpihira mantsy ny hanome fahafaham-po sy ny hanao izay hahazoan'ny olona fahafinaretana ary fifaliana, rehefa tapitra ny seho.

Ireo amin'ny ankapobeny no fihetsika tiany sy andrasany amin'ny mpijery. Eo andanin'izay kosa, raha misy ny zavatra tiana, ao ireo tsy ankasitrahana.

2.3.2. Ny tsy ankasitrahany

Saika ny mahafaly sy mahafa-po an'i Abel RATSIMBA hatrany ny fihetsika nasehon'ny mpijery azy hatramin'izay. Noho izany, tsy misy ambara firy eto afa-tsy ny fihetsiky ny tanora sasantsasany amin'izao fotoana izao, izay miantsoantso sy mihogahoga rehefa tsy tiany ilay mpihira na tarika. Izany hoe mitabataba sy mislotsioka... izy ireny, mba hampiatoana ilay mpihira. Tsy miandry ny hahataperan'ny anjarany izy ireo amin'izany. Ireo ihany no tsy azoazony amin'ny fihetsiky ny mpijery, na dia mbola tsy tojo ny toy izany aza izy. Maneho tsy fanajana sy tsy fankasitrahana ary tsy fanomezam-boninahitra ilay tarika mantsy ireo fihetsika ireo, ka tsy tiany.

2.3.3. Ny toerana sy faritra efa noteteziny

Ho fanomezana fahafaham-po ny mpanakafy sy mba hahampahafantarana ary mba hahalalan'ny olona ireo tononkirany, dia mitady ny fomba rehetra hanatonana sy hanakaikezana ny mpitia azy ny mpihira. Tsy teto Madagasikara ihany no nanatanterahany fampisehoana, fa hatrany am-pitan-dranomasina koa. 'Ndeha ary hofantarintsika ireo toerana efa noteteziny, na teto antoerana, na tany ivelany.

2.3.3.1. Ny teto Madagasikara

Saika efa voatety sy nanaovan'i Abel RATSIMBA fampisehoana avokoa ireo faritany eto Madagasikara. Antsiranana irery sisa no mbola tsy nalehany. Tsy hoe

manavakavaka akory izy raha nisy izany, fa misy antony no tsy nahatongavany tany hatramin'izao. Efa handeha hanao rindran-kira tany an-toerana mihitsy izy, tamin'ny taona 1981 no niverina teny an-dalana. Naheno izy fa nisy korontana tany amin'ny Cure, ka naleony nijanona.

Ankoatra an'i Madagasikara, nita ranomasina koa izy.

2.3.3.2. Ny tany ivelany

Tsy nijanona tamin'ny fanatanterahana fampisehoana teto Madagasikara fotsiny i Abel RATSIMBA, fa nandeha tany ivelany koa. Nalain'ireo Malagasy monina sy mitoetra any Frantsa izy, nanomboka ny taona 1981, mba hihira tany. Efa inenina izy no nihira tany amin'io firenena io.

Eto am-pamaranana ity fizarana voalohany ity, tsara raha hazavaina ny antony nahatonga anay nanome lohateny ity asa fikarohana ity hoe : "IREO KALOM-PITIAVANA HITTA TARATRA AO AMIN'NY TONONKIRAN'I ABEL RATSIMBA ". Rehefa nojerena ny tononkiran'i Abel RATSIMBA, dia maro ireo lafin-javatra resahan'ny mpanoratra ao anatiny. Na eo aza anefa izany, hita sy tsapanay fa ny tara-kevitra ny fitiavana no tena misongadina ao amin'ireo sangan'asany. Indro asehonay amin'ny alalan'ny fafana ny momba izany.

Fafana : Ireo tara-kevitra hita ao amin'ireo tononkira miisa 96.

Tara-kevitra	Isany	Isan-jatony
Fitiavan'olon-droa	54	56,25%
Fitiavan-tanindrazana sy zava-boaary	18	18,75%
Fitiavana eo amin'ny ray aman-dreny sy zanaka	3	3,125%
Fitia mifamaly eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona	10	10,41%
Fiaianana	11	11,45%

Maneho io fafana io fa ny fitiavana no tena avoitrany ny mpanoratra ao amin'ny tononkirany. Izay indrindra no antony nahatonga anay nisafidy sy nanome io lohateny io, satria, mety hiseho amin'ny endrika maro fa tsy tokana ihany ny fitiavana.

Fehiny :

Raha fintinina izay voalaza rehetra tato anatin'ny fizarana voalohany izay, novelabelarina tao amin'ny toko voalohany ny tantaram-piainan'ny mpanoratra, amin'ny maha-olon-tsotra azy. Nampahafantarina sy notanisaina tao anatin'izany ireo loharano nipoirany sy ireo iray kibo nifonosana aminy ary ny faritra niaviany. Avy eo, nasongadina ny fiainam-pahazazany ka nanabeazana sy namolavolan'ireo ray aman-dreniny sy ny fiarahamonina azy, tamin'ny alalan'ny kolontsaina sy ny fomba fitaizana azy ho olom-banona sy hanam-pahendrena. Nampiasaina sy nampiharina taminy avokoa ireo paika sy tetika samihafa, ny amin'ny fomba fitaizan-janaka. Fa nanamarika ny fahazazan'ny mpanoratra ihany koa ny kilalao sy ny fandehanana tany an-tsekoly mba handranto fahalalana ary ny fankanesana tany am-piangonana, teo amin'ny lafiny finoana.

Rehefa izany, noresahina sy novelabelarina tao amin'io toko io koa ny fahatanorany sy ny fahalehibeazany, ka nahazoany ireo mari-pahaizana maromaro nentina natrika ny fiainana sy nahafahany nirotsaka teo amin'ny sehatry ny asa. Fa tahaka ny olon-drehetra izay niaina ao anatin'ny fitiavan'olon-droa, manana ny olontiany sady renin-janany i Abel RATSIMBA. Teo ihany koa ireo fialam-boly nakafiziny sy ireo toetra mampiavaka azy.

Fa amin'ny maha-mpanoratra sady mpihira an'i Abel RATSIMBA, dia nolazaina sy novahavahana tao amin'ny toko faharoa kosa ireo antony nahatonga sy nanosika azy hanoratra sy hihira. Tsy nohadinoina ihany koa ny niresaka ny lafiny fampisehoana, ka nitanisana ireo zavatra tiany sy andrasany amin'ny mpijery sady mpankafy azy, ary ireo tsy ankasitrahany. Tsy mifidy toerana sy faritra ireo rehetra ireo, na eto eto Madagasika na any ivelany.

Avy amin'ny fandinihana io fizarana voalohany io no ahafahana miroso amin'ny dingana manaraka, dia ny fizarana faharoa, ka hohadihadiana sy hofakafakaina ao anatin'izany ny lafiny fitiavana, araka ny ahitana azy ao amin'ireo toninkiran'i Abel RATSIMBA.

**FIZARANA FAHAROA :
IREO KALOM-PITIAVANA HITA TARATRA
AO AMIN'NY TONONKIRAN'I ABEL
RATSIMBA**

Ao anatin'ity fizarana faharoa ity no natokana handalinana ny tara-kevitra ny fitiavana, araka ny ahitana azy ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA. Nomenay ny lohateny hoe : " IREO KALOM-PITIAVANA HITTA TARATRA AO AMIN'NY TONONKIRAN'I ABEL RATSIMBA " ity asa fikarohana ity. Izany hoe, ny fitiavana no ezahina hofakafakaina sy hotrandrahina ao anatin'izany, satria io no tara-kevitra misongadina indrindra ao amin'ireo asa sorany. Heverinay fa tsy diso fiantefa ny safidinay raha nirona tamin'io satria : " *Ny fitiavana no tara-kevitra anisan'ny tsara, ao amin'ny literatiora* " (³⁰), hoy i Claude ROY.

Tsy misy tsy mikalo sy miresaka ary miaina ao anatin'ny fitiavana avokoa ny olona rehetra rehetra. Tsy azo iainana sy tsy azo ivelomana fa toy ny afobe ny fiainana eto an-tany, raha tsy misy ny fitiavana. Noho izany, zava-dehibe sy manandanja tokoa ary tena iankinan'ny zavatra rehetra ny fitiavana ary samy manana azy avokoa ny olon-drehetra. Maneho ny heviny momba ny hasarobidin'izy io i B. TATSIMO, manao hoe : " *Zavatra mahery lanja Indrindra amin'ny toetra anan'ny olombelona ny fitiavana ; velom-poana kosa eto ambonin'ny tany ireny tia tena mivelona irery, ny fitiavana no mampisy ny fiainana, ny fitiavana no maharavoravo ny antitra sy ny tanora. Ny olombelona rehetra, na inona na inona firazanany dia manaja sy mankasitraka ny fitiavana, fa tsy olona foana ny olona raha tsy efa amin'ny fotoana ahalalany ny fitiavana* " (³¹).

Fa tsy fitiavana eo amin'ny tanora lahy sy vavy na ny fitiavan'olon-droa ihany akory no antsoina hoe fitiavana. Tsy endrika tokana, araka izany, fa marobe tokoa no isehoany. Ao, ohatra, ny fitiavan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka, ny fitiavana ny olon-tiana na ny fitiavan'olon-droa ary ny fitiavana an'Andriamanitra... Raha ny hita ao amin'ireo tononkiran'i Abel RATSIMBA, dia azo sokajiana ho telo ny endrika mety isehoany. Misy ny fitia mifamaly eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona, ka ao amin'ny toko voalohany no hamelabelarana sy hiresahana azy io. Ao kosa indray ny fitiavan-tanindrazana, izay hodinihina ao amin'ny toko faharoa. Ary fahatelo farany, ny fitiavan'olon-droa. Ny toko fahatelo no natokana hamakafakana azy. Ireo telo ireo no handrafitra ity fizarana faharoa ity. 'Ndeha ary hiroso amin'ny fandalinana avy hatrany isika.

³⁰ (CI) ROY, *Les soleils du romantisme*, Gallimard, Paris, 1960, p.172 : « *L'amour est un bon sujet de littérature* »

³¹ (B) TATSIMO *Ny Basivava*

TOKO I –NY FITIA MIFAMALY EO AMIN’

ANDRIAMANITRA SY NY OLOMBELONA

Samy manana ny hery na ny zavatra inoany sy ivavahany ny olona tsirairay avy. Misy amin’izy ireny ny hita maso sy azo tsapain-tanana, toy ny sampy, tapakazo... ary ao kosa indray ireo tsy hita maso nefa inoan’ny olona sy ivavahany ary hajainy. Ohatra : Andriamanitra, ny fanahin’ny maty...Araka izany, azo sokajiana ho roa ny zavatra na ny hery inoan’ny Malagasy ary azo zaraina roa tahaka izany koa ireo mpino sy mpanaraka azy ireo. Eo andaniny, misy ireo mino sy manaraka ny fivavahana nentim-paharazana, avy eo ankilany, ireo mino sy mandray ny fivavahana kristiana.

Ny mikasika ny fivavahana kristiana ihany, anefa, no horesahina sy hovelabelarina ato amin’ity zana-pizarana ity. Ny " fitia mifamaly eo amin’Andriamanitra sy ny olombelona no hovahavahana sy horesahina ato. Ny tononkiran’i Abel RATSIMBA no fitaovana iaingana sy anakarana azy.

Ny zavatra iray matoa inoana sy hajaina dia satria tiana. Toy izany koa, mitaky fitiavana Azy ny finoana an’Andriamanitra. Tsy ny olombelona ihany anefa akory no tia an’Andriamanitra, fa Andriamanitra koa tia ny olombelona. Mba hahazoana manadihady ireo fitia mifamaly eo amin’ny roa tonta ireo àry, ‘ndeha hofantarina aloha hoe iza marina ny Andriamanitra ivavahan’ny kristiana ? Manaraka an’io no hiresahana ireo zavatra tokony hataon’ny olombelona amin’ilay Nahary azy. Farany, ny fifandraisana misy eo amin’ny olombelona sy Andriamanitra. Ireo no ezahina hovelabelarina sy hitondrana ity lohahevitra ity.

1.1. Iza moa ny Andriamanitry ny kristiana ?

1.1.1. Famaritana

Mialoha ny hamaritana ilay Andriamanitra ivavahan’ny kristiana, dia hofantarina ny zavatra na ny olona notondroin’ny Ntaolo malagasy sy nantsoiny tamin’io anarana io.

Ho an’ny Ntaolo, tsy ny Andriamanitra inoan’ny kristiana amin’izao fotoana no nantsoiny sy nolazainy hoe andriamanitra, fa ireo andriana efa niamboho. Izany

hoe, olombelona. Ny teny hoe andriamanitra mantsy dia azo avy amin'ny hoe andriana + manitra. Koa rehefa maty ny andriana na ny mpanjaka, tsy mba natao hoe maimbo, fa manitra foana. Anisan'ny nampivavaka ny andriana sy ny fatin'izy ireo tamin'ny olona rehetra io fiheverana io.

Manantitrantitra ny momba izany i Michel RANDRIA, ao amin'ny *Foto-teny malagasy*, manao hoe : " [] " *Ny ataon'ny Razana Malagasy hoe Andriamanitra dia ny Razana masina rehetra indrindra fa ny Razan'ny Mpanjaka "*. Andriamanitra no nilazana ny mpanjaka rehefa maty. Ka tsy mba nolazaina akory hoe maimbo ny fatin'ny Mpanjaka na dia efa mavoroka andro maro alohan'ny handevenana azy aza, fa lazaina hoe manitra. [].

*Andriana manitra no filaza ny mpanjaka taloha, taty aoriana vao natao hoe : " Ny masina " izy rehefa maty " (*³²*).*

Manana ny heviny sy ny famaritany ny atao hoe andriamanitra ihany koa i Régis RAJEMISA-RAOLISON. Hoy izy, ao amin'ny *Rakibolana malagasy* : *" Anarana niantsoan'ny Ntaolo ireo hery miafina ambonin'ny zavaboary ka nahatonga ny fiteny hoe Andriamanidahy sy Andriamanibavy " (*³³*).*

Maneho ireo voalaza ireo fa olona ambony sy nanana ny anjara toerany teo anivon'ny tany ama-monina no nataon'ny Ntaolo hoe andriamanitra. Tsy voatery ho olona na zavatra tokana ihany anefa izany, fa mety hiovaova na zavatra isan-karazany. Samy hafa tanteraka, noho izany, ny andriamanitra teo amin'ny Ntaolo sy ny an'ny kristiana. Io fahasamihafana io indrindra no mitarika ny saina hanadihady sy hamantatra marina ilay Andriamanitry ny kristiana.

Efa nino ny Andriamanitra ivavahan'ny kristiana ny Malagasy fahiny, saingy ny anarany fotsiny no hafa. Raha tamin'io anarana io no niantsoany ireo razan'andriana, dia Zanahary kosa no nilazany ilay nahary tongotra aman-tanana azy sy izao rehetra izao. Manambara io anarana niantsoan'ny olona fahiny ny Andriamanitry ny kristiana io i Michel RANDRIA : *" Zanahary, Zanaharibe, Zanahary. Izany no anaran'Andriamanitra na Jehovan'ny Malagasy hatramin'ny fahagola ary eran'ny foko rehetra manerana an'i Madagasikara " (*³⁴*).*

³² (M) RANDRIA, *Foto-teny malagasy*, B.1, Edisiona revio Fampitaha, Marsa 1968, tak.5-1,

« Zanahary - Andriamanitra – Andriananahary – Razana »

³³ (R.R) RAOLISON, *Rakibolana malagasy*, op.cit., tak.77

³⁴ (M) RANDRIA, op.cit. tak.5-11.

Raha izay ary ny famaritan'ny mpanoratra mikasika ny atao hoe andriamanitra teo amin'ny Ntaolo sy nanavahany ilay Andriamanitry ny kristiana tamin'izy ireny, manao ahoana kosa ny hevitra hita ao amin'ny *Baiboly* ?

Tsy latsa-danja amin'ireo famaritana ireo ny fanazavana sy famaritana omen'ny *Baiboly* mikasika an'Andriamanitra. Raha ny soratra masina no jerena, tsy mba olombelona velively ny Andriamanitra ivavahan'ny kristiana fa " Fanahy ". Mampibaribary ny momba an'io ity tenin'i Jesosy ity : " *Andriamanitra dia Fanahy ; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy fahamarinana* " (³⁵).

Mbola manamafy sy maneho ny tsy maha-olombelona Azy hatrany ny teny nolazain'i Balama hoe :

" Andriamanitra tsy mba olona []

Na zanak'olombelona [] "(³⁶).

Noho Andriamanitra tsy mba olombelona na naterak'olombelona, dia efa nisy hatrizay Izy. Fony tsy mbola ary akory ny tany aman-danitra sy izao tontolo rehetra izao no efa nisy Izy. Tsy mba voafetra toy ny androntsika ny fisiany sy ny fiainany, fa maharitra mandrakizay. Maro ny olona sy/na ny mpaminany nofidiany hitenenana sy hampahafantarana ny momba Azy ary anisan'ireny i Mosesy. Manasongadina izany ity fehezan-teny iray ity : " *Ary hoy Andriamanitra tamin'i Mosesy : IZAHO, IZAY IZY HATRIZAY KA HO MANDRAKIZAY* " (³⁷).

Araka ireo, Andriamanitra no anarana iray iantsoana Azy. Ankoatra an'io, maro ireo anarana azo anononana ny Andriamanitry ny kristiana. Ohatra raisina amin'ireny ny : Andriamanitra Tsitoha, Tompo, Jehovah...Mbola ny teny nataony tamin'i Mosesy ihany no nahalalana sy nanambarany izany, araka izao : " *Ary Andriamanitra niteny tamin'i Mosesy ka nanao hoe : Izaho no Jehovah, ary tamin'ny anarako hoe ANDRIAMANITRA TSITOA no nisehoako tamin'i Abrahama sy Isaka ary Jakoba, fa ny anarako hoe JEHOVAV tsy mbola nahafantarany Ahy* " (³⁸).

Raha izay no famaritana tsotsotra notsongaina tao amin'ny *Baiboly*, manao ahoana kosa no fomba nanehoan'i Abel RATSIMBA sy niantsoany Azy ?

³⁵ Jaona 4 : 24, *Baiboly*, tak.103.

³⁶ Nomery

³⁷ Eksodosy 3 : 14⁹, op.cit., tak.57

³⁸ Eksodosy 6 : 2-3, op.cit., tak.59

Anarana maromaro no nampiasain'ny mpanoratra, iantsoana an'Andriamanitra, raha ny tononkirany no jerena. Iray amin'ireny ny teny hoe " Jehovah ". Ny " Jehovah " dia fampiasan'ireo mpino protestanta... fa " Iaveh " no anononan'ny katôlika azy.. Manambara ny maha-protestanta an'i Abel RATSIMBA, ny fampiasany io anarana io. ⁽³⁹⁾ Santionany amin'ireo tononkirany ahitana izany ny " *Miderà an'i Jehovah* " :

" Miderà an'i Jehovah
 Ry firenena rehetra
 Fa lehibe ny famindram-pony
 Amintsika
 Ary mandrakizay ny fahamarinan'i Jehovah ".
 (V.A., lah.33)

Fa anarana hafa mahavantana ny maro ary nokaloin'ny poeta ny hoe " Tompo ". Maneho olona ambony sy manan-kaja amam-pahefana io anarana io, raha oharina sy ampitahaina amin'ilay miantso sy manonona azy. Eo amin'ny finoana kristiana, " Tompo " no iantsoana an'Andriamanitra ary mpanompo no ilazana ny olombelona. Tsy hita taratra ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA io rafitra miendrika an-tanan-tohatra misy eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona io. Maro anefa ireo mpanoratra no mampibaribary azy. Iray amin'ireny RANDRIANJAFY, izay milaza fa :

" *Ndrisy mpanompo tsy manoa*
""Zahay izay nofinidinao,
Mpiasa tsy mba mahasoa,
Tompo ô mifona aminao " ⁽⁴⁰⁾.

Ireto kosa no ohatra noraisinay tamin'ireo tononkiran'i Abel RATSIMBA, ka anehoany ny maha-Tompo an'Andriamanitra :

³⁹ Jereo ny tantaram-piainany

⁴⁰ RANDRIANJAFY, Fihirana FFPM, Edisiona fahadimy, Antananarivo, 2001, tak 125, « Atreho ny mpanomponao »

" Tompo ô, Henoy re
 Henoy re ny vavako
 Tsy haiko re ny hamindra
 Raha tsy eo Ianao mitantana ahy
 Eny sarotra ny lalako
 Kanefa Raiko raha Ianao
 No eo anoloako, faniloko
 Dia matoky aho Tompo ô
 Atolotro Anao ry Tompo tia
 Atolotro hanara-dia Anao
 Atolotro ho fanatitra ho doria
 Atolotro, atolotro ka raiso ".
 (V.A., lah.2)

sy ny :

" Tompo ô ! Akariko
 Ny vavako ho eo Aminao
 Tompo ô ! ny sentoko
 Dia alefako eo Aminao
 'Zao sentom-poko izao
 Dia akariko Aminao
 [] "
 (V.A., lah.76)

Mbola anarana nofidiany y nampiasainy ilazana an'ilay Nahary koa ny " Mesia Mpanavotra " sy " Mpamonjy ". Teny anondroana an'i Jesosy Kristy ny " Mesia ", noho Izy nanaiky ny hateraka tety ambonin'ny tany. Fitiavana lehibe no natolotra sy nomen'Andriamanitra ho an'ny olombelona, tamin'ny nanolorany ny Zanany lahitokana mba hamonjy sy hanafaka azy amin'ny fahotana. Manambara an'io ny teny hita ao amin'ny Matio, manao hoe : " [] hiteraka Zazalahy izy, ary ny anarany hatao hoe Jesosy ; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany "(⁴¹).

⁴¹ Matio 1 : 21, Baiboly, tak.5

Manantitrantitra ny fahaterahan'ilay Mpamonjy izao tontolo izao ihany koa i Abel RATSIMBA, ao amin'ny " Noelim-pahafahana ". Hoy izy :

" Noely, mba henonao ve
ny feony manako lavitr'any
Manambara fa teraka ho anao
Ilay Mesia mpanavotra antsika ? "

(V.A., lah.42)

Anarana lehibe sady masina ny anaran'Andriamanitra, ka tokony hohajaina sy homen-kasina. Izany hoe, tsy tonontononona foana. Manambara izany indrindra ny didy fahatelo amin'ireo didy folo nomeny ny Zanak'Israely tamin'ny fotoan'andron'i Mosesy ary mbola arahina sy iainana hatramin'izao. Toy izao no voarakitra ao : " *Aza manonona foana ny anaran'i Jehovah Andriamanitrao, fa tsy hataon'i Jehovah ho tsy manan-tsiny izay manonona foana ny anarany* " (⁴²).

Maneho ihany koa i Abel RATSIMBA ao amin'ny " Misaora an'i jehovah " fa masina ny anaran'Andriamanitra :

" []

Koa misaora an'i jehovah ry fanahiko

Misaora ny anarany masina "

(V.A., lah.34)

Hita sy tsapa amin'izay voalaza rehetra izay fa efa nisy hatrizay ary maharitra mandrakizay Jehovah Andriamanitry ny kristiana. Ary maro ny anarana azon'ny mpino ampiasaina mba hiantsoana sy hifandraisana Aminy. Na izany aza anefa, tsy tokony ary tsy azo tonontononona foana ny anarany satria masina. Mba hahafeno ny fahalalana momba Azy, tsara raha fantarina ihany koa ireo anjara asa mampiavaka Azy. Ny tononkiran'i Abel RATSIMBA hatrany no hanakarana izany.

1.1.2. Ireo anjara asa mampiavaka an'Andriamanitra

Manana anjara asa telo lehibe Izy, raha ny hita sy voalazan'ny mpanoratra ao amin'ny tononkirany no dinihina. Sady mpihaino sy mpamaly ny vavaka ataon'ny olona Izy no mpamela ny helony ary mpamindra fo koa.

⁴² Eksodosy 20 : 7, *Baiboly*, tak.74

1.1.2.1. Mpihaino sy mpamaly vavaka

Eto am-piandohana, tsara aloha raha faritana ny atao hoe vavaka mialoha ny hilazana fa mpihaino sy mpamaly vavaka Izy.

Ho an'i Alfred de MUSSET, ny vavaka dia "*hiakam-panantenana*" (⁴³).

Raha ny hevitr'i François RAKOTONAIVO, ao amin'ny *Rakibolana Frantsay-Malagasy* kosa : "*fiangaviana, fitalahoana*" (⁴⁴) ny vavaka.

Régis RAJEMISA RAOLISON indray dia manambara fa "*Fitslahoana sy fangatahana atao amin'Andriamanitra*" (⁴⁵) ny vavaka.

Rehefa jerena ny teny hoe vavaka, dia azo lazaina fa azo avy amin'ny hoe "vava" nampiana faran-teny -ka. Izany hoe : vava+ -ka. Ary ho porofon'izany, ireto misy ohatra vitsivitsy mitovy firafitra amin'ny teny hoe vavaka :

– lelaka : lela + -ka

– felaka : fela + -ka

– fetaka : feta + -ka

Araka ireo famaritana ireo, ny vavaka dia resaka ifanaovana amin'Andriamanitra, ary ny olombelona no manao azy. Ny vava no fitaovana ampiasainy amin'izany. Ahitana "*fiangaviana*" sy "*fitalahoana*" zavatra maro samihafa ary "*fanantenana*".. ny amin'ny hihainoana sy hamalian'Andriamanitra izany ao anatin'ny arahana fisaorana mandrakariva.

Mpamaly sy mpihaino vavaka Andriamanitra. Io no anjara asany voalohany hita ao amin'ny hiran'ny mpanakanto. Tsy manavakavaka na mijery tavan'olona, tsy miangatra Izy fa izay rehetra mitady sy miantso Azy dia valiany avokoa. Manaporofon'izany ity tononkiran'ny Mpanao Salamo ity :

" *Mitady an'i Jehovah aho, dia mamaly*

ahy Izy []

Ity olo-mahantra ity niantso, dia nihaino

Jehovah " (⁴⁶)

Maro ny endrika mety hisehoana sy hanehoana ny vavaka. Tsy vitsy koa ny fomba azo anatanterahana azy. Mety hisy, ohatra, ny manao izany am-pifaliana ; ao

⁴³ Teny taerin'i (F) RAKOTONAIVO, op.cit., tak.751 : "*La prière est un cri d'espérance*"

⁴⁴ (F) RAKOTONAIVO, *Rakibolana Frantsay-Malagasy* ? tak.751.

⁴⁵ (R.R.) RAOLISON, *Rakibolana malagasy*, op.cit., tak.1020

⁴⁶ Salamo 34 : 4a sy 5a, *Baiboly*, tak.513.

ireo mamboraka ny alahelony eo am-panononana ny tonombavany. Tsapa ireny rehetra ireny, amin'ny alalan'ny feo sy ny fihetseham-po ananana ary avoakan'ilay manao sy manandratra azy. Mitalaho sy miangavy ilay Tsitoha ny olona mba hihaino sy handray ny vetsovetso-mpony sy ny fitarainany... Hita taratra ireo ao amin'ny tononkiran'ny mpanoratra, amin'ny fampiasany sy fiverimberenana ny teny hoe : " henoy re ", izay mitory fiangaviana sy fitalahoana tanteraka. Tahaka izao ary ny fanandratana sy famborahany ny hetahetany amin'Andriamanitra, ary iangaviany Azy mafy mba hihaino :

" Ry Raiko ô ! Henoy re
 Ny feoko, ny feoko mitalaho
 Koa indro akariko any
 'Zany sentom-poko izany
 Ry Raiko ô ! Henoy re "
 (V.A., lah.7)

Mbola fitalahoana sy fiangaviana hatrany no hita ao amin'ny " Atolotro " :

Tompo ô ! henoy re
 Henoy re ny vavako
 []".

(V.A., lah.2)

Mila mangataka sy miangavy ary mitalaho amin'Andriamanitra ny olona, rehefa mivavaka, mba hihainoany sy hamaliany ny hataka atao Aminy, fa tsy manery na mandidy Azy.

Araka izany, porofo iray lehibe manambara sy maneho ny fitiavany antsika ny fihainoany sy famaliany ny vavaka asandratra Aminy. Tsy vitan'ny hoe mpihaino sy mpamaly vavaka fotsiny Izy, fa mpamela heloka ihany koa.

1.1.2.2. Mpamela heloka

Raha ny famaritana nomen'i Régis RAJEMISA RAOLISON, ao amin'ny *Rakibolana malagasy*, ny atao hoe heloka dia " *Fandikana ny lalàn'ny Nahary na ny*

fitsipiky ny fitondram-panjakana ; hadisoana lehibe " ary koa " Sazy noho ny hadisoana lehibe vita " (⁴⁷).

Midika hoe " *Mamindra fo* " (⁴⁸) kosa ny mamela heloka.

Koa ny mamela heloka izany, azo ambara fa mamindra fo amin'ny olona nanao ny tsy mety na nanao fahadisoana.

Ny heloka, eo amin'ny finoana kristiana dia mitovy amin'ny ota. Samy manana ny fahadisoany sy ny fahotany ary ny helony avokoa ny olona rehetra. Toy ny maloto sy mihosom-potaka ny olona eo anatrehan'Andriamanitra, satria mpanota. Ny fitsorana sy fiaikena ny ratsy na ny tsy nety natao ihany na vahaolana tsara indrindra amin'izany, satria " Ny heloka ibabohana mody rariny ", hoy ny ohabolantsika malagasy. Rehefa miaiky ny fahadisoany sy mangata-pamelana amin'ny Ray ny olona, dia avelany ny helony. Ary tonga madio indray izy avy eo. Ny momba izay no asongadin'ny mpanakanto ao amin'ny " Misaora an'i Jehovah " :

" Misaora an'i Jehovah

Ry foko ato anatiko

Ary aza misy hadinoina

Ny fitahiany rehetra

[]

Fa Izy efa namela ny helokao rehetra

Ka nanadio ny ota efa vita

Koa misaora an'i Jehovah ry fanahiko

Misaora ny anarany masina ".

(V.A., lah.34)

Tsy mamaly ratsy ny ratsy Andriamanitra, fa fitiavana sy famindram-po hatrany no asetriny sy omeny ny zanak'olombelona.

1.1.2.3. Mpamindra fo

Azo adika tsotsotra hoe miantra, manograka, tsy mamaly ratsy ny ratsy... ary mifono fitiavana hatrany ny hoe " mamindra fo ". Midika hoe " *mangora-po, mamela heloka* " (⁴⁹) ny heviny.

⁴⁷ (RR) RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*, op.cit., tak.425

⁴⁸ (R) RAOLISON, op.cit., tak.568

⁴⁹ (R.R) RAOLISON, *Rakibolana malagasy*, op.cit., tak.570

Noho Andriamanitra tia ny olombelona, na dia manota isan'andro isan'andro aza izy, dia tsy foiny sy tsy ariany fa mbola anehoany fitiavana sy famindram-po foana. Tsy mandalo na miserana ihany, na manam-petra ny fitiavana sy famindram-pon'Andriamanitra amintsika, fa mitoetra ary maharitra mandrakizay. Ny mikasika izany no asongadina sy asandratr'ireo mpanao Salamo ao amin'ny *Baiboly* ary ventesiny mandrakariva. Averimberiny isaka ny faran'ny andininy izany ao amin'ny Salamo 136, raha tsy hilaza afa-tsy io toko io izahay. Izany hoe, ao amin'io Salamo io, misy andininy 26 ary ny andininy tsirairay avy dia miafara amin'ny teny hoe : "*Fa mandrakizay ny famindrampony* " (⁵⁰) avokoa.

Fantatr'i Abel RATSIMBA tsara io fitiavan'Andriamanitra ny olombelona io, ka nahatonga azy hivetso hoe :

" Fantatro fa ianao
Mpamindra fo, mpamela heloka
Ka na tsy mendrika aza aho
Inoako, ianao hamela ahy "

(V.A., lah.77)

Tsy mifidy na mijery tavan'olona Andriamanitra, fa izay rehetra mangataka dia mahazo avokoa, ary matoa mangataka dia manantena fa hahazo valiny na hahazo izay tadiavina.

Tsy zava-bitika na tsinontsinona, fa tena lehibe sy sarobidy ny famindram-po ka tsara sy mendrika hatao an-kira, mba ho re sy hofantatry ny firenena sy ny olondrehetra. Hoy izy, manentana ny rehetra mba hidera an'Andriamanitra, noho ny famindram-pony : " Miderà an'i Jehovah

Ry firenena rehetra
Fa lehibe ny famindram-pony
Amintsika
Ary mandrakizay ny fahamarinan'i Jehovah "

(V.A, lah.33)

Maneho ireo rehetra ireo fa tena tia ny olombelona tokoa Jehovah, satria tsy ny mihaino sy mamaly ny fivavahan'ny olona fotsiny no ataony, fa mamela ny heloka amam-pahotana koa ary mamindra fo aminy lalandava. Raha ireo ary no

⁵⁰ Salamo 136, *Baiboly*, tak.575

endrika isehoan'ny fitiavany antsika, afaka maneho sy mamaly izany amin'Andriamanitra ve ny olombelona ary inona no tokony hataony eo anatrehan'ny fitiavan'ny Tompo azy ?

1.2. Ny tokony hataon'ny olombelona

Mialoha ny hampahafantarana ireo zavatra tokony hataon'ny olona, hamaliany fitia an'Andriamanitra, dia tsara raha asian-teny ny amin'ny fomba fahitan'ny mpanoratra ny olombelona, manoloana an'Andriamanitra.

1.2.1. Fahitany ny olombelona

Tsy misy tanteraka na tonga lafatra ny olona, na dia iray aza, noho izy mitafy nofo sy ra. Manaporofy izany ilay fomba fiteny hoe : " Ny olombelona tsy mai-tsy lena " sy " Ny olombelona toy ny amalon-drano, ka be siasia ". Noho izany, samy manana ny fahadiasoany sy ny fahalemeny ny tsirairay avy, eo anatrehan'ny Tompo. Io tsy fahatanterahan'ny olombelona io dia vokatra ary azo heverina ho fahotany. Mpanota avokoa ny olona rehetra, manolana an'i Jehovah. Izany hoe : " *Manao hadisoana, heloka* " sy " *Mandika didy na fitsipika na zavatra tsy azo atao* ", (⁵¹), araka ny anambaran'ny *Rakibolana malagasy* azy.

Mahatsiaro sy mahatsapa ny tenany fa mpanota ihany koa i Abel RATSIMBA. Maro ny zavatra na toe-javatra mety hahatonga ny olona iray hanan-keloka amam-pahotana. Ohatra : ny tsy fanatanterahana ny adidy napetrak'Andriamanitra taminy sy ny tsy nanaovany ny sitra-pon'ny Ray, ohatra, dia azo lazaina fa fahotany ka mahatonga azy ho meloka manoloana ny Tompo. Abaribarin'ny sy notsoriny izany ao amin'ny " Ray ô ! ", satria " Ny heloka ibabohana mody rariny " ary " *Izay manafina ny fahotany tsy hambinina ; Fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindram-po* " (⁵²), hoy ny Soratra Masina. Izay no mahatonga ny poeta tsy hisalasala eto fa mamboraka sy miaiky ny fahadiasoany ary ny tsy mety ataony, mba hamindrana fo aminy, araka izao :

" Ray ô ! Ny heloko

Entiko eo Aminao

Satria mpanota aho

⁵¹ (R.R.) RAOLISON, *Rakibolana malagasy*, op.cit., tak.635

⁵² Ohabolana 28 : 13, *Baiboly*, tak.607

Dia izaho zanakao
 Nandositra adidy,
 Tsy nanao izay sitrakao.
 Mamindrà fo amiko Ianao,
 O ry Raiko be indrafo,
 Fa izaho zanakao
 Inty mba te hifoha ".
 (V.A., lah.59)

Mbola fanambarana sy fanamafisana ny maha-mpanota ny olombelona sy ny fahalemeny hatrany no hita sy asongadiny ao amin'ny " Tompo ô ! Tsy mendrika aho" :

" Tompo ô ! Tsy mendrika aho
 Fa mpanota ka malemy
 Mamelà ny heloko,
 Aza jerena ny hadisoako "
 (V.A., lah.77)

Araka ireo, sady mpanota no mpanao ny meloka ary malemy isika, raha ampifanatrehana amin'Andriamanitra. Tsy natao ho sakana na hanakana ny olona tsy hanatona sy hanompo ary hanara-dia Azy anefa io tsy fahatanterahany io. Koa ho fanehoana sy hanamarihana ny fitiavana an'i Jehovah sy ny finoana Azy, dia misy zavatra takiana sy andrasana aminy.

Zavatra efatra no tokony hataon'ny olona, mba hanehoany ny fitiavana ny Ray sy ny finoana Azy. Anisan'izany ny fanankinana ny fiainana Aminy sy ny fanoloran-tena ary ny fisaorana sy fiderana ny Tsitoha. 'Ndeha ary horesahina mifanesy ireo, araka ny ahitana azy ao amin'ny tononkira.

1.2.2. Fanankinana ny fiainana Aminy

Fomba iray ahatsapana sy ahalalana ny finoana sy ny fitiavana an'Andriamanitra ny fanankinana ny fiainana Aminy. Izany hoe, tsy mandeha amin'ny herin'ny tena na ny saim-pantatra, fa mila miankina mandrakariva amin'ny Ray ary mametraka ny fiainana sy izay rehetra mombamomba ny tena sy ny atao Aminy. Toy ny zaza vao miana-mandeha ka tsy mahay mamindra irery, tahaka ny

olona malemy sy jamba na tsy mahita tsara mantsy ny olona, ka mila an'i Jehovah izy ho heriny sy ho mpitantana ary ho mpitarika ny diany sy hanazava ny lalany, mba tsy hahasolafaka azy, araka izao ilazan'ny mpanoratra azy izao :

" []

Tsy haiko re ny hamindra

Raha tsy eo Ianao mitantana ahy

Eny sarotra ny lalako

Kanefa Raiko raha Ianao

No eo anoloako, faniloko

Dia matoky aho Tompo ô ! "

(V.A., lah.2)

Porofom-pitiavana iray asehon'ny olona ny fanekenany ny hitantanan'Andriamanitra ny fiainany sy ny fanankinany izany Aminy tanteraka. Mba hahamafy orina sy hahalatsa-paka tsara ny fitiavana ny Tompo ary ny fanarahan-dia sy ny fanompoana Azy, mila manolo-tena ho Azy koa ny olona.

1.2.3. Fanoloran-tena

Fepetra sy didy takian'ny fanarahana sy fanompoana an'i Jehovah ny fanoloran-tena ho Azy. Maro no endrika mety hisehoana sy hanatanterahana azy io, raha ny finoana kristiana no jerena. Ao, ohatra, ny fanekena hatao Batemy na Batisa sy ny fanoloran-tena ho isan'ny mpianany ka hiray latabatra Aminy, amin'ny fanasany. Endrika iray azo itarafana ny fanoloran-tena ho Azy ihany koa ny voalazan'i Daniel RANOASON, ao amin'ny *Fihirana Fanampiny*, dia ny famaliana ny antson'Andriamanitra miantefa amin'ny tena. Tsy izay tiana sy ny sitraky ny fo intsony no atao, fa ny sitra-pon'ny Ray sy ny fanatanterahana ny asany. Izany hoe, mitory ny Filazantsara ary tsy mba manam-petra ny fanekena hanao ny asa fanompoana Azy fa ny aina no fetrany. Asongadiny ny momba ireo ao amin'ny " He manolo-tena ", manao hoe :

" *He manolo-tena ho Anao*

fa mandre ny feo sy antsonao

'Zato tenako izay mpania

Ka raiso Tompo raiso ry Jeso tia.

Hanoa ny sitrakao

Hanao 'zay tianao

Ka ho mpanompo vonona sy sahy koa

Hitory hatrany ilay fitiavanao

Ambara-pialam-pofon'aiko Jesoa " (⁵³)

Araka izany, mila fahasahiana sy fahavononana tanteraka ny fanoloran-tena ho an'ny Tompo, fa tsy tokony hihemotra raha tojo olana na zava-tsarotra eny andalana.

Raha ny tononkiran'i Abel RATSIMBA indray no jerena, ny fo sy fanahy ary ny fiainana manontolo mihitsy no atolony mba hanompoana ny Ray. Manamafy ny hevitr'i Daniel RANOASON sy ireo mpanoratra kristiana maro izay manambara fa aina no fetra amin'ny fanarahana Azy izy. Iza no vetsovetso nipololotra tao ampony ka nataony an-kira, momba io fanoloran-tena io :

" Indro atolotro, ry Raiko,

'Zany foko sy fanahy

Indro omeko Anao lalaiko

Foiko ho Anao hatrany

Raiso Tompo fa omeko,

Raiso re raha sitrakao

Ho anao mandrakizay "

(V.A., lah.59)

Hamafisiny amin'ny " Atolotro " izany :

" Atolotro Anao ny tenako

Ry Raiko ô ! Henoy ka mba ekeo

Atolotro ny fiainako rehetra

Atolotro mba hanompoana Anao.

[]

Atolotro Anao ry Tompo tia

Atolotro hanara-dia Anao

Atolotro ho fanatitra ho doria

Atolotro, atolotro ka raiso ".

(V.A., lah.2.)

⁵³ (D.) RANOASON, *Fihirana Fanampiny*, « He manolo-tena »

Tsapa amin'ireo andinin-tononkira ireo ny fitiavan'ny mpanoratra ny Tompo, ka ny fanoloran-tena dia mbola nampiany sy noporofoiny tamin'ny alalan'ny teny izay maneho sy mifono fitiavana. Tsy inona io teny io fa ny hoe " lalaiko ". Tia sy manaja ary mandala an'Andriamanitra izany izy.

Maneho ireo rehetra ireo fa tsy vitan'ny manolo-tena ho an'Andriamanitra fotsiny ny olona tia Azy. Ary tsy eo imolotra ihany fa mila porofoina amin'ny asa sy ny fahavononana hanao sorona ny aina ho Azy, ny fitiavana sy ny fanompoana ary ny fanarahan-dia an'i Jehovah. Maro, ohatra, ny Malagasy nahafoy ny ainy noho ny fitiavana Azy, raha tsy hitanisa afa-tsy RASALAMA Maritiora sy RAFARAHALY Andriamazoto izahay.

Ankoatra ny fanankinana ny fiainana sy ny fanoloran-tena ho an'Andriamanitra, tokony hahay hisaotra sy hidera koa ny kristiana.

1.2.4. Fisaorana sy fiderana

Efa hatramin'ny mbola kely na ny fahazazana no nozarina sy nampianarina hahay hisaotra ny zaza sy ny olona tsirairay avy. Porofon'izany ilay tsianjery tsy afaka am-bavan'ny maro hoe :

*" Raha misy manome
zavatra ho anao
kingà miteny hoe
misaotra tompoko ô ! "*

Araka io tsianjery io : misy ny mpanome ary ao kosa ny mpandray izay omeny. Koa ho mariky ny fankasitrahana sy ny fahalalam-pomba ary fankatoavana ilay mpanolotra sy ny fanomezany, dia misaotra ny olona tolora izany. Fihetsika andrasana amin'ny kristiana ihany koa io ary tokony hataony foana foana. Isaorana an'Andriamanitra avokoa ny zava-drehetra misy sy miseho eo amin'ny fiainana. Tsy tokony hiala eo am-bavan'ny olona fa hoventesiny lalandava ny fisaorana, tahaka izao ataon'ny poeta izao :

*" Misaora an'i Jehovah
Ry foko ato anatiko
Ary aza misy hadinoina*

Ny fitahiany rehetra.
 Misaora an'i Jehovah
 Ianao ry fanahiko
 Ka atolory Azy
 Ny haja ambony indrindra
 Fa Izy efa namela ny helokao rehetra
 Ka nanadio ny ota efa vita
 Koa misaora an'i Jehovah ry fanahiko
 Misaora ny anarany masina ".

(V.A., lah.34)

Tsy tokony ho faly hisaotra sy handray ny soa avy Aminy fotsiny anefa ny olombelona, fa tokony hovanona ny hamaly fitia Azy sy haneho ny talentany ary hanao izay azony atao mba hanompoana ny Tompo. Endrika iray isehoana sy azo anatanterahana izany ny fiderana an'Andriamanitra. Izany hoe, manandratra sy mankalaza ny anarany ary dradradraina ho fantatry ny olona rehetra ny Aminy sy ny fitiavany.

Raha ny tononkiran'ny mpanao Salamo sy ny mpanoratra no jerena, noho Andriamanitra mpamindra fo sy marina no anisan'ny hiderana Azy. Tsy olona iray na roa ihany no afaka sy natao hidera Azy fa ny olombelona rehetra eto an-tany mihitsy no entanina hanao izany, araka izao ilazany azy izao :

" Miderà an'i Jehovah
 Ry firenena rehetra
 Fa lehibe ny famindram-pony
 Amintsika
 Ary mandrakizay ny fahamarinan'i Jehovah "

(V.A., lah.33)

Ankoatra ny olombelona, ny anjely koa dia midera sy manandratra Azy. Zavatra iray lehibe ahatsapana izany, ohatra, ny filazan'izy ireo ny fahaterahan'ny Mpamonjy izao tontolo izao :

" Injany manako lavitr'any
 ny feon'Anjely Marobe
 Manambara fa teraka ho anao
 Ilay mpamonjy ny olo-meloka ".

(V.A., lah.42)

Ho famaranana ity zana-pizarana miresaka ny fitia mifamaly eo amin' Andriamanitra sy ny olombelona ity, dia 'ndeha hojerena sy hofantarina ny fifandraisana misy eo amin'izy ireo.

1.3. Ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona

Noho Andriamanitra namorona sy nahary ny zavatra rehetra, na ny manan'aina na tsia, dia Izy no lehibe sy mpanjaka ary tompon'izao rehetra izao. Lafin-javatra roa no azo resahina mikasika ny fifandraisana misy eo amin'ny roa tonta, araka ny tononkiran'i Abel RATSIMBA. Eo am-piandohana, misy ny elanelana toa manasaraka azy ireo ka mametraka an'i Jehovah ho Tompo ary ny olona ho mpanompony. Mihafoana tsikelikely izany aty aoriana ka mifampitondra toy ny mpianaka izy ireo. Ireo no horesahina sy hovelabelarina mifanesy eto.

1.3.1. Tompo sy mpanompo

Manambara " *olona manana fahefana amin'ny hafa ka afaka hampanao azy ny sitrapony sy mibaiko azy* " (⁵⁴), ny teny hoe " tompo ". Ny mpanompo kosa dia " *olona miasa ho an'olona, manao raharahan'olona, ka mahazo karama na tsia* " (⁵⁵).

Tsy zava-baovao vao noforonin'ny olombelona fa efa nisy hatrizay, efa hatramin'ny andron'i Mosesy sy ny Zanak'Israely tany Egypta ny rafitra an-tanan-tohatra izay maneho ny fisian'ny tompo sy mpanompo. Ahitana azy io ao amin'ny Testamenta Taloha, na dia tsy miharihary aza ny teny hoe " tompo " sy " mpanompo ". Porofon'izany ny tenin'i Jehovah tamin'i Mosesy, izay mpitondra ny teniny teo anatrehan'i Farao mpanjakan'i Egypta. Hoy izy : " *Jehovah Andriamanitry ny Hebreo, no naniraka ahy nankaty aminao hanao hoe : Alefaso ny oloko hanompoany Ahy any an'efitra []* " (⁵⁶).

Araka io tenin'Andriamanitra io, ahitana mpisolo tena tampisaka – ko ny teny hoe " oloko ". Manambara fananana ny –ko ary ilay miteny no tompony. Maneho ny maha-Tompo Azy sy ny maha-mpanompony ny olona izany.

⁵⁴ (R.R) RAOLISON, *Rakibolana malagasy*, tak.958

⁵⁵ (R.R) RAOLISON, *op.cit.*, Tak.760

⁵⁶ Eksodosy 7 : 14, *Baiboly*, tak.60.

Mbola ao anaty *Baiboly* hatrany no ahitana fa ny mpanjaka no lehibe sy Tompo, ary ny vahoaka eo ambany fahefany sy fifehezany no mpanompony. Manamarina an'io ny tenin'ity vehivavy iray tamin'i Davida mpanjaka ity : " Ary hoy ravehivavy : *Trarantitra hianao, aoka kely ny mpanompovavinao hanao teny indraim-bava amin'ny mpanjaka tompoko* " (⁵⁷).

Mitory ny maha-mpanompon'Andriamanitra ny olona koa ity andinintanonkiran'i Elisabeth H. CODNER ity :

" Oram-be mivatravatra

arotsahy Tompo ô !

fa mangetaheta loatra

izahay mpanomponao " (⁵⁸)

Miombon-kevitra amin'ireo rehetra ireo i Abel RATSIMBA, na tsy hita ao amin'ny asa sorany aza ny teny hoe " mpanompo ". Araka ny voarakitra ao amin'ny hiranany, misy elanelana manasaraka ny olona sy Andriamanitra. Raha ety ambany na amin'ny toerana iva no misy iry voalohany, ilay faharoa kosa eny amin'ny faritra ambony sy avo. Asongadin'ny mpanoratra ny momba ireo ao amin'ny " Tompo ô ! Akariko " :

" Tompo ô ! Akariko

Ny vavako ho eo Aminao

Tompo ô ! Ny sentoko

Dia alefako eo Aminao

'Zao sentom-poko izao

dia akariko eo Aminao

[] "

(V.A., lah.76)

Maneho ireo voalaza ireo fa endri-pifandraisana iray mety hisy eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona ny fifandraisan'ny Tompo sy mpanompo. Ary eo anatrehan'Andriamanitra, samy mpanompo sy olony avokoa ny rehetra. Izany hoe, samy eo ambany fifehezany sy fitantanany avokoa na ny mpanjaka aza. Manampiovana anefa ny zava-drehetra ary ny fifandraisan'ny mpanompo amin'ny tompony mety mbola hihatsara koa. Raha ny fiainan'ny kristiana no jerena, hita taratra io toe-

⁵⁷ II Samoela 14 : 12, *Baiboly*, tak.295

⁵⁸ (E.H.) CODNER, *Fihirana FFPM*, « Oram-be mivatravatra »

javatra io sy ny fiovan'ny fifandraisany amin'Andriamanitra. Efa nentina sy napetraka ho toy ny mpanompo izy ary mety ho lasa sy ho tonga zanaka any aoriana.

1.3.2. Ray sy zanaka

Samy manana ny ray nitereka azy ny olona tsirairay avy, dia ny rainy aranofo. Ankoatra an'io ray niteraka io, misy ilay Ray iombonan'ny rehetra ary ray arapanahy, raha ny fivavahana kristiana no resahina. Tsy iza io fa Andriamanitra. Noho izany, ohatra ny fifandraisan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka no fifandraisana misy eo Aminy sy ny olombelona. Ny olombelona mihevitra sy miantso Azy ho Rainy ary Izy mandray ny olona ho zanany. Voaporofy izany ao amin'ny *Baiboly*, araka ny teny nampitondrain'i Jehovah an'i Natana mpaminany ho an'i Davida sy ny taranany, manao hoe : " *Izaho ho rainy, ary izy ho zanako. Raha manao izay meloka izy, dia hanariko amin'ny tsorakazon'ny olona sy ny kapoky ny zanak'olombelona ; nefa ny famindrampoko tsy mba hiala aminy, tahaka ny nanesorako izany tamin'i Saoly, izay nesoriko teo alohanao* " (⁵⁹).

Tsapa amin'io fa mipetraka eo amin'ny toeran'ny Ray tokoa Izy, ka mampiasa kapoka sy mananatra ny zanany ary maneho hatrany ny fitiavany azy.

Tsy diso anjara tamin'ny fiantsoana an'i Jehovah ho Rainy sy ny fametrahana ny tenany ho zanaka ihany koa ny mpanoratra eto. Toy izao no nanehoany izany ao amin'ny " Ray ô ! " :

" Ray ô ! Ny heloko
Entiko eo Aminao
Satria mpanota aho
Dia izaho zanakao
[] ".

(V.A., lah.59)

Amin'ny maha-Ray an'Andriamanitra, Izy no mitantana ny dia sy ny fiainan-janany, mba tsy ho diso lalana... Mila fanilo na jiro ny olona hanazava sy hitsilo ny lalany, mba hahatonga azy hahita sy hahalala tsara ny lalan-kombany, satria " sarotra " ny diany. Andriamanitra no mpitari-dalana sy fanilo ho an'ny kristiana.

⁵⁹ II Samoela 7 : 14-15, *Baiboly*, tak.288

Tahaka ny zaza ny olombelona eo anatrehany, ary tsy afaka ny handeha irery sy tsy mahaleo tena, fa tsy maintsy mila ny Rainy hatrany hitantana sy hiaro azy. Tsapan'ny mpanakanto tsara izany, ka hoy izy, ao amin'ny " Atolotra " :

" []

Tsy haiko re ny hamindra

Raha tsy eo Ianao mitantana ahy

Eny sarotra ny lalako

Kanefa Raiko raha Ianao

No eo anoloako, faniloko

Dia matoky aho Tompo ô !

(V.A., lah.2)

Raha fintinina izay voalaza rehetra tato anatin'ity zana-pizarana ity, dia tsapa fa misy fitia mifamaly eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona. Na dia mpanota sy mpanao ny meloka aza ity farany, tsy mahafoy na manary azy tsy ho olony sy tsy ho zanany intsony Andriamanitra, fa mbola mihaino sy mamaly azy hatrany raha mivavaka izy ary mamela sy mamindra fo aminy hatrany hatrany. Ho valin'izany fitiavana mitafotafo atolotra azy izany, manankina ny fiainany tanteraka amin'ny Ray ny kristiana ary manolo-tena hanompo sy hanara-dia ary hidera sy hisaotra Azy amin'ny androm-piainany rehetra. Ireo rehetra ireo no tanteraka, dia noho ny fifandraisana misy eo amin'ny roa tonta. Indraindray, mety hifampitondra toy ny mpanompo sy tompo izy ireo, nefa mety koa hifandray am-po tanteraka sy hifanakaiky tahaka ny ray sy zanaka nifampiteraka. Na izany aza anefa, Andriamanitra ihany no lohany sy lehibe, noho Izy Tompo sy Ray ary ny olombelona dia eo ambany fahefany foana, amin'ny maha-zanaka sy mpanompo azy.

Fa ankoatra io fitia mifamaly eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona io, endri-pitiavana faharoa manjaka ao am-pon'ny olombelona koa ny fitiavana ny tanindrazana.

TOKO II –NY FITIAVAN- TANINDRAZANA

Maro ireo mpandinika sy mpanoratra no maneho ny heviny ny an'ny antsoina hoe « tanindrazana » sy ny olona heverina fa tia tanindrazana. Mialoha ny hanomezana ny famaritana ny tanindrazana anefa, dia sy tenina mpanoratra sy mpandinika vitsivitsy ireto, laza ny an'ny olona tia tanindrazana sy ny toetra takiana any.

Iray an'ireny ny voalaza ao an'ny gazety Fanasjna, izay resaka indrindra ny toetran'ny olona tia ny taniny. Toy izao no ambarany ao : « [] *Fa izay tena ho fisainana na ho toetra hananan' ny tena tia tanindrazana dia ny fiezahana hampanjaka ny antsoina hoe « marina sy rariny [] »* ⁶⁰

Mamboraka ny heviny ny an'ny fitiavan-tanindrazana sy ny olona tia azy koa RABEMOLALY Fanomezana, ka hoy izy : «Fa inona moa ny fitiavan-tanindrazana ? *Ary manao ahoana ny Malagasy atao hoe « tia tanindrazana ? » Tia tanindrazana ny Malagasy mahatsiaro tena fa Malagasy ary tia ny Malagasy. Noho izany, tiany i Madagasikara -tsy noho ny izy tany lova fotsiny -fa izy sady fananana iombonana no fitaovana hanasoavana ny Malagasy»* ⁶¹

Araka ireo, raha vao teny hoe tanindrazana, dia tonga ao an-tsaina koa ny toerana na faritra sy ny mponina ary ireo zava-boaary , izay tsy afa-saraka any. Tokony handala ny « marina sy rariny » ary ho tia ny mpiara-belona sy mpiray tanindrazana any ary hanasoana ny taniny, ny olona tia tanindrazana.

Manana adidy sy anjara toerana lehibe an'ny fanatanterahana sy fanaovana ireo koa ny poeta sy mpanoratra ary ny mpanankanto. Hohitantsika ny momba izany, ao an'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA, aoriana kely, fa 'ndeha aloha hofaritana ny antsoina hoe faritra niaviana, an'ny maha-tanindrazan'ny tsirairay azy sy ny atao hoe tanindrazana iombonana.

⁶⁰ Gazetv Fanasina, lah. 408, 12 Août 1965, tak. 3, « Ny fitiavan-tanindraza »

⁶¹ (F .) RABEMOLAL Y, Fary Mamy Kilasy Famaranana, Edisiona SALOHY , Trano Printy Loterana,tak. 273

2.1. Famaritana

2.1.1. Ny faritra niaviana

Raha hanome famaritana ny tanindrazana, dia ny faritra niaviana no tsy maintsy iaingana. Tsy vitsy ireo poeta no manoratra tononkalo sy poezia, mba hilazana sy handokoana ary hanasongadinana ilay toerana niaviany. Santionany an'izy ireny ity poeta ngezalaha, tsy zoviana an'ny rehetra eo an'ny sehatry ny literatiora malagasy ity. Tsy iza izany fa Ny Avana RAMANANTOANINA.

Nandala sy nankamamy ny toerana niaviany tokoa Ny Avana ary sy hitsy ny tononkalo nanehoany izany sy natokany mba hikaloana azy. Sangan'asany iray mampibaribary an'io ny « Aleoko hira », ary natokany « Ho fahatsiarovana an ' Ambatofotsy Avaradrano, toerana niaviany :

*« Ry vohitra kelin 'Idada sy Neny,
No sady rakitra ireo taolam-balony,
Ny foko manembona, avela hiteny,
Ny vavako manina hamoaka ny kalony.
Tsy sy toerana iray na fotoana,
izay tsy itodihan 'ny saiko anao,
Na ory, jaly na feno haravoana,
Ny vetsom-panahiko lasa mankao .»⁶²*

Raha izay ary no fikalon'Ny Avana RAMANANTOANINA ny toerana niaviany, manao ahoana kosa no fivetson'i Abel RATSIMBA ny azy sy ny fitiavany ilay toerana niaviany ?

Ambarany ao an' ny tononkirany fa tanàna kely sy saro-dalana no sy sy mankany an' ireo ray aman-dreniny. Kanefa izany tsy nanakana azy tsy ho tia sy hankamamy azy. Asehony fa tsy foiny sy tena many tokoa ny tanindrazany, na dia kely aza. Jereo ange ny filazany azy :

*« Tazano fa iry efa manangasanga
vohitra kely tena matsika
Ny Ilay lohasaha sy havoana tsy atao ahakivy
Raha reraka ianao ho babeko ry zandry tiana. »*

(V.A., lah. 10)

⁶² (Ny A.) RAMANANTOANINA, *Ny mpandinika*, lah. 18,21 Marsa 1924, « Aleoko mihira »

2.1.2. Ny tanindrazana iombonana

Raha vao teny hoe tanindrazana, dia ny toerana sy ny fasana ilevenan'ireo razana sy sy ny lova navelany no mby ao an-tsaina.

Famaritana iray maneho izany ny an-dRajesa RAOLISON, hita ao an'ny *Rakibolana malagasy*, manao hoe : « *Tany niavian 'ireo razana ary ilevenany.* »⁶³

Araka an-dRA VELOJAONA koa : « Ny TANINDRAZANA dia loharan-tsoa tsy sy toa azy [] fonenan 'ny razana hatrany hatrany, fasana rakitra ny karandoha sy ny taolamba1on 'ny nahitana masoandro, nahalatsahan-tavony. »⁶⁴

Ary ho an'i ABINAL sy i MALZAC indray, ny « *Tanin'ireo razana* »⁶⁵, no atao hoe tanindrazana

An'ny maha-Malagasy an'i Abel RATSIMBA, tsy ny faritra niavian'ireo masoandro amam-bo1any ihany no noheveriny fa tanindrazana, fa i Madagasikara hitsy. Tato anatin'ny mantsy no nahalatsahan'ny tavoniny na nahaterahany. Ary ny fitiavany an'i « Gasikara » dia tsy ova hitsy, na inona na inona zava-sy sy seho, na tany mahatra izy na manan-karena. Ary na sy aza ireo firenena lazaina sy hitany fa tsara sy kanto, mbo1a tsy mahatoraka ny azy izany, any. Toy izao ary no nanehoany sy nanandratany ny taniny :

« Gasikarako, tanindrazako ianao
Ka tsy foiko, lalaiko hatram'izao
Tanao no nipoiran'ny aiko
Ka tsy ho adinoko, ho tsaroako, hajaiko.

Gasikarako irery ihany
No ato am-poko ra 'tany koa ny tany
Ka na manana ianao na ory koa
Ny fitiavako itoetra tsy ho 10.

Gasikarako, tsy foiko ianao
Ka na iza tsara itako hatrizao
Dia lazaiko sy tsoriko anao
Fa tsisy meva sy kanto toa anao. »

(V.A., lah. 14.)

⁶³ (R.R.) RAOLISON, *Rakibolana malagasy*; op. cit, tak. 924.

⁶⁴ RAVELOJAONA, *Tanindrazana sy Firenena ary isika Malagasy*, Imprimerie spéciale, Anjohy, 1972, tak. 72

⁶⁵ ABINAL et MALZAC, *Dictionnaire Malgache -Franais, d. maritimes et d'Outre Mer*, Paris, tak. 673.

Zava-poana sy tsinontsinona anefa, ny toerana iray, raha tsy ao ireo zavaboary monina sy manome endrika azy ary tsy afa-misaraka any.

2.2. Ireo zavaboary sy ao an'ny tanindrazana

Azo sokajiana ho roa ireo zavaboary izay mivelona sy miaina ary miriaria....ao anatin'ny tanindrazana, raha ny tononkalon'i Abel RATSIMBA no jerena. Ao aloha ny olombelona miara-belona sy mifanerasera amin'ny mpanoratra ; ary manaraka izany, misy kosa ireo zavaboary hafa miaina sy manome endrika azy. Ireo lohahevitra ireo no hanompanana sy hitondrana ny famelabelarana anaraka eto, ka ny olombelona no anombohana azy.

2.2.1. Ny olombelona

Maro ireo olona miaina sy mivelona ary mifanerasera amin'ny mpanoratra ao an'ity Madagasikara tatiindrazana misy azy ity. sy karazany roa izy ireny, dia ny fianankaviana sy ny mpiara-monina tsotra.

2.2.1.1. Ny fianakaviana

Ny ray aman-dreny niteraka sy ny zanaka no mamorona ny atao hoe fianakaviana iray. sy hatrany ny fifanehoam-pitiavana ao anatin'izany fianakaviana izany, na eo amin'ny samy zanaka, na eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka.

a- Fifankatiavan'ny samy zanaka

Ny zoky no toy solon-dray aman-dreny eo amin'ny samy zanaka, ka manefa ny adidy sy ny anjara tandrify azy amin'ny zandriny. An'ny maha-zoky an'i Abel RATSIMBA, dia nanao izany izy ary nampiseho ny fitiavany ny zandriny ihany koa. Tamin'ny fotoana niarahan'izy ireo teny an-dalana hamonjy ilay tany niaviany no nitrangan'izany. Anisan'ny nahatsapana fa tiany ny zandriny, ny fihetsika sy ny toetra nataony, toy ny fitantanana sy fibabena azy raha reraka, ary indrindra, ny fampaherezana ilay zandry keliny mba tsy ho kivin'ny halaviran-dalana. Ireo no hita ao amin'ny tononkira hoe « Etsy babeko » :

« Razandry ô! Etsy hotantanako ianao
 Aza ela fa miandry ikaky sy ineny
 Fa ny lalana aleha anie ka lavitra ihany
 Koa herezo ny dia 'zany havako izany.

Tazano fa iry efa manangasanga
 Ilay vohitra kely tena mamintsika
 Ny lohasaha sy havoana tsy hatao ahakivy
 Raha reraka ianao ho babeko ry zandry tiana.

Razandry ô! Ireo manofa lamba
 Ny havantsika miandry eo andrefan-tanana
 Ny lalan-tsika efa madiva ihany
 Koa herezo, herezo Razandriko izany. »

(V.~ lah .10)

Raha izay ary no fomba fanehoam-pitiavana eo amin'ny samy zanaka, ka nanasongadinan'ny mpanoratra ny fitiavan-jandry tao aminy, manao ahoana kosa ny fitiavana asehon'ny ray aman-dreny amin'ny zanaka ?

b- Fitiavan'ny ray aman-dreny ny zanaka

An'ny maha-ray aman-dreny ny ray aman-dreny, manana adidy sy andraikitra amin'ireo menaky ny ainy izy ireo, na ara-batana na ara-tsaina na ara-panahy. Anisan'ireny ary tanjona kendren'ireo nahitana masoandro amam-bolana, ny fanabeazana sy fitaizana ny taranaka mba ho tonga olom-banona sy ho mendrika. Nambaran'ny mpanoratra ny momba an'io, ao amin'ny « Ny fahiny » :

« Tsy mba tianao mantsy
 Ny hanananay toetra ratsy
 Ny olom-banona sy soa
 No tarigetranao tokoa. »

(V.A., lah. 43)

Miankina amin'ny fomba nitaizana sy nanabeazana ny zaza ihany anefa no ananany toetra soa sy tsara ary fahendrena, na tsia. Koa na dia niady irery aza ny renin'ny mpanoratra teo amin'ny famelomana sy fitaizana ireo zanany, rehefa

nodimandry ilay andefimandriny, dia tsy niraviravy tanana izy. Nanao sy nampiasa ny fomba rehetra noheveriny fa hahasoa ireo naterany izy tamin'izany. Nampihariny avokoa na ny fibedesana, raha tsy nety ny nataon'izy ireo, na ny fikapohana. Tsy halozana akory no nanaovany ireny rehetra ireny, fa mariky ny fitiavana avokoa, satria « ny zanaka tiana tsy hitsitsina rotsa-kazo ». Tsapan'ny poeta ny fitiavan'ny reniny azy, ka hoy izy, ao amin'ny tononkirany :

« []
Na ianao sendra nibedy
Nikapoka aza indraindray
Fitiavana daholo ireny » .

(V.A., lah. 43)

Mampibaribary sy manambara io fomba fitaizana mba hahatonga ny zaza ho olom-banona io ihany koa ny Baiboly Voalaza ao fa tsy afa-saraka sy tokony hiara-dalana ny fananarana sy ny fikapohana, araka izao ilazany azy izao : « *Ny tsorakazo sy ny anatra no manome fahendrena. [] Raha teny fotsiny ihany. dia tsy ampy hananarana* »⁶⁶

Mbola manamafy izany koa i Etienne RANOHERY, ao an'ny gazety *Ny Sakaizan 'ny tanora*. Ambarany fa « Ny kapoka sy ny tambitamby no .fitaizana ny olom-banona »⁶⁷

Fa ankoatra ireo, ezaka mafy ny renim-pianakaviana ny haneho ny fitiavany ireo sombiniainy. Tsapa izany an'ny fanaovany izay hahafaly sy hampitony ny alahelon-janany. asa avokoa na ny « tambitamby » na ny « safosafo » na ny « rotsirotsy » :

« Irony safosafonao
Ny tambitamby, rotsirotsy
Raha sendra ka tomany
Tsy hohadinoina ireny,
Tsy hohadinonay, ry neny,
He tsaroanay ombieny. »

(V.A., lah. 43)

⁶⁶ Ohabolana 29: 15a sy 19 a, *Ny Baiboly*

⁶⁷ (E) RANOHERY, Tonian'ny E.V.M., *Ny Sakaizan'ny tanora*, lah. 127, Marsta 1996, tak. 4, « Fofom-boninkazo »

Mandrindra ny fotoana marnpaharofirofy ny zanaka ihany koa no tena ahatsapana ny fitiavan-dreny, satria tebiteby fatratra ny an'izay mety hanjo ny zanany izy ary tsy mahita tory hitsy. Toy izao no ilazan'i Abel RATSIMBA azy :

« Izahay ra'oriory
Ianao tsy mahita tory
Tsy hadino ireny akory,
[]. »

(V.A., lah. 43)

Tsy natao hiara-dalana mandrakizay anefa, ny mpianakavy. Koa rehefa tonga ny fahafatesana, izay mpanao « ankaso », dia tsy maintsy fandao, na tsy fankafoyaza. Eo anantrahan'izany, mahatsiaro fahabangana tanteraka ireo zanaka eo an'ny fiainany, noho ny fandoazan'ireo ray arnan-dreniny azy any amin'ny varo-tsy fody. Vokatri'izany, foana avokoa na ny « korana » sy ny « tositsoy », na ny « safosafo » sy « tsikitsiky » niarahana sy niainan'izy ireo fony fahavelon'ireo ray aman-dreny. Tonga sy ova ho ranomaso sy alahelo ombieny ny hafaliana sy hasambarana, isaka ny mahatsiaro azy ireo taranany :

« Adin-tsaina, malahelo, tomany
No mazàna iainana eto an-tany
Koa na mafy na mangidy izany :
Ny manadino tsy zava-mora ihany.
Dada ô! tomany anie izandry
Neny ô! Izaho koa tsy tafandry
Nifandao e noho ny herin'ny ankaso
Ka endrey johy ny ranomaso.
[]
Lasa tokoa ianareo nihantana
Ka ny maso manganohano no tsy tana
Masavisa ny rehetra nolalovana
Saingy indrisy tsy azo mba hambaina
tarnberina ato an-tsaina indray
Ny korana nifanaovana hatrizay
Tositosy tsy mba hay afindra
Safosafo, tsikitsiky tsara indrindra. »

(V.A., lah. 87)

Na eo aza ireo rehetra ireo sy ny lalam-piainana ny an'ny fisarahana an-tany, izay tena mangidy sy mavesatra tokoa an'ireo velona, dia tsy tapitra hatreo an'ny ora ahafatesana akory ny adidin'ny olona iray. An'ny Malagasy, mbola mitohy hatrany izany. Izany hoe, aorian'ny fahafatesana, dia mbola afa-mifandray an'ny velona sy manana adidy an'izy ireny ny olona efa maty sy lasan-ko razana. Tsy inona io adidiny io fa ny fitahiana ny velona. Azo lazaina fa mino ny fisian'ny fitahian'ny razana ny mpanoratra, ka mangataka izany amin'ireo ray aman-dreniny, araka izao :

« []

O ry Dada sy Neny nitosiana

Arotsahy ampio ny fitahiana. »

(V.A., lah. 87)

Hita sy tsapa an'ireo rehetra ireo fa tsy mandritra ny fotoana ahavelomana ihany no itiavan'ny ray aman-dreny ny zanany, fa mitohy hatrany na efa maty aza izy.

Fa ivelan'ny fianakaviana, misy ihany koa ireo mpiara-monina tsotra, miaina ao anatin'ny tanindrazana na toerana iray.

2.2.1.2. Ny mpiara-monina

Ahitana karazan' olona maro sahafa ao anaty fiarahamonina iray. Azo sokajiana ho roa izy ireo, raha ny lafiny fari-piainana no jerena : ao ireo sokajin' olona heverina fa mahantra sy sahirana ara-pivelomana, ary ao kosa indray ireo azo lazaina fa manana. Hita taratra ireo ao an'ny asa soratr'i Abel RATSIMBA, ary ny momba izany sy ny fahitany azy no horesahina mifanesy eto.

a- Ireo mahantra na sahirana

Raha ny tononkiran'ny mpanoratra no dinihina, anisan'ny mahatonga ny olona hahantra na ho sahirana ara-pivelomana ny fahakambotiany. Izany hoe, tafiditra ao anatin'ireo olona heverina fa mahantra sy sahirana izany ny kamboty, araka ny fahitan'ny poeta azy. Noho ny tsy fananan'izy ireny ray aman-dreny hiahy sy hamelona azy intsony no antony mahatonga izany. Hany ka voatery miady irery an'ny fiainana izy ireny, ary tsy mba manan-kantenaina. Tsapan'ny mpanoratra tsara

io toe-javatra anjady sy iainan'ny kamboty io, an'ny maha-kamboty azy⁶⁸. Koa ezaka ny hanolo-tanana sy hanampy azy ireny izy , raha mbola misy azony atao, ary mitaona ny hafa koa hanatanteraka izany :

« []

Mba jereo sy tsimbino

Ireo kamboty mahonena

Maha-ory ireto izy

Tsy manan-kantenaina, eny,

Fa ny androny sy ny ampitso

Dia tena ankamantatra ombieny.

Ry velona ô! Tsinjovy ireo mahantra

Iza anefa moa no antenaina hiantra

Ireo kamboty mahantra mahonena

Raha tsy isika izao mpiray firenena

(V.A., lah. 24)

Mbola hamafisin'ny mpanoratra izany ao an'ny « Raha nambinina, manao hoe :

« V oin-kava-mahatratra

Ny fiainana eto an-tany

Koa meteza re hiantra

Ireo kamboty tomany.

Raha nanao ka tsy nambinina

Fidiny ve, hoy ianao,

Ny rovi-damba ririnina

Satriny ho toa anao.

(V.A., lah. 56)

Araka ireo, tsy sy mahavita tena, ka tokony hifanohana sy hifanampy hatrany ny rehetra. Tsy vitan'ny fitserana fotsiny anefa izany, fa la arahana asa mihitsy. Ary ny fanatanterahana ireo, dia fitandroana sy fandalana ny fihavanana sy fifankatiavana, izay soatoavina malagasy .

⁶⁸ Jereo ny tantaram-piainany

b- Ny mpanana

Antony maro samihafa no mety ho nahatonga ny olona iray ho lasa mpanan-karena eo amin'ny fiainana, ka isongadinany ao anaty fiarahamonina. Mety ho efa anjaran 'y olona iray hitsy, ohatra, ny hanan-karena, na hahantra. Hita taratra izany ao amin'ny katsaka fiadanana, nosoratan'ILAY, izay anambarany hoe « *Efa anjaran 'ny olombelona ny sy ambony sy ambany, ny sy manan-karena sy mahantra, ny sy mahay sy bado* »⁶⁹. Mety ho avy amin'ny fananam-bintana koa anefa no mahatonga izany, satria « *Ny harena la vintana, raha tsy anjara tsy tonga* », hoy ny ohabolantsika malagasy.

Amin'i Abel RATSIMBA kosa, mety ho noho ny fanambinana no anisan'ny mahatonga ny fananan-karena, araka ny voalazany ao amin'ny « Raha nambinina » :

« Raha nambinina ianao
Ka nisondrotra ho avo
Ny haravoa-mitafotafo
[]. »

(V.A., lah. 56)

Ambarany koa fa mila vintana ny harena ary ny fananam-bitana no loharanom-panambinana. Toy izao no fanehoany izany ao amin'ny « Jereo ny kamboty » :

« Ianao izay nasandratry
Ny vitana
Ka he nambinina
[]. »

(V.A., lah. 24)

Fa anisan'ny toetran'ny olona matetika, rehefa manan-katao sy manan-karena izy , ny manavakavaka sy manilikilika, ary minia tsy mijery sy tsy te hahalala ireo sahirana ara-pivelomana. Voadinik'i Abel RATSIMBA izany fihetsika sy toetra izany ary tsy takona afenina ato amin'ity sombin-tononkalony ity :

⁶⁹ ILA Y, *katsaka fjadana*

« Ny manana matetika tsy havan'ny ory
 Fa tsy mitovy, ka tsy afaka miara-matory
 Raha ory ianao, ilaozan'ny maro
 Mahia, hono, ka tsy afaka hifangaro .»

(V.A., lah. 71)

Na izany aza no zava-misy hita sy iainana ao anaty fiarahamonina, amin'ny maha-mpanoratra sy mpanakanto ary mpanabe an'i Abel RATSIMBA, dia mahatsiaro tena ho manana adidy sy andraikitra amin'ny mpiara-monina aminy izy. Amin'ny alalan'ny fanoroana hevitra sy fitaomana ireo izay azo lazaina fa tafita eo amin'ny fiainana, mba hitsimbina sy hanampy ireo mpiara-belona aminy, no anatanterahany izany. Mariky ny fifankatiavana sy fitiavan-tanindrazana, mba tsy ho rendrika ao anatin'ny fahoriana sy fahantrana ny fanovana izany. Ary anisan'ny fandraisana anjara amin'ny fanarenam-pirenena koa ny fanatanterahana ireo. Toy izao no fampitany io torohevitra io an'ireo mpiara-belona any :

« Raha nambinina ianao
 Ka nisondrotra ho avo
 Ny haravoa-mitafotafo,
 Ireo tsy ampy mahonena
 Aza dia odian-tsy hita,
 Mba tolory , tsimbino
 Fa ny harena
 Tsy ho ela izany dia ho rava.
 Voin-kava-mahatratra
 Ny fiainana eto an-tany
 Koa meteza re hiantra
 Ireo kamboty mitomany,
 Raha nanao ka tsy nambinina
 Fidiny ve, hoy ianao,
 Ny rovi-damba ririnina
 Satriny ho toa anao. »

(V.A., lah.56)

Ary mbola anteriny izany ao amin'ny « Jereo ny kamboty » :

« Ianao izay nasandratry
 Ny vintana
 Ka he narnbinina
 Mba jereo sy tsimbino
 Ireo karnboty mahonena
 Maha-ory ireto izy
 Tsy manan-kantenaina, eny,
 Fa ny androany sy ny arnpitso
 Dia tena ankarnantatra ombieny.

Ry velona ô! Tsinjovy ireo mahantra
 Iza anefa moa no antenaina hiantra
 Ireo karnboty mahantra mahonena
 Raha tsy isika izao mpiray firenena. »

(V.A., lah. 24)

Tsy manery an'iza na iza hanatanteraka izany, anefa, izy, fa ny teny sy marnpahatsiahy ny adidy sy ny tokony hatao an'ny mpiara-monina ihany no ataony. .ovaova mantsy ny fiainana eto an-tany. Izany hoe : « toy ny kodiaran-tsarety ny fiainana, ka ny ambany mety mbola ho arnbony », ary ny fifaliana mety mbola hiova ho ranomaso any aoriana. Ho farnpieritreretana ny tsirairay avy no ilazany io fivadibadiky ny fiainana io, izay arnbarany ao an'ny « Tsimbalivaly » :

« Ny eto an-tany anie mazàna
 tsimbalivaly ihany
 K'aza mety kivy foana
 Mbà ezaka hatrany hatrany
 Fa ra'faly ianao androany
 Ampitso mety hitomany
 Tsy atao hahakivy anefa izany
 Zay no fomban'ny tany. »

(V.A., lah. 80)

Mbola fanarnafisana izay fiovaovarn-piainana izay hatrany no vetsoiny aoan'ny
 « Moa marina ve ? » :

« Moa marina ve fa tsy sy maharitra
 Ny zava-drehetra eto ambonin'ny tany
 Ka ireo ran-tava ary koa tena finaritra
 Dia mbola hisento ary koa hitomany ?

Fa vadibadika ny eto an-tany
 Ka tsy azo itokisana hatrany hatrany
 Ka inona re no ho fanefitr'izany
 Tsy sy afa-tsy ny saina ihany.

Koa saina ary re iry fakafakao
 Izay rehetra kasaina ka mbola hatao
 Fadio aok'izany ny reharena
 Ny nenina aoriana fa tsy aloha anie. »

(V.A., lah. 35)

Araka ireo, tsy tokony hirehareha hitsy ny olona ary tokony hisaina sy handinika tsara, alohan'ny hanaovan-javatra, satria ovaova ny eto an-tany.

Raha izay àry ny an'ny olombelona ara-aina an'ny mpanoratra ao anatin'ny toerana iray, eny, ao anatin'ity Nosy tanindrazany ity mihitsy, inona avy kosa ireo karazan-javaboary hafa hita ao ?

2.2.2. Ireo zavaboary hafa

Amin'ny maha-sakaizan'ny zavaboary ny poeta, dia tsy vitsy ireo hira azy ireny. Tanisainy daholo rehefa mety ho zava-boaary, satria feno hatsarana sy mahafinaritra izy ireny. sy karazany dimy izy ireo, no hita sy voaresaky ny mpanoratra matetika ao anatin'ny asa sorany, ankoatra ny olombelona. Misy amin'izy ireo no hita ety an-tany, ary mi sy kosa ny eny an'ny habakabaka.

2.2.2.1. Ireo zavaboary hita ety an-tany

a- Ny tantely

Iray an' ny bibikely nahasintona sy nahasarika ny mpanoratra, ka nahavitany tononkira ny « tantely » .Ny tsiro mamy ao any no tonga ao an-tsaina voalohany, raha vao resaka azy io, ary tena mampiavaka azy tokoa izany. Manana ny fomba fiasany manokana, ary azo lazaina fa anisan'ny biby mazoto tokoa izy ireny. Tanjona

tratariny ny « harnela marny ». Ary tsara sy tokony halain'ny olombelona tahaka, eo an'ny fiainana ny fahazotoany asa sy ny tarigetrany, raha ny voarakitra ao amin'ny « Tantely » nojerena :

« Jereo, ny tantely, tiako hambara
Marnela hatrany ny soa sy ny tsara
Ny many aheliny, zarainy ombieny
Fakatahaka tsara : ny toa azy ireny

Miezaka harnela ny mamy
Izany ny tanjony hatrany hatrany
Tsy kivy, tsy ketraka, fanjohy eny foana
katsaka marny na voky na noana.

Isika olombelona ve dia ho arnbakan'izany
Andeha koa isika mba harnela ny marny
Fa fatratra loatra zareo 'ty zava-boahary hafa kely
Manam-pianana tsara : izay tokoa ny tantely. »

(V.A., lah 70)

Zavaboary faharoa hita ety arnbonin'ny tany ary resahin'ny mpanoratra ao an'ny tononkirany ny rano.

b- Ny rano

Roa no endrika mety hisehoan'ny rano, raha ny tononkiran'i Abel RATSIMBA no dinihina, dia ny rano an'ny maha-rano azy, ary ny ranomaso.

Amin'ny ankapobeny, matoa ny olona iray mandrotsaka ranomaso na tomany, dia sy anton-javatra mampalahelo sy marnpahory azy. Tsy hampihena sy / na hampisava, ary tsy hampitony ny alahelony na ny fahoriany anefa, ny fanaovany io fihetsika io, fa toa vao maika aza marnpitombo azy. Ny momba izany indrindra no abaribarin'ny mpanoratra ao an'ny « Tsy ny ranomasonao » manao hoe:

« Diso ihany ianao,
Raha izao rehetra izao
No entinao itomaniana

Sy itondrana fahoriana
 Heverinao angaha
 Fa ny alahelo sy tsiahy,
 Ny sentonao tafotafo
 Dia ho levon-dranomaso ?
 []
 Ny ranomaso latsaka,
 Na dia hipatrapatraka
 Dia tsy inona tsy akory
 Fa rano mampahory.
 Rano ihany ireny,
 Dia rano tsy teny
 T oa vao mainka mampitroatra
 Raha toa atao be loatra
 []. »

(V.A. , lah. 86)

Fa lafin-javatra roa no azo resahina, raha ny rano an 'ny maha rano tsotra azy no dinihina. Voalohany: natao mba hamelona sy hidiovan'ny olombelona ny rano. Na tsy hita taratra vantana ao anatin'ny tononkiran'ny mpanoratra aza ireo anjara asan'ny rano sy ny ilan'ny olombelona azy eo an'ny fiainana ireo, dia azo takarina kosa an'ny alalan'ny zavatra ambarany, ao an'ny « Hariva » :

« Teny an-dohasaha
 Indreny andian-jazavavy
 T oa avy naka rano
 Fa efa hariva, hono, izany andro. »

(V.A., lah. 18)

Manaraka izany, toerana mahafinaritra sy mahasrika ny olona ny faritra sy rano. Tsy vitsy no fidy azy ho toeram-pitsangantsanganana. Ho an'ny mpifankatia indray, sy no manao azy ho toerana ifamboraham-pitiavana, ary anisan'ireny ny mpanoratra sy ny olon-tiany :

« Teo amoron-drano teo
 No nandrenesako ilay feo
 Tena ritsok'olon-droa
 venty ny ao am-po.

Teo amoron-drano teo
 No niantsoany ahy hoe :
 Manantona ka avia
 Fa ambarako anao.

'Zany voady ato am-poko
 'Zay nokobiniko hatrizay
 Fa ny foko manontolo
 Ho anao mandrakizay, »

(V.A., lah. 72)

Araka izany, sady manasoa no manome fahafinaretana ho an'ny olombelona ny rano, satria toerana azony ialana voly tsara ny moron-drano.

Voaresaka teo ny momba ny tantely sy ny rano, fa 'ndeha havadika ny tafa, ka ny vorona indray no asian-teny.

d- Ny vorona

Tsy i Abel RATSIMBA ihany akory no poeta kalo ny vorona, fa maro. Iray an'izy ireny, Ny Avana RAMANANTOANINA. Vorona notsongainy tao anatin'ny maro ny « voromanga » sy ny « sarivazo ». Manana ny fomba fahitany ireo karazam-borona ireo izy, ao an' ny « Asakasakareo » :

«[]
 Kalokalo fanaom-boromanga~
 []
 siotsioka fanaon-tsarivazo~
 []⁷⁰

Ho an'i Abel RATSIMBA ihany koa, anisan'ny nanintona azy, ny fikalokalo sy fisiotsiokan'ny voronkely. Mahafinaritra ny sofin'izay mandre mantsy izany.

⁷⁰ (Ny A.) RAMANANTOANINA. Ny lakolosy volamcna, lah. 104, 22 marsa 1912, « Asakasakareo »

Noho ny poeta sakaizan'ny zavaboaary, dia nahasrika an'i Abel RATSIMBA koa izy ireny, ka nahatonga azy hiteny hoe :

« []

Ny feom-boronkely henonao mandritra ny ora. »

(V.A., lah. 75)

Tian'ny mpanoratra ny kalo momba ny vorona. Asa, angamba, noho izy nataony sy nofidiany ho mpitondra ny hafany, ho an'ny havany sy ny olon-tiany taty Antananarivo, fony izy niasa tany Toamasina. Vorona nosinganiny mba hanatanteraka io asa io ny « arosy » :

« Ry arosy 'ndeha hody mba ento kely

Izao hafatra izao hiampita any

[]. »

Anteriny io fampitondrana hafatra ny vorona io, ao anmi'ny « Vetso lavi-kavana » :

« Vorona o! Roso ho aiza zareo izany dia

Eny ho'aho, hamonjy fodiana ianareo

O! rimorimo tsy azo sakanana intsony

Nefa mba hiantrao re, hiantrao re fa saraka lavitra.

Lavi-kavana mantsy izahay ô rey roy,

Manimanina ny akany niaviana tsy foy

Kanefa tsy sy mba azo hatao

Hany hery , hany hery , hany hery manafatra anao. »

(V.A., lah. 91)

ary ao amin'ny « Omena tsiny ve ? » :

« Ry voron'iry ô!

Raha ho any ianao

Mba ivilio izy ka hilazao

[]. »

(V.A., lah. 52)

Tsy ny zava-sy sy hita eto an-tany ihany anefa, no vetsoiny, fa na ireo eny an 'habakabaka koa aza.

2.2.2.2. Ireo zavaboary eny an'habakabaka

Mpanazava amin'ny andro ny masoandro, ny volana kosa mpitsilo ny alina, ka tsy afaka eo am-bavan'ny maro. Anoharana ny ray aman-dreny izy ireny, anondroana ny olon-tiana ihany koa. ..Lamba itafian'ny kamboty ny masoandro. Nika1o azy ireo koa ny Avana RAMANANTOANINA, ao amin'ny « Semban- drahona » sy ny « Topy maso ».

Tahaka izao no fahitany ny volana rehefa « Semban-drahona » :

« O ! renoka loatra ny maso jery

Izato fitsikiny mamatonalina

Fitsiky malefaka manana hery

Mandrendrika lalina

[]

Raha sendra lalovan 'ny raho-manify

Toa dia saro-kenatra manarangarana

Ka toa zazavavy tapifipify

Eroa am-baravarana. »⁷¹

Toy izao kosa no fika1ony ny masoandro mody :

« Manaitra ny masoko indray takariva,

Nijery ny tavan 'ny lanitra ambony

Ny masoandro hody dia efa nadiva

Nandroso, nandroso ho latsaka iva ;

(Ny andro dia maotina tsara sy tony) »⁷²

Fa manana ny fomba fijeriny sy ny fahitany ny masoandro sy ny volana ihany koa i Abel RATSIMBA

a- Ny masoandro

AMIn'i Abel RATSIMBA, anjara asan'ny masoandro ny manambara fa maraina ny andro. Izy no mpamoha ny voaary rehetra amin ' ny torimasony, mba hahatonga azy ireo hamonjy sy hanao ny asa aman-draharahany avy, araka izay voalazany ao amin'ny « Maraina » :

⁷¹ (NY A.) RAMANANTOANINA, *Ny Ranovelona*, n° 9, décembre 1925, « semban-drahona »

⁷² (NY A.) RAMANANTOANINA, *Ny Ranovelona*, n° 7, octobre 1925, « Topy maso »

« Maraina zareo 'zany andro
 Tsinjonao ve , indry ny tana-masoandro
 Manarnbara fa lasa ny aizin ' ny alina
 Ny voahary rehetra dia indro tafarina
 IVelombelona aoka izany zareo ny tontolo ;
 ! Fa ny maraina no indro efa tonga mba harnelom-bolo .
 « Zany tarany soa sy manganohano
 No manainga sy mampirisika antsika 'zay karno
 Mba hiarina sy handeha harnonjy lahasa
 Sy hitaona antsika rehetra hiasa. »

(V.A., lah. 30)

Tsy mpanarnbara ny maraina sy mpamoha mandry fotsiny ny masoandro, fa mpilaza ny hariva koa. Anjara asany faharoa io. Ny fialan'ny masoandro eny andanitra dia maneho fa hariva ny andro ary hirotsaka nyaizina. Izany no voalazan'ny mpanoratra ao an'ny « Hariva » :

« Ny masoandro iry tazano
 Fa efa hilana,
 Ho avy ny alina
 Ka hodimbiasana maraina vaovao .»

(V.A., lah. 18)

Voadiniky ny mpanoratra fa ny taratry ny masoandro « soa sy manganohano » an'ny maraina, dia tonga « menafify » rehefa hariva, ka hilentika izy :

« []
 Ny masoandro izay hidify
 Iny menafify
 [] ».

(V.A., lah. 5)

b- Ny volana

Eny an 'habakabaka, na eny an-danitra no toerana sy ny volana :

« Tsy ny volana tranga
 Eny an 'habakaba-manga »

(V.A., lah 11)

Manantitrantitra io toerana sy ny volana io koa i RADO. Ao amin'ilay tononkirany hoe « Angamba », no ilazany fa :

« Angamba ifaliako

Ny volana tranga an'habakaba-manga

[]. »⁷³

Manana anjara asa roa koa ny volana, raha ny tononkiran'i Abel RATSIMBA no jerena. Izy no mpanazava ny tontolo amin'ny alina, raha toa ka ny masoandro ny antoandro. Mety hahatsabo ny ratra ao am-po ihany koa anefa izy, araka ny hevitra ny mpanoratra :

« Volana ô! Raha toa ka tsy ho tsiny

Izato taratrao baliaka

Mandefa ny hazavana

Ho an'izao rehetra izao

Dia mba tiako sy iriko

Mba hitsabo ny ao am-poko ao

Volana ô! Mba hiantrao izato tenako

Torovan-tsy mahita izay. »

(V.A., lah 95)

Fa sakaiza manony ny sento koa ny volana, an'ny Avana RAMANANTOANINA :

« O ! ry , lay manganohano

izay tsy hita fà niery,

fàingana mba sitrano

'ty sento sarery ! »⁷⁴

Farany, manana toetra falifaly lalandava ny volana. Porofoin'ny tarehiny mirana hatrany izany, ary toy izao no fikalon'ny mpanoratra azy ao amin'ny « Fararano harivariva » :

« V olana tomaratra tsinjo ery an-danitra

Falifaly ran-tava toa endrik'olon-tiana ».

(V.A., lah. 13)

⁷³ RADO, *Dinitra*, tak. 47, « Angamba »

⁷⁴ (NY A.) RAMANANTOANINA, *Ny Lakolosy volamena*, lah. 129, 13 septembre 1912, « Ry volana somparan-drahona »

Ankoatra io toetra falifaly lalandava io, tsy angatra ihany koa izy. Izany hoe, tsy fidy na manavakavaka faritra sy toerana handefasana ny tarany sy hohazavaina. Samy mahazo sy manana ny anjara tandrify azy avokoa ny rehetra, fa raha toa tsy tanteraka izany, dia mety ho avy amin'ny olombelona no tsy mahatomombana azy. Ny momba io toetran'ny volana io, no resahin'i Abel RATSIMBA, ao an'ny «Volana» :

« []

Nefa sy ve ny faritra

Izay mety tsy hotratranao

Ka hilonjy ny aizin-dava

Tsy misava,

Toloko tsy ho rava

Voatery avy hatrany ka hitomany

Noho ny onjan'ny tany ?

Volana ô! Mba hiangaviako ianao

Tsy hiangatra azy ireny

'Ndeha re hazavao.

[]

Volana ô! Moa sy ve ny zara

Tsy maintsy hozakaina

Mampiferinaina ?

Izaho koa anefa manantena tsy hanahy

Fa ianao tsy hiangatra ahy. »

(V.A., lah 95)

Hita sy tsapa tamin'izay rehetra izay, fa tsy ny olombelona ihany no sy sy velona ao an'ny tany sy toerana iray, fa ao ihany koa ireo zava-boaary maro sahafa izay fameno sy manampy azy , mba hahalavorary ny fiainany ary hanome endrika sy hatsarana io toerana heverina fa tanindrazana io.

Raha ireo ary no karazan-javaboary sy eto an'ity tanintsika ity, ka hita sy kaloin'i Abel RATSIMBA ao an'ny tononkirany, inona kosa ireo mety ho endrika vantana hahatsapana na hisehoan'ny fitiavan-tanindrazana ?

2.3. Endrika mi vantana isehoan'ny fitiavan-tanindrazana

Endrika efatra no mety hisehoana sy hanehoana miharihary ny fitiavan-tanindrazana. Ireto avy izany : fampandrosoana ny tanindrazana, ny fandalana ny maha-Malagasy, ireo fihetseham-po ateraky ny fandozana ny tanindrazana ary ny manarana. 'Ndeha ary horesahina misesy eto ny amin'izy ireo tsirairay avy, ka ny tononkiran'i Abel RATSIMBA hatrany no fitaovana iaingana amin'izany.

2.3.1. Fampandrosoana ny tanindrazana

Samy manana ny fomba heveriny hampandrosoana ny tanindrazany, ny olona sirairay avy. Fa ho an'i Abel RATSIMBA kosa, ny asa fambolena no fototra lanatanterahana izany ary koa ny fifanampiana sy fifampitsimbinana.

2.3.1.1. Asa fambolena

Dingana iray tsy maintsy tanterahina sy imasoan'ny Malagasy ny asa fambolena, raha tiana handroso i Madagasikara. Ny antony : ny 80 %n'ny mponina dia saika tantsaha avokoa. Noho izany fahamaroan'ny tantsaha mpamboly izany, mety tsy ho ampy ny tany hamokarana sy ampiasaina. Noho izany, tsy tokony hionona fotsiny amin'ireo tany navelan'ny razana na ny lova ny olona, fa tokony hanitatra sy hampitombo ny velaran-tany hambolena, amin'ny alalan'ny fanajariana ireo tany lava volo sy ngazana. Mba ho fisorohana ny mety hisian'ny mosary na tsy fahampiana ara-tsakafo no antony. ...Tsy tokony ho kivy na ho kamo koa, raha te hahazo vokatra tsara, eny, fa na dia mbola « angady » aza no fitaovana ampiasaina rehefa miasa tany. Toy izao no fanentanan'ny mpanoratra ireo tantsaha sy ny olona tsirairay avy ny amin'io, ao amin'ny « Raha maniry fandrosoana » :

« Raha maniry fandrosoana
 'Ndeha horesena ny hakamoana
 Ka raiso ny angady ho ampinga
 Andeha re voleo ny tanintsika
 Fa mbola maro eto an-tanindrazana
 Ny tany tsy voavoly sy tena ngazana
 andry anao sy ny hafa koa
 Amin 'ny fambolena tena mahaso.

Raiso ny angady ary ka andao
 Asao ka voleo ny taninao
 Sao hanenenana any aoriana
 Raha tonga eny ny tsy fisiana
 Sikino ary re ny herim-po,
 Ny hakiviana fadio tokoa
 Ka hivondrona isika, hifanampy tsara
 Ho voninahitr'i Gasikara. »

(V.A., lah. 55)

Araka izany, ny fanaovana sy fanatanterahana ary ny fimasoana amin' ny asa fambolena sy ny fikarakarana ny tany no fototra isian'ny fandrosoana sy fampandrosoana ny tanindrazana. Ny hakamoana sy ny hakiviana ihany no vato sakana tsy hahatratrarana io tanjona io.

Fa mikasika izay asa fambolena izay ihany, voadiniky ny mpanoratra fa vao maraim-be, dia efa rotsaka eny an-tsaha ny mpiasa tany, ary tsy ala eny raha tsy efa hariva. Tsy very maina akory anefa ny fisasarany, fa tsy maintsy ahitam-boka-tsoa foana aoriana, araka ny voalazan'ny Baiboly, manao hoe: « *Ny mpiasa tany izay sasatra no tokony no voalohany handray ny vokatra* »⁷⁵

Toy izao kosa no fahitan'i Abel RATSIMBA ny asan'ny tantsaha sy ny fepotoana iasany, ao anatin'ny indray andro :

« Maraina ny andro,
 Indreny eny an-tsaha
 Manitsan-dranon'ando
 Mavitrika sy sahy
 lanja ny angady
 vimbina antsy koa
 Handeha mba hitady
 Izay rehetra mahaso.

⁷⁵ II Timoty 2 : 6, *Baiboly*; tak.

Asa tany, fambolena
 Na kitay hoenti-mody
 Samy zavatra ilaina
 Hanasoavam-pirenena.

'Ndeha hiasa ka hamboly
 O ry velona eto an-tany
 Fa hahita soa ianao
 Raha toa mahefa izany. »

(V.A., lah.31)

Ankoatra ny fambolena, fomba iray hampandrosoana ny tanindrazana koa ny fifanampiana sy fifampitsimbinana.

2.3.1.2. Fifanampiana sy fifampitsimbinana

Tsy misy olombelona mahavita tena eo amin'ny fiainana, fa tsy maintsy mila ny hafa hatrany mba hifanampy sy hifanohana. Koa na misy aza ny sokajin' olona ambony sy ambany ao anaty fiarahamonina, dia tsy tokony hifampitazana fotsiny, fa mba hifanavotra sy hifamonjy foana. Izany hoe, ny ambony tokony ha1a1a-tanana ka hitsimbina sy hampakatra ireo ambany fari-piainana; ary ireto farany kosa tsy tokony hitandro hasasarana sy hikely aina, hanao izay hahatafita azy. Dia toy izany hatrany. Endrka sy fomba iray hampandrosoana ny tanindrazana ny fanatanterahana ireo, ary mariky ny fitiavana azy, ka tokony hatao « Tarigetra », araka izao anambaran'ny poeta azy izao :

« Nahoana ny fiainana eto an-tany
 No sy manavaka ambony sy ambany
 Tsy azo atao ve ny fampita
 Ka ho foanana nymanao hodio tsy hita.
 Fa raha tanterak'isika izany
 Dia ho hitantsika any aoriana any
 Fa ny saina ho sambatra hatrany hatrany
 Satria ho zary paradisa ny tany » .

(V.A., lah. 71)

Tsapa amin'ireo fa ny fiasana ny tany sy ny farnbolena azy Îreny, homban'ny fifanarnpiana sy fifarnpitsimbina'ny samy mpiara-belona no antoka sy fanoitra hampandrosoana ny tanindrazana, sady endrika isehoan'ny fitiavana azy. Fa mety hiseho amin'ny ala1an'ny fanda1ana ny maha-Ma1agasy koa ny fitiavan-tanidrazana.

2.3.2. Fandalana ny maha-Malagasy

Ny maha-Ma1agasy tianay harnbara eto dia nyteny sy ny lafiny finoana

2.3.2.1. Ny teny

Azo lazaina fa tia tanindrazana ny mpanoratra, satria miezaka ny mampiasa sy mamelona ny teny malagasy ao anatin'ireo tononkirany izy. Porofon'izany, ny tsy fahitana teny vahiny afa-tsy tokana monja, ary io indray aza mbola nogasiana, dia ny voambolana hoe : « Patôma » .Araka izany, endrika iray azo itarafana sy ahatsapana ny fitiavan-tanindrazana ny fiezahana hampiasa ny tenin-dreny.

Milaza izay hasarobidin'ny teny izay indrindra i Michel FETY, ao amin'ny Fanabeazana sy fiainam-pircnca. Hoy izy : « *Ny tenin-drazana ihany no tena fiasana mahomby enti-taiza ny taranaka...Satria io tenin-drazana io no entin 'ny ankizy mandinika ny zava-sy sy entiny misaina sy mamoaka ny heviny sy ny vetsojetsom-pony* »⁷⁶. Fa mariky ny maha-firenena ny firenena iray koa ny fananany teny ampiasaina ao aminy, satria hoy ny Gazety Fanasina: « *Ny tcny no lehibe indrindra maha-Firenena ny firenena. ...Raha tiana ny hijanonan 'ny Malagasy ho tena Malagasy* »⁷⁷. Ary mbola maneho nyhasarobidy sy ny lanjan'ny teny Malagasy ihany koa i RA VELOJAONA : : « *Ny teny malagasy no fiasana mahaso indmdra azo anasoavam-bahoaka ankehitriny []* ».⁷⁸ Koa raha tsy ampiasaina sy tsy mampiasa ny teny dia ho faty. Adidin'ny poeta sy ny mpanoratra ary ny tsirairay avy ny mamelona sy aro azy tsy ho faty.

Fa mbola manodidina ny fanda1ana sy fampiasana ny teny ma1agasy hatrany, hita koa fa marnpiasa ohabolana sy fomba fiteny maromaro ny mpanoratra ao an'ny hirany. sy an'izy ireny ny somary novainy ny endriny fa ny heviny kosa notanany.

⁷⁶ (M) FETY , *Fanabeazana sy fiainam-pirenena*, 1972, tak.15

⁷⁷ *Gazety Fanasina*, lah. 378, 14 Janv. 1965

⁷⁸ RA VELOJAONA, *Mpanolon-saina*, Jolay 1927, « Ny fandalana ny teny malagasy »

Izany hoe resaka rafi-pehezan-teny no sy eto. Ao indray kosa ireo sy teny takona, na tsy voatonona. Ary sy ny seho an'ny endrika feno. Ireto sy ohatra vitsivitsy anehoana izany, hita ao amin'ny asa soratr' i Abel RATSIMBA :

-« Ny marina tsy mba ho sina ».

-« Ny nenina aoriana [handatsa] fa tsy aloha [hananatra] anie. »

-« Ny vodisobika aza manan-tandrify » .

-« Ny fitadiavana mahazaka maniraka. »

Fa anisan'ny maha-Malagasy ihany koa ny lafiny finoana, izay nohajaina sy nolalain'ny Ntaolo fatratra.

2.3.2.2. Ny finoana

Lafin-javatra maromaro ninoan'ny Ntaolo no voaresaky ny mpanoratra ao an'ny tononkirany ary azo lazaina ho inoany koa. Iray amin'ireo ny finoana ny fitahian'ny razana ny velona. Araka ny fanazavan'i Charles RAVOAJANAHARY, ny mitahy dia: « [] *mi aro an 'ny loza mety hitranga, ary ny loza antsoina amin'izany dia ireo ateraky ny mosavy indrindra* »⁷⁹. Izany hoe manana an'io hery amam-pahefana io ny razana. Anisan'ny nangataka fitahiana tamin'ireo nahitany ny masoandro amambolana ny mpanoratra eto, ary toy izao no vetsy-pony ny amin' izany :

« O ry Dady sy Neny nitosiana

tArotsahy, ampio ny fitahiana » .

(V.A., lah., 87)

Hita taratra ao amin'ny sangan'asany koa ny finoana ny « tsiny sy ny today ». Ambarany fa tsyho foana hitsy ny tsiny, eo an'ny fiainana ary sy « today » avokoa ny zavatra rehetra atao, na tsara izany na ratsy. Koa mba hisorohana ny mety ho today ratsy any aoriana, dia manoro hevitra ny olona izy , mba tsy hanao zavatra ratsy na tsy mety. ..eo amin'ny fiainana :

« Voin-kava-mahatratra

Ny tsiny tsy hary foana. »

(V.A., lah. 96)

⁷⁹ (Ch) RA VOAJANAHARY , *Gazety Tsclatra*, lah.8, « Ny fokonolona »

ary koa : « Koa tandremo ny ankaso

Sao manody aoriana. »

(V.A., lah. 96)

Fa anisan'ny no ny fisian'ny anjara sy lahatra eo an'ny resaka fitiavana sy fanambadiana ihany koa i Abel RATSIMBA. Miankina amin'ireo no hahatanterahan'ny fanambadian'olon-droa sy iarahany ho doria, na tsia. Raha toa tsy tanteraka ny faniriana sy ny fikasana dia satria tsy anjara ary tsy voalahatra. Izany no asongadiny ao amin'ny « Raha tsiahivina » :

« Fa eny fahatsiarovana sisa

Dia naniry fa tsy anjarantsika

'Zany lahatra mantsy no efa nandidy

Hampisaraka antsika, hifandao tsy an-tsafidy » .

(V.A., lah. 57)

sy ao an'ny « Ako », manao hoe :

« []

Tsy anjara ny antsika satria tsy taloha fa diso aoriana. »

(V.A., lah. 1)

Tsapa amin'ireo rehetra ireo fa anisan'ny nadala ny maha-Malagasy tokoa ny mpanoratra, na teo an'ny fampiasana sy fiarovana ny teny malagasy tsy ho faty izany, na teo an'ny lafiny finoana ireo hery heverin'ny olombelona fa sy.

Raha izay ary ny an' ny fampandrosoana ny tanindrazana sy ny fandalana ny maha-Malagasy, izay endrika roa isehoan'ny fitiavan-tanindrazana, inona avy kosa ireo fihetseham-po ateraky ny fandaozana ny tanindrazana ?

2.3.3. Ireo fihetseham-po ateraky ny fandaozana ny tanindrazana

Ahatsapana mivantana ny fitiavan-tanindrazana ny fihetseham-po teraka noho ny fandaozana azy. Ao ny fanantenana, nefa ao koa ny hanina azy.

2.3.3.1. Ny fanantenana

Na dia nisaraka sy tsy maintsy nandao ny tany niaviany sy nahabe azy aza ny olona iray, noho ny antony maro sahafa toy ny asa, ohatra, dia mbola manantena ny handia izany tany izany sy ho tafahaona indray. Ny mpanoratra koa, noho ny asany,

dia voatery nadao an 'Iarivo tanindrazany, kanefa nanantena ny mbola ho tafaverina eto indray ary tanteraka izany. Ity tononkira ity no nosoratany, mba hamborahany ny fihetseham-pony, teo am-pandaozana an 'Iarivo :

« Raha tonga ilay fotoana
 'Zay handaozana an 'Iarivo
 Iarivo tsy hohadinoiko,
 Ry fonenana tsy foiko
 Veloma no apetrako
 Ho anao ry lay fonenako

Dia veloma ry Iarivo.
 Veloma, veloma mandrapihaona
 Masina, masina, ianao ry lay akany
 Veloma no apetrako
 Ho anao ry lay fonenako
 Dia veloma ry Iarivo».

(V.-A., lah. 90)

2.3.3.2. Hanina

Rehefa tafasaraka amin'ny tany niaviany ny olona dia hatombo ny fitiavany ilay taniny, ary seho an 'ny endriky ny « hanina» azy izany. Nitombo tao anatin'ny mpanoratra ny hanina ny taniny ary nihamafy ny alahelony, ka nahatonga azy hanafatra ny vorona, sitrany ahay mba tonitony. Toy izao no fomba nanehoany ny alahelony sy ny hanina ilay tanindrazany :

« Ry arosy 'ndeha hody mba ento kely
 Izao hafatra izao hiampita any
 Fa manina mafy ilay akany
 Ny tenako anefa tsy afa-manotra.
 Mba te hanainga kanefa indrisy
 Tsy afaka hihoitra kely akory
 Hany heriny sento sarery
 Mampita ny vetso orior».

(V.A., lah. 16)

Farany, endrika iray isehoan 'ny fitiavan-tanidnrazana ihany koa ny fananarana na anatra.

2.3.4. Fananarana

Amin'ny maha-mpanoratra sady mpanankanto ary mpanabe an'i Abel RATSIMBA, tsy niala ny adidy aman'andraikitra tandrify azy izy, fa niteny ny nananatra ary nanoro hevitra ireo mpiray tanindrazana aminy.

Raha vao mijery ireo tononkiran'i Abel RATSIMBA, hita taratra avy hatrany fa feno fananarana ny sangan ' asany ary feno torohevitra mahasoa tokoa. Tsapa izany amin'ny alalan'ny fampiasany ireo teny mandidy isan-karazany. Iray amin'ireny, ohatra, ny teny mandidy mandrara « aza », hita ao amin'ny « Ny fitia » :

« []

Aza kivy na mamoy fo

Fa samy mbola mandia tany avokoa .»

(V.A., lah. 44)

Raràn'ny mpanoratra eto ny olona manana olon-tiana somary madiditra na mampirafy , mba tsy ho kivy na hamoy fo, fa mba hiezaka ny handefitra hatrany raha mbola azo atao, mba tsy hanenenana any aoriana. sy fihetsika raràna tsy hatao izany eto, satria tsy ahitana tombontsoa fa miteraka voka-dratsy ho an'ny manao azy aza, raha tanterahina ; ary manoro ny tsara sy ny mety hatao kosa izy, eo ankilany.

Nampiasa teny mandidy mifono fahamarinaan ihany koa izy ao amin'ny sangan'asany. Ary ny fahamarinana na ny zavatra ambarany dia tsy azo iadian-kevitra fa iarahan'ny rehetra manaiky hoe marina. Ohatra raisina, maneho an'io ny : mila mandefitra ny olona rehefa mitia, mba hisorohana ny ady sy korontana ary ny fisarahana. ...:

« Mandefera raha mitia

Sao tafintohina fa sarotra ny dia » .

(V.A., lah. 44)

Santionany ihany ireo naseho sy nambaranay ireo, fa maro tokoa ny fananarana sy torohevitra azo raisina ao an'ny asa sorany.

Tsapa tamin'ny fandalinana ity toko faharoa momba ny fitiavan-tanindrazana ity fa tsy ny tany niaviana ihany no atao hoe tanindrazana, fa ny firenena iray manontolo hitsy. Ary la arahina asa sy porofoina an'izay rehetra atao ny fitiavan-tanidnrazana, fa tsy eo an-tendro-molotra ihany akory.

Tsy ny fitia mifamaly eo an' Andriamanitra sy ny olombelona ,na ny fitiavan-tanindrazana irery no endrika isehoan'ny fitiavana, fa ao dia ao indrindra koa, ny fitiavan'olon-droa.

TOKO III -FITIAVAN'OLON-DROA

Samy manana ny heviny sy ny fahitany ny an'ny fitiavan-olon-droa daholo ny olona rehetra. Anisan'izany i Siméon RAJAONA, izay nilaza fa: « *Raha fitiavana no resahina, dia zavatra telo no tonga ao an-tsaina avy hatrany : ny endriky ny .fitiavana eo am-pitsiriany; ny onjan 'ny .fitiavana na ny zava-manahirana sahafa sedrain 'ny .fitiavana ; ny faharavan 'ny dinam-pitiavana* ».⁸⁰ Araka io teniny io, mety handalo dingana maromaro ny fitiavana eo an'ny olon-droa. Tsy maintsy miantomboka amin'ny fitsiriana avokoa ny fitiavana rehetra. Aorian'io, mety ho rava avy hatrany, na kosa velatra. Noho ny antony maro sahafa, na dia mivelatra tsara sy miroborobo fatratra aza izy, dia mety mbola ho rava ihany, raha tsy mitandrina ny mpifankatia.

Samy hita ao an'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA avokoa ireo dingana telo ireo. Koa ireo no hovelabelarina sy hitondrana ity lohahevitra momba ny fitiavan'olon-droa ity, araka ny ahitana azy ao an'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA. 'Ndeha ary hojerena sy horesahina fanesy eto ny mikasika azy ireo tsirairay avy .

3.1. Ny fitsirian'ny fitiavana

Matoa tsiry ao am-pon'ny olona iray ny fitiavana, dia sy hatrany ny olona niantefany. Manana ny antony sy ny vokatra aterany avokoa, anefa, ny zava-drehetra, eny fa na ny fitiavana aza. Hofantarintsika ary izao ny olona niantefan'ny fitiavan'ny mpanoratra sy ny antony nahatonga ny fitiavany azy ary ny vokatr'izany.

3.1.1. Ny olona niantefan'ny safidy sy ny fitiavan'ny mpanoratra

Olona tsy zoviana no sady tsy olom-baovao tan'ny mpanoratra, ny iray tamin'ireo vehivavy niantefan'ny safidiny sy nomeny ny fitiavany. Tsy iza izany fa ilay tovovavy niara-nilalao tany fahiny. Hita taratra io ao an'ny « Raha tsiahivina » :

⁸⁰ (S.) RAJAONA, *Takelaka Notsongaina I*; tak. 14

« Raha tsiahivina ny andro taloha
 Dia teto ny fitiavana roa no nifoha
 Teto no toera-niaraha-nilalao,
 Taloha fony ankizy izaho sy ianao. »

(V.A., lah. 57)

Santionany anmi'ny olon-tiany ihany io, fa mba nanao ahoana kosa ny fomba nifankahitany tamin'ny olon-tiany hafa ?

Samy manana ny fomba nifankahitany sy nifankahalalany, ary ny fotoana nihaonany avy ny olon-droa fankatia. Iray an'ireny, ohatra, ny hita ao an'ny sombin-tantara « Andraozikely », nosoratan'i Alphonse RAVOAJANAHARY. Teny amin'ny hiragasim-pamadihana no nahitan-dRavoninjatovo ilay andriambavilanitra nanaitra ny fony sy ny fitiavany⁸¹.

Ho an'i Abel RATSIMBA kosa, tsy nomanina sady nampoizin'nyandaniny sy ny ankilany velively ny fotoana nifanojoan'izy Tamin'ny « takariva » no nisehoan'izany, ary teny an-dalana no nitrangany. Na dia tsy nifankahalala akory aza izy ireo, dia tsapan'ny mpanoratra avy hatrany fa tiany ilay vehivavy, ka hoy izy, nivetso ny tao am-pony :

« Tafaraka isika iny takariva iny,
 Ka na dia mbola tsy nifankahalala aza
 Ny foko tanatiko tao dia tsaroako nitempo fitia
 Fa nyfahitako anao dia nanaitra ahy satria :
 Ny bika nanananao, ny endrikao tsy lazaina intsony
 Asa izay ho toetranao fa ny foko efa raiki-pitia. »

(V.A., lah. 15)

Mbola fanamafisana io fihaonana tsy nampoizina io ihany koa no hita ao amin'ny « Tsinahy » :

« Tsinahy no nampihaona antsika ry tiana,
 Tsinahy, ekeko, tsy niniana
 Kanefa tsinahy nahatonga ahy hitia
 Ka namatotra antsika ho doria »

(V.A., lah. 81)

⁸¹ (A) RAVOAJANAHARY, *Documents d'accompagnement aux programmes scolaires*, classe seconde, 1996 -1997, « Andraozikely »

Araka izany, tsy voafetra ny mety ho isan'ny olon-tiana sy notiavin'ny olona iray eo amin'ny fiainany. Mety ho iray ihany io, nefa mety ho maro koa, mandrapahitany ilay tena tiany, araka izao anambaran'ny mpanoratra azy izao :

« Fa efa firifiry moa
 No efa noheveriny ho soa,
 Ka niarahany hatrany
 Sy antsoiko hoe : olo-mamy ?
 []
 Talohanao anefa izany
 Fa ankehitriny dia ianao,
 Rahampitso ianao ihany
 Mandrakizay ny fony ho anao. »
 (V.A., lah. 57)

Raha izay àry ny an'ny olona niantefan'ny safidiny teo an'ny sehatry ny fitiavana, inona kosa no antony nahatonga ilay fitia nitsiry tao am-pony ?

3.1.2. Antony nahatonga ilay fitia

Misy hatrany ireo singa manintona ny olona iray, eny an'ny olon-tiany, ka manosika azy hitia.

3.1.2.1. Ireo singa manintona ny mpanoratra amin'ny olon-tiany

Lafin-javatra dimy no nanaitra sy nahasarika ny lehilahy teny amin'ny olon-tiany, ka anisan'ny itiavany azy, dia ny bika aman'endrika, ny fitsiky, ny fiteny, ny famindra ary ny fanahin'ilay vehivavy. 'Ndeha ary horesahina tsirairay ny momba azy ireo.

a- Ny bika aman'endrika

Singa voalohany manintona sy mahasarika ny lehilahy rehetra amin'ny vehivavy , ka mahatonga azy ho taitra sy hiontana ary ho latsa-pitiavana avy hatrany, ny fahitany ny hakanton'nybika aman'endrika ananan'iry faharoa. Tsy vitsy ny lehilahy no tratran'izany ary mifidy izay tsara tarehy amam-bika tokoa, mba hiombom-pita aminy satria « Ny vady jerijery » , hoy ny fitenin-drazantsika.

Anisan'ireny Ny Avana RAMANANTOANINA : taitra izy raha nahita ny hatsaran-tarehin'ity tovoavavy iray, ka niteny hoe :

« Manaitra ny masoko loatra

ilay cndrika soa anao

[] .»⁸²

Azo lazaina fa niaina sy voasariky ny hatsaran-tarehy amam-bika ihany koa ny mpanoratra eto. Nambabo ny fo sy ny fitiavany tokoa mantsy ary nahataitra azy ny fahitany ny hakanton'ity vehivavy iray. Fitia teraka sy nitsiry tao anatin'ny fotoana fohy monja io, kanefa miorim-paka ao am-po kosa. Tsy nataony nanakana ny fony tsy hitempo fitiavana azy velively ny tsy fahalalany ny toetrany :

« Tafaraka isika iny takariva iny,

Ka na dia mbola tsy nifankahalala aza

Ny foko tanatiko tao dia tsaroako nitempo fitia

Fa ny fahitako anao dia nanaitra ahy satria :

Ny bika nanananao, ny endrikao tsy lazaina intsony

Asa izay ho toetranao fa ny foko efa raiki-pitia. »

(V.A., lah. 57)

Mbola maneho sy manamafy ny mikasika izay fahatairan'ny olona manoloana ny hatsaran-tarehy amam-bika izay koa i ROSE- V ALISOA, ao amin'ilay tantara mahatorotoro nosoratany, tondra ny lohateny hoe : « Voatr'ampangoro ». Hoy izy maneho izany : « *Ny hatsaran-tarchy no andriambavin 'ny .fitiavana, ary tsy mba diso akory ny tia azy:* »⁸³

Tsy ny bika aman'endrika ihany anefa no mampitsiry ny fitiavana, fa eo ihany koa ny fomba fitsiky.

b- Ny fitsiky

Hetsika ataon'ny molotra ny tsiky. Amin'ny ankapobeny, enti-maneho hafaliana ny tsiky. Mety hifono sy hanehoana fihetseham-po hafa, toy ny « fanesoana » sy «fankasitrahana » koa anefa izy. Izany indrindra no tsapan'ny mpanoratra, raha nahita

⁸² (Ny A.) RAMANANTOANINA. *Ny diam-penin 'Ny AVANA RAMANANTOANINA, ATOLOTR 'l François RAKOTONAIVO*, Ed. Ambozontany Fianarantsoa, tak. 155, « *Fitiavana mangina* »

⁸³ (V.)ROSE, *Gazetim-panjakana VaovaoFrantsayMalagasy*; lah. 2.093,5 Mars 1997, tak. 126, « Voatr'ampangoro »

ny fitsikin'ilay olon-tiany izy. Misy akony eo aminy ny tsikin'ilay olon-tiana, satria manala ny sentony. Toy izao no fanehoany izany ao amin'ny « Azy irery » :

« 'Lay fitsiky toa maneso
Nefa koa toa mankasitraka
Mampisinda izany sento
Fa tsiky mamy tsy mataka. »

(V.A., lah. 5)

d- Ny fiteny

Raha ny vava no taova enti-mamoaka ny feo, izay endrika isehoan'ny teny, dia ny sofina kosa no mandray anjara sy omena fahafaham-po eo am-pihainoana. Ny feo « malefaka » sady « angoty » no tian'ny mpanoratra, ary anisan'ny itiavany ilay malalany. Toy ny mandre hira sy mozika izy eo am-pihainoana ny olon-tiany ary mahafinaritra azy loatra izany ka satriny ho re lalandava :

« 'Lay feo malefaka miangoty
Sanatria tsy hohadinoina
T oa hirahira vita naoty
Satry foana hoheoina » .

(V.A., lah. 5)

Mbola ny fahatsarana sy fankafizana io karazam-peo io, no lazainy ao amin'ny « Matokia », manao hoe :

« []
Satria inoana fa tena kanto
Ny feonao malefaka sady milanto » .

(V.A., lah. 32)

e- Ny famindra

Ankoatra ireo zava-misy sy fihetsika atao ary singa manaitra sy manintona, ka hita eny amin 'ny faritry ny tarehy na loha ireo, ao koa ny fomba fandeha na famindra. Tena tian'ny mpanoratra sy mahafinaritra azy, ary itiavany ny olon-tiany ny famindrany, satria « milanto » .Izany hoe, sady tsy mandeha mafy no tsy «mi-janona ». Nataony an-kira hitsy izany, mba hanasongadinany azy :

« 'Lay fandra toa lanto
 Tsy maika nefa tsy janona
 Tena kanto koa raha kanto,
 Araha-maso mahafanina. »

(V.A., lah. 5)

Ho fanampin'ireo rehetra ireo, tsy nanadino ny tena zava-dehibe maha-olona ny olona ny poeta, raha nitia.

f- Ny fanahy

Na eo aza ireo rehetra ireo, tsy nohadinoiny ny nijery ny tena zava-dehibe indrindra eo an'ny olombelona, dia ny fanahy. « Ny fanahy [mantsy] no olona », hoy ny ohabolantsika Malagasy. Koa zava-poana sy tsinontsinona ny hatsaran-tarehy amam-bika. ...raha tsy manam-panahy sy toetra tsara ny olona. Manambara izany ny Baiboly, manao hoe : « *Fitaka ny fahatsaram-bika~ ary zava-poana ny fahatsaran-tarehy . Fa ny vehivavy matahotra an 'i Jehovah ihany no hoderaina.* »⁸⁴

Manamafy sy manamarina an'io koa i ROSE- V ALISOA, ao an'ny « Voatr' ampangoro » : « [] Nefa omen-tsny jreo tsy hevitra afa-tsy jzy [hatsaran-tarehy] satria mandray ilany. Ny olombelona tsy mba vitan'ny nofo fotsiny, fa miampy fanahy vao olona ka eo no la fandinihana.

Ny tsy mijery afa-tsy ny nofo dia mety ho tofoka rehefa sy fahasimban 'io.»⁸⁵

Miombon-kevitra any koa RABARY Mpitandrina, izay nampiteny an-dRaso, mpandray anjara ao an'ny Raketaka zandriko hoe : « *Fahasoavan 'Andriamanjtra, Tompoko~ ny endrika~ ka !flaja jzany jzahay. Nefa kosa na dia izany aza, tsy ny hatsaran 'ny tarehjny fotsjny no tokony hanambadiana olona fa ny hatsaran 'ny fanahiny no mendrika hoheverina indrindra. Raha ny omby dia ny tarehiny tokoa no mahalafo azy, fa raha ny olona kosa dia tsy tahaka izany.* »⁸⁶

⁸⁴ Ohabolana 31 :30, *BaiboJy*; tak. 611

⁸⁵ (V) ROSE, *Gazetim-panjakana Vaovao Frantsay -MaJagasy*; op. cit, tak. 126

⁸⁶ RABARY, *Raketaka zandriko*

Ny poeta koa eto dia naneho fa itiavany ilay olon-tiany ny fananany toetra
amam-panahy mendrika sy tsara. Tsapany izany an'ny alalan'ny fikarakaran'ilay
vehivavy azy, ka nahatonga azy hila-bava hoe :

« Hatsararn-panahy tanteraka
Tandra vadin-koditra any
Raha toa aho ka reradreraka
A vy hatrany dia sitraniny. »

(V.A., lah. 5)

Ireo singa rehetra manintona azy an'ny olon-tiany ireo, dia nofintininy sy
nofeheziny tan'ny andinin-tononkira iray, manao hoe :

« Azy irery tsisy mpanana
Izany rehetra izany
Itiavako azy tsisy farany
Mandra-pialako eto an-tany ».

(V.A., lah. 5)

Na eo aza anefa ireo rehetra ireo, hita sy tsapa ao amin'ny tononkiran'ny
mpanoratra, fa sy hevitra farnahofaho izay toa fanohitra sy fanipaka ihany izay
voalazany. Izany hoe, sy fotoana anehoany fa tiany ary tena itiavany ilay malalany
ireo singa rehetra ireo. Indraindray kosa, anefa, asehony fa tsy ireo no itiavany azy na
anorenany ny fitiavany, satria, hoy izy, ao an'ny « Fa izao » :

« Tsy ny bika tena soa
'Zay anananao tokoa
Tsy ny tsiky sesilany
'Zay atolotrao hatrany,
Tsy ilay feo antso avia
No laza fa hoe tia
Tsy izao tontolo izao
No itiavako anao » .

(V.A., lah. II)

Fa ny fitiavana, raha kobonin'ny tompony, dia tsy hisy mpahalala akory. Noho
izany, tokony haseho an'ny fomba isan-karazany izy, raha tiana ho fantatr ' ilay
iantefany.

3.1.2.2. Ny fomba entina anehoana fitiavana

Maro ny fomba azo atao sy ampiasaina mba hoenti-maneho ny fitiavana , eo amin'ny olon-droa mifankatia. Azo sokajiana ho roa izy ireny, raha ny tononkiran'I Abel RATSIMBA no jerena. Eo andaniny, sy ary azo ampitaina amin'ny alalan'ny fihetsika ny fitiavana, ary eo ankilany indray ny fampiasana ny teny.

a- Ny fomba fanehoam- pitiavana an'ny alalan'ny fihetsika

Toe-javatra efa saika mahazatra ny mpifankatia ankehitriny ny fanolotra voninkazo, toy ny raozy menamena, mba hanambarana ny fitiavana sy hamborahana azy. Voninkazo hafa kely noho io mahazatra ny olona io anefa no niantefan'ny sain'ny mpanoratra sy ny safidiny eto, dia ny « pika ». Noho io voninkazo io mitoro fahatsorana, no antony nisafidianany azy. Ary io toetra ananan'ny pika io no asongadiny ao an'ny « Pika » ihany :

« Pika iray nomenao ahy
Voatahiriko hatrizao
Tsotra io fa tsy sahisahy,
Nefa mako sy ianao.
[] »

(V.A., lah. 54)

Fa ankoatra io fifanolorana voninkazo io, fomba sy fihetsika mora tanterahina sy mora ampitana ny fitiavana ao anaty koa ny « tsiky ». Eo an'ny olon-droa, entina anambarana fitiavana sy fanekena ilay olona tia sady tiana ary mampifanatona ny fo, ny fanolorana tsiky ho azy. Ny kasika izany no resahin'ny poeta ao an'ny « Ny tsikitsikinao » :

« Indro tazako ianao
Sy ny tsikitsikinao
tory fahatsorana
Kofehy ifamatorana.
[] ».

(V.A., lah. 51)

Fihetsika mahazatra sy mahavantana ny mpifankatia rehetra koa, ny fisakambinana sy fahinana ilay olon-tiana. Mariky ny fitiavana azy izany. Tsy diso

anjara tamin'ny fanatanterahana ireo tan'ilay malalany koa i Abel RATSIMBA, satria voalaza ao an'ny tononkirany fa :

« Nitsotra koa ny sandriko
 Ianao, ianao no nosakambininy,
 Ny tanako rehetra
 Ianao, ianao no nofihinininy. »

(V.A., lah. 9)

Farany, anisan'ny fihetsika azo ampitana ny fihetseham-po sy ny fitiavana ny fifanorohana. sy anefa ny olona no tsy manaiky horohana hitsy, raha tsy efa manambady ara-dalàna, eny, fa na efa fofombadiny aza ilay te hanoroka azy .Ohatra an'izany i Lisy, ao an'ny Fofombadiko nosoratan'i Elson Daniel ANDRIAMALALA. Nolaviny ny oroka saika hataon'i Lala tany. Toy izao no resaka nifanaovan'izy ireo :

«-Hatory aho, ry Lisy; hoy aho. ..Mbola tsy avelanao hanoroka anao ihany aho anio ?

-Tsia, hoy ny feony hentitra. ..Fofombadinao aho, fa tsy vadinao ! »⁸⁷

Anisan'ny nanatanteraka io fihetsika io kosa anefa i Abel RATSIMBA sy ny olon-tiany, ary namerimberina izany mba ho porofom-pitiavana :

« Tao ireo tambitamby
 Sy orokoroka koa
 []. »

(V.A., lah. 82)

Ireo no fihetsika hita sy nampiasain'ny mpanoratra, anehoany ny fitiavany an'ilay olon-tiany. Fa ankoatra ny fihetsika, azo atao tsara ny manambara sy ny mamboraka ny fitiavany vantana an'ny teny isan-karazany.

b- Fomba fanehoam-pitiavana amin'ny alalan'ny teny

Hoy ny fitenintsika : « Tsy misy mahalala ny ao am-po tsy loaka » .Izany hoe, na dia efa naneho ny fitiavany tan'ny alalan'ny fihetsika aza ny olona iray, dia tsy ampy hamantarana izay tena ao am-pony izany, ary tsy feno, raha tsy ny vava mihitsy no teny sy tsotra ary baboka fa tia.

⁸⁷ (E.D.) ANDRIAMALALA, Fofombadiko, tak.

Teny mahavantana sy mahazatra ary fampiasan'ny mpifankatia rehetra, mba hanehoany ny fitiavany, indrindra, fa ny lehilahy, raha vao hamboraka sy hitory fitiavana izy ny hoe « tiako ianao ». Nanambara sy nanonona azy io koa ny mpanoratra. .Ary nataony tsy am-pihambahambana na miolakolaka fa mivantana avy hatrany ny filazany azy :

« Vao nitia aho, ianao no niandohany
Raha nivetso aho, ianao no niantefany
Hadisoako ve ny hanambara aminao
Ny teny fohy hoe : tiako ianao ? »

(V.A., lah. 23)

Mbola famboraham-pitiavana hatrany no voarakitra ao amin'ny « Hadisoako angamba », na tsy hita miharihary ao aza ny hoe « tiako ianao ». Na matahotra aza izy, ny amin'izay mety ho fandavan'ilay vehivavy itoriany sy amborahany fitiavana, dia nivonona sy nanambara izany foana, satria « Tsy misy mangidy tsy andramana ». Noho izy efa resi-pitia sy babo tanteraka tamin'ilay vehivavy no nahatonga azy tsy nisalasala, fa nanambara ny tao am-pony avy hatrany hoe :

« []
Nefa ny herim-pitia tato anaty
Dia tsy haiko noresena,
Fa nanery ahy hiloaka avy hatrany
Hamboraka aminao
Ny fitiavako anao sombinaina,
Na nisy tahotra aza
Resy izany noho ilay herin-tsaina » .

(V.A., lah. 15)

Tsy haitraitra na rendrarendra akory no ilazany sy amborahany ny fitiavany, fa tena fitia latsaka anaty tokoa, ary faniriany ny hiara-ko doria amin'ny olon-tiany :

«Tsy taitran-drendrarendra aho ra'nitia
Fa ilay afom-pitia no nitroatra
Sy nanosika ahy hamboraka aminao
Ny fikasana hifangia mandrakizay. »

(V.A., lah. 37)

Tsy voatery ho voateny mivantana amin'ny alalan'ny teny foana ny fitiavana, fa rnisy koa ny fitiavana mangina. Endrika iray mety hisehoan'ny fitiavana koa io. Izany hoe, kobonina ao anaty fa tsy aseho na ambara amin'ilay olon-tiana ny fitiavana eto. Raha jerena ny fiainana, ny vehivavy no tratra sy iharan'izy ity matetika, noho izy tsy natao hitory fitiavana alohan'ny lehilahy. Kanefa tsy vitsy koa ny lehilahy no mitia mangina. Iray amin'izy ireny Ny Avana RAMANANTOANINA , ary nampitondrainy ny lohateny hoe : « Fitiavana mangina » rnihitsy moa ity tononkalony iray ity :

« []

*Izaho misento mangina,
indrisy ! fa tsy tsinjonao,
ny vavako foana no sina,
ny foko miteny aminao !*

*Tsy rotera ve izy iny
No maloka nony mijery ?
Tsy fantany ve sa tsyahiny
Fa resy ny manina irery ?»⁸⁸*

Tsapa arnin'ireo andinin-tononkalon'Ny Avana ireo, fa mahatsiaro ho mijaly sy mangirifiry ny olona rnitia mangina, satria, mandeha ila, fa tsy misy mpamaly sy mpandray ny fitiavany.

Ny poeta koa eto, na dia lehilahy aza, dia anisan 'ny nitia mangina sy niaina izany koa. Hany heriny, namoaka ny vetsovetsony an-kira :

.« Maniry aho ny hivaky
Sy hamboraka aminao ,
Zany vetsom-poko ao
Ao am-poko ho anao
Mamelovelo ao mazana
Fa tsy afaka manaoatra
Nefa tsoriko aminao

⁸⁸ (Ny A.) RAMANANTOANINA, in *Ny diam-penin 'Ny A vana RAMANANTOANINA*, OP. cit, tak. 155, « Fitiavana mangina »

Fa tia anao ny vetsoko ao.

Vetsovetso ihany anefa

Fa tsy afaka niantefa

Na niampita any aminao

Nefa izay no vetsoko ao. »

(V.A., lah. 93)

Aorian'ny famborahana sy fanehoam-pitiavana, misy hatrany ny vokatra andrasan'ny mpitory azy.

3.1.2.3. Ny vokatry ny famborahana fitiavana ...

Toe-javatra roa foana no mety hiseho sy hitranga ary handrasan'ny mpitory na ny lehilahy, rehefa avy naneho ny fitiavany tamin'ny olona iray izy. Mety ho fandavana izany, nefa koa mety ho fanekena. ..

a- Ny fandavana

Raha anjaran 'ny lehilahy ny mitory sy mamboraka fitiavana, dia ny vehivavy kosa no mpandray sy mpamaly azy. Miankina amin'ny fanapahan-kevitra raisiny sy izay mety ho valin-teniny no hahatanterahan'ny faniriana sy nofinofin'iry voalohany na tsia. Mikasika izay indrindra, tsy afaka hanantena valin-teny mahafapo foana ny lehilahy, raha mamboraka fitiavana. Tsy maintsy miomana amin'ny mety ho fandavana koa izy .

Maro ireo antony mety handavan'ny vehivavy iray ny fitiavana atolotra azy. Misy karazany roa kosa izy ireo, raha ny tononkiran'i Abel RATSIMBA no dinihina. Ao aloha ny tsy fitiavana fotsiny izao an'ilay lehilahy ary ao koa ny fandavana azy , vokatry ny tsy fitovian-tsaranga. Izany hoe, tsy mifanentana ny fari-piainana sy ny haren'ny roa tonta.

Na misy aza ny elanelana eo amin'ny resaka harena sy fananana, tsy mba hataon'ny olona tena tia ho vato misakana azy tsy haneho ny fitiavany izany. Mitady ny fomba rehetra hitiavan'ilay vehivavy azy izy, toy ny « fitalahoana » sy « fiangaviana »... Fandavana sy fanesoana ary fanaratsiana kosa no setriny azon'ny lehilahy, teo anantrehana'izany. Ireo fihetsika roa mifanohitra ireo no asongadin'ny mpanoratra ao amin'ny « Saingy » :

« Saingy nitia aho ka tsy notiavina

Saingy nitaraina aho ka dia nolavina
 Saingy nitomany aho ka noesoina
 Niantso aho anefa tsy nohenoina.

Saingy nitia aho ka tsy nojerena
 Saingy niangavy aho ka tsy nekena
 Saingy mavomavo aho ka noharatsiana
 Niantso aho anefa tsy novaliana .»

(V.A., lah. 64)

Hita amin'ireo andinin-tononkira ireo fa misy hatrany ny antony mahatonga ny olona iray handà ny fitiavana atolotra azy. Tsy tokony hatao hampamoy fo akory izany, na « handevenana sotrobe » , ka tsy itoriana fitiavana intsony. Izany hoe, raha sendra ny olona nandà sy tsy tia azy ny olona iray, dia mbola ho tojo ny tia sy manaiky azy sy ny fitiavany.

b- Ny fanekena

Tsy hita soritra mivantana ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA ny faneken'ilay olon-tiany ny fitiavany. Fa amin'ny alalan'ny fihetsika atao sy asehon'ilay vehivavy no ahalalana sy ahatakarana fa manaiky izy matoa « mitsiky ». Mitory sy mariky ny fanekena mantsy ny fitsikiana, eo amin'ny tontolon'ny fitiavan'olon-droa. Koa na tsy misy fanekena mivantana aza ao amin'ny asa soratr'i Abel RATSIMBA, azo lazaina kosa fa nisy izany, matoa izy milaza hoe :

« Indro tazako ianao
 Sy ny tsikitsikinao
 Mitory fahatsorana
 Kofehy ifamatorana.
 [] »

(V.A., lah. 51)

Ho fanampin'io koa, matoa ny olon-droa miaraka sy mifankatia, dia nanaiky sy nifanaiky izy ireo. Izany hoe, nanaiky ny fitiavana nomena azy ilay vehivavy ary manomboka miaraka sy mifankatia izy roa, araka izao anambaran'i Abe RATSIMBA azy ao amin'ny « Samy tia » izao :

« Nifankatia isika izany,
 Tsy nahatsiaro tena akory
 Toa nigoka zava-marny
 Toa nanonofy, toa natory .
 [] »

(V.A., lah. 67)

Tsapa arnin'izay voalaza rehetra izay fa misy hatrany ny olona iantefan'ny safidy sy ny fitiavana ary nofantenana tao anatin'ny maro, raha ny fitsirin'ny fitiavana no asian-teny. Teraka ho azy sy mitsiry ao am-po ny fitia, izay tsy azo kobonina na afenina ao anaty, noho ny fisian'ireo singa sarnihafa manintona sy manaitra eny arnin'ny olon-tiana. Ary mety hiteraka vokatra tsara na ratsy eo arnin'ny mpitory azy ny fanehoana sy famborahana fitiavana.

Aorian'ny fitsirian'ny fitiavana, dia mandrobona sy mivelatra izy. Raha izay àry ny momba ny fitsirian'ny fitiavana, manao ahoana kosa ny mety ho fivelarany, araka ny ahitana azy ao arnin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA ?

3.2. Ny fivelarany

Mila fikolokoloana hatrany ny fitiavana, mba hampiroborobo sy harnpivelatra azy tsara. Ao anatin'io fivelarany io no tena ahatsapana ny hery ananany. Ireo no ezahina ho velabelarina eto indray.

3.2.1. Ny fikolokoloana ny fitiavana

Fomba maro no azo arnpiasaina hikolokoloana ny fitiavana eo arnin'ny olondroa. Azo zaraina ho roa izy ireo : fikolokoloana ny fitiavana arnin'ny alalan'ny teny sy ny fikolokoloana azy arnin'ny alalan'ny fihetsika.

3.2.1.1. Fikolokoloana ny fitiavana amin'ny alalan'ny teny

Endrika telo no isehoan'ny fikolokoloana ny fitiavana arnin'ny alalan'ny teny, ao arnin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA Ireto avy izy ireo : fanomezan-toky sy fanaovana teny marny ary ny fanovana ny anarana iantsoana ny olon-tiana.

a- Fanomezan-toky

Raha vao miresaka fitiavana dia tonga ao an-tsaina avy hatrany ny fanomezan-toky ifanaovan'ny mpifankatia. Natao izany mba hampisinda ny ahiahy eo amin'ny andaniny sy ny ankilany, ary indrindra koa ho fanamafisana orina ny fitia izay mampiray azy ireo. Endrika maro no isehoany, toy ny fanaovana dina sy voady fa tsy hivadika na hifandao, fa hiara-ko doria no faniriana sy tanjona kendrena. Ambaran'ny mpanoratra izany fanomezan-toky ataony amin'ny olon-tiany izany, ao amin'ny « Ny foko vao nitia », manao hoe :

« []

Matokia raha mbola manana ahy,

Fa ny toky sy ny voady izay nekeko

No vavolombelon'ny fitia izay nomeko .»

(V.A., lah. 46)

Toy ny sambo iray mitety onja sy misedra tafio-drivotra eny ambony ranobe ny fitiavana. Tsy maintsy mandalo fitsapana sy fisedrana samihafa izy. Misy ireo tsy tia sy mpankahala ary mpanenjika, araka izao ilazan'i Abel RATSIMBA azy izao :

« []

Satria raha mbola tany koa ny tany

Ireo mpanenjika akory tsy hiala

Toy izany koa ireo tsy tia sy mpankahala. »

(V.A., lah. 78)

Izy ireny dia vonona ny hampisaraka sy handrodana ary handrava fifankatiavana. Raha tena latsa-paka ao anaty ny fitia, dia tsy hatahotra izany, fa vonona hatrany ny hitana ny toky sy ny dina ary ny teny efa nomena sy nekena tahaka izao lazain 'ny mpanoratra izao :

« 'Zany foko vao nitia,

Matokia fa ho anao ho doria

Ka iza, na zovy hifofo

Ny fitiavako anao no porofo »

(V.A., lah. 46)

ary koa : « []
 Fa ny antsika vita dina ho doria
 Ny ho taitra na hirona sanatria
 Fa ny fontsika nivoady tato anaty
 Tsy anio na ampitso ihany fa ho mandramaty .»
 (V.A.,lah. 78)

Mila averimberina foana ny fanomezan-toky sy ny faniriana « hiara-tsambatra» amin'ilay tiana, mba ho hikorokoloana ny fitiavana sy mba hampivelatra azy tsara .Anisan'ny nanatanteraka izany tarnin'ny olon-tiany ny mpanoratra, ary toy izao no fivetsony azy :

« Niteny aho ka niteny
 Namerimberina arinao
 Ny fikasako ombieny ombieny :
 Hiara-tsambatra arinao
 [] .»

(V.A., lah. 83)

Araka izany, azo lazaina ho andry iankinan'ny fitiavana sy mampijoro azy ny fanomezan-toky. Tsy ampy hikorokoloana ny fitiavana anefa raha fanomezan-toky, fotsiny. Koa ho fanampiny, misy hatrany ary tena ilaina ny teny mamy ifanaovana sy ifanoloran'ny mpifankatia.

b- Fanaovana teny mamy

Zavatra iray mampiavaka ny olon-droa mifankatia ny fifanoloran'izy ireo «teny mamy ».Araka ny maha-teny « mamy » sy « soa » azy, dia mifono hatsarana sy mahafinaritra tokoa izy, satria vokatra ny fitiavana no sady avy amin'ny olon- tiana koa. Tena ilaina ho fikoloana ny fitiavana, ka hampivelatra azy tsara ny fifanolorana azy ireny. Anisan'ny nanome sy nanao « teny mamy » tarnin'ny olon tiany i Abel RATSIMBA, satria hoy izy :

« Teny mamy, teny soa
 [] . »

(V.A., lah. 83)

Fomba fahatelo azo atao hikorokoloana ny fitiavana, ao anatin'ny fivelarany ny fanovana ny anarana iantsoana ny olon-tiana.

d- Fanovana ny anarana iantsoana ny olon-tiana

Fomba fanaon'ny mpifankatia rehetra ary anisan'ny fikolokoloana ny fitiavana ihany koa ny fampiasana anarana angoty na teny hafa, iantsoana ny olon-tiana. Izany hoe, tsy tononona mivantana amin'ny tena anarany ilay olona fa antsosina amin'ny teny hafa heverina fa tsara sy miavaka ary mahafinaritra. Ohatra fampiasa sy mahavantana ny olon-droa ny hoe: « malala » na « tiana ». ..Ny AVANA RAMANANTOANINA, ohatra, dia nampiasa ny teny hoe « malala », mba hiantsoany ny olon-tiany, ao amin'ilay tononkalo hoe « Rahon-takariva », ary isaka ny faran'ny andininy dia ahitana izao teny izao daholo :

« []

Faingàna ry malala

*fa mamy re ny ora ! »*⁸⁹

Fa nampiasa teny maro hiantsoana ny olon-tiany i Abel RATSIMBA. Misy karazany fito izy ireo. ..Ireto avy izany : « tiana », « lala », « Palôma », « domoina » « havako », « rahavako », ary ny « ianao ».

Maneho ireo rehetra ireo fa tena tiany tokoa ilay vehivavy satria sady « tiana » no ma -« lala » ary noraisiny ho « havana » koa.

Tsy amin'ny alalan'ny teny ihany no azo hikolokoloana ny fitiavana, fa eo dia eo koa ny fanolokoloana arnin'ny alalan'ny fihetsika samihafa

3.2.1.2.Ny Fihetsika ampisaina hikolokoloana ny fitiavana

Zava-dehibe ho an'ny fifankatiavana ny fanehoana fihetsika isan-karazany, ka tokony hatao raha toa ka heverina fa hampirindra sy hampizotra tsara ny fiainam-pitiavana. Fihetsika maromaro no takiana amin'ny mpifankatia, mba hahalavorary ny fitiavany. .., toy ny safosafo sy ny fandeferana ary ny fifanajana. .

a- Ny safosafo

Sarobidy sy tena manan-danja eo amin'ny olon-droa mifankatia ny fifanoloran'izy ireo « safosafo ». Ny olombelona anefa tsy mety ho afa-po amin'ny ataony sy omeny ny hafa, indrindra raha ho an' ilay malalany izany. Hany ka mieritreritra foana fa tsy ampy hanehoana sy hikolokoloana ny fitiavana, na ny « teny

⁸⁹ (Ny A.) RAMANANTOANINA, Ny *Fandrosoam-baovao*, 9 marsa 1932, « Rahon-takariva »

mamy » na ny fihetsika atao amin'ny olon-tiana, toy ny safosafo izany. Nahatsapa io tsy fahampiana teo amin'ny « teny mamy » sy « safosafo » natolony ho an'ny malalany io ny mpanoratra, ary toa tsy afa-po ka niteny hoe :

« Teny mamy, teny soa
Miharo safosafo kely
Eny tsy ampy avokoa
Mbola tsy ampy velively
[] .»

(V.A., lah. 83)

Ilaina noho izany ny mampitombo ny « safosafo » sy ny « teny mamy » atao amin'ny olon-tiana, mba hampahafeno ny fitiavana sy hahafaly azy.

Ankoatra ny safosafo, mila sy mitaky fandefarana ny fitiavana.

b- Ny fandefarana

Rehefa mitia dia tokony ho vonona ny handefitra amin'ny zavatra rehetra. Tsy afa-misaraka mantsy fa miara-dalana mandrakariva ny fitiavana sy ny fandefarana; Maneho izany indrindra ity ampahan-dahatsoratra iray mitondra ny lohateny hoe «Fandefarana » ity : « *Tanisaina mandrakariva ny fahatsaran 'ny fitiavana, fa raha fitiavana tsy miara-dia amin'ny fandefarana, moa tsy hivadika ho fankahalana mahatsiravina indray aza ve raha vao misy tsiokan 'ny « honohono » kely foana manozongozona azy* ». ⁹⁰

Ho an'i Abel RATS1MBA manokana, ny fandefarana no vahaolabna tsa indrindra, raha misy ny adiady na disadisa ifanaovan'ny mpifankatia. Koa mba hisorohana izany sy izay mety ho faharavam-pitiavana, sy ho fikolokoloana azy, dia tsara hatrany ny mandefitra, eny fa na dia manao hadalana sy somary madiditra aza ny olon-tiana. Azo lazaina ho nanam-pandefarana tamin'ny olon-tiany tokoa i Abel RATS1MBA, araka izany. Toy izao no anambarany izany, ao amin'ny « Tiako ianao » :

⁹⁰ *Gazetim-panjakana Vaovao Frantsay-Malagasy*, 18 décembre 1936, lah. 618, « Ny fandefaran f

« Lasa ny taona, nifandimby teny ny fifankatiavantsika
 Tanjona iray notandroana hatrizay dia ny tsy hisy tomika
 Disadisa, eny ady aza
 Kanefa ireny tsy nataoko nanimba
 Ilay fo niteny hatrizay hoe : tiako ianao
 O! Fitsapana ihany no nandraisako ireny.

[]

O! Ka na ranomaso aza indraindray
 No azoko avy arinao
 Leferiko ireny satria tiako ianao.
 Fantatro fa nisy ditraditra kely tsy voatohitrao ka natao
 Nisalasala koa ny foko, tarnin'ireny, tsy nahita izay hatao
 Tanatiko tao anefa ilay feo tsy nijanona niteny
 Nampahery ahy hatrany handefitra satria
 Sarobidy 'lay toky mamy hoe :
 Tiako, eny tiako, tiako ho doria ».

(V.A., lah. 73)

Tsy notanany ho azy irery anefa io fihetsika io, fa natorony ny mpiara-belona aminy koa, satria ny mpanoratra dia sady mpanabe no mpitari-dalana ary mpampita hafatra ao anaty fiarahamonina. Ambarany tokoa fa tokony handefitra foana ny olona, raha mbola azo atao, na dia efa niova sy nivadika aza ilay malalany. Ny antony dia ho fialana nenina sao mbola hivitran'ny ihany ny fitiavana any aoriana. , na tsy hitohy intsony aza, natao koa io fihetsika io mba tsy hisian'ny mety fifankahalana eo arin'ny roa tonta rahatrizay. Ao anatin'ny tononkirany no ampitan'i Abel RATSIMBA ireo hafatra sy torohevitra ireo, ary nataony an-kira mihitsy mba ho mora voarain'ny mpihaino sy mpamaky :

« Mandefera raha mitia,
 Sao tafintohina fa sarotra ny dia,
 Raha nivadika ny pejinao sy ny olon-tianao
 Dia mety ho lasa mpifahavalo any aoriana.

Sa hitanao ve fa niova izy
 Fa misy olona sahy mandrava ny efa misy ?

Lefero aloha raha azo atao
Raha rava tsy hanenina ianao. »

(V.A., lah. 44)

Araka izany, na inona na inona zava-misy sy miseho eo arnin'ny fiainana ny fitiavana, dia mila mandefitra hatrany ny mpifankatia. Tsy vitan'ny mifandefitra fotsiny anefa, fa ilaina koa ny fifanajana.

d- Ny fanajana

Misy dina sy voady ary lokaloka natao sy nifanaovana tamin'ny olon-tiana ambadiky ny fitiavana. Fanehoana ireny fa tsy hivadika aminy na hampirafy hanakalo azy amin'olon-kafa, fa hijanona aminy irery ihany. Midika sy mitory fanajana ny olon-tiana ny fitazonana sy ny fanatanterahana azy ireny. Izany indrindra no kaloin'ny mpanakanto ao amin'ny « Talohanao » :

« Talohanao anefa izany
Fa ankehitriny dia ianao
Rahampitso ianao ihany
Mandrakizay ny fony ho anao. »

(V.A., lah. 69)

Porofoin'ny mpanoratra hatrany ny fanajany ny teny sy ny voady nataony, ary manamafy sy maneho izany ity tononkira ity :

« N'aiza n ' aiza eto an-tany
Ny fony ho anao ihany
Ka ny toky izay nomeny
Dia ho ekeny. »

(V.A., lah. 53)

Maneho ireo voalaza rehetra ireo fa manana adidy sy andraikitra amin'ny olon-tiany sy ny fitiavany ny olona iray. Mila maneho izany amin'ny alalan'ny teny sy fihetsika isan-karazany izay tia sy tiana. Mba ho fikoloana ny fitiavana sy mba hampivelatra azy tsara no antony anaovana izany. Fa ao anatin'io fivelaran'ny fitiavana io indrindra, no ahatsapana ny hery ananany. Ny momba izay no horesahina manaraka eto, araka ny hita ao arnin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA hatrany.

13.2.2. Ny herin'ny fitiavana

Maro ny zavatra ahatsapana ny hery ananan'ny fitiavana, na eo amin'ny mpifankatia, na eo amin'ny fiarahamonina.

3.2.2.1. Ny herin'ny fitiavana eo amin'ny mpifankatia

Toa manova ny fiainana izay nahazatra ny fiarahana sy ny fifankatiavana eo amin'ny olon-droa. Tsy voatery hiara-hipetraka foana akory izy ireo, fa mety hisy fisarahan-toerana. ary izany dia misy akony eo amin'ny mpifankatia. Tsy mijano fotsiny amin'izao anefa rehefa tia. fa mila mikaroka fomba hatrany mba handresena sy hamahana ny olana mety hitranga ary hanambarana hatrany ny fitiavana amin' ny olon-tiana.

a- Ny fiovam-piainana

Ilay olon-tiana no mameno ny fiainana. rehefa manjaka sy mahery ao anaty ny fitiavana. Toa miova amin'ny mahazatra ny fiainana. rehefa manana olon-tiana satria na aiza na aiza toerana misy sy aleha. na inona na inona zava-mitranga amin'ny fiainana. na tsara na ratsy. dia tsy afaka ao an-tsaina foana ny olon-tiana Koa mba tsy hanadinoan.i Abel RATSIMBA azy, dia nataony « hirahira » sy « kalokalo » mihitsy izy ,satria fihantahantany no fiangotiany :

« Ianao. ianao no hantahantako

Ianao ianao no ngotingotiko

Ianao, ianao foana

No lasa nofinofiko

Ianao, ianao no hirahirako

Ianao, ianao no kalokaloko

Ianao, ianao irery

Tsy asolo, tsy atakaloko.

Ianao no tato an-tsaiko

Raha nisy fifaliako,

Ianao no tsaroako

Raha nisy fahoriako,

Ny fiainako rehetra

Ianao, ianao manontolo,

Izao tontolo izao koa

Nanjary ianao daholo. »

(V.A., lah. 9)

Mbola ahatsapana ny fiovarn-piainana ihany koa, noho ny herin'ny fitiavana ny fialan'ireo olana isan-karazany mitarnbesatra amin'ny tena rehefa tojo sy maha; ny tiany ny olona iray. Raha ny fiainan'ny mpanoratra no asian-teny, niala ny adin-tsaina nitarnbesatra tao an-dohany ary tsy tsaroany intsony ny zava-nanampahory azy; taloha. Ny antony dia satria efa eo ilay tiany hiara-hizaka izany aminy, araka ny anehoany azy ao amin'ny « Tsy nofy intsony » :

« Foana irony adin-tsaina,
Hadino ny zava-mampahory
F'ianao 'lay tiana, toky handrandraina
No efa eo hambomba sy harnpahery ahy .»

(V.A., lah. 85)

Fa miova ho toy ny mam sy mahafinaritra ny fiainana, rehefa tena mifankatia ny olon-droa ary tanteraka sy to ny faniriana. Hafaliana sy hasarnbarana hatrany no mameno ny fo sy ny saina arnarn-panahy ary ny androm-piainana rehetra. Noho ny herin'ny fitiavana hatrany no mahatonga izany. Anisan'ny niaina sy nahatsapa hafaliana sy hasarnbarana ny mpanoratra, izay nilaza fa :

« Tsy nofiko intsony fa tanteraka ny faniriako,
Tsy nofiko intsony izato ianao mitantana ny diako
Ho ampoka hasambaran'ny androko rehetra
Satria tsy nofy intsony, tsy nofy fa efa to izay niriko. »

(V.A., lah. 85)

Hamafisiny izany ao amin'ny « Vetson'ny fony » :

« Ataony ahoana, ahoana no fitantara
Ny hasarnbarana sy hafaliana anatin'ny ao ?
[]. »

(V.A., lah. 92)

Fa toe-javatra ahatsapana ny hery ananan'ny fitiavana ihany koa ny fisedrana ny elanelan-tany manasaraka ny olon-droa mifankatia, ka mahatonga azy ireo hisara-toerana indraindray.

b -Ny fisarahan-toerana

Misy fotoana iaraha-mitoetra na ifanakaikazan'ny toerana misy ny mpifankatia, nefa ao koa ny andro sy ny ora anasarahan'ny elanelan-tany azy ireny. Tsy vitsy olon-droa no tratan'izany, noho ny antony maro samihafa. Ohatra amin'ireny ny hita ao amin'ny sombin-tantara iray nosoratan-dRAMANGAMALEFAKA, mitondra lohateny hoe : « Ny ratsy atao loza mihantona » .Voalaza ao fa efa mpifamofa Rabary sy Ratsaramiangola. Noho ny tsy fisian'ny vola hoenti-manana ny rahara sy hivelomana any aoriana, dia voatery niainga sy nandeha lavitra ilay malala Rabary ary nisara-toerana tsy fidiny izy ireo.⁹¹

Ny mpanoratra ihany koa dia nisara-toerana tamin'ny olon-tiany. Noho asany no nahatonga azy nandao ilay malalany tany amin'ny toerana lavitra, fony izy nampianatra tany Toamasina, amin'ny maha-mpiasam-panjakana az Mampibaribary izany indrindra ity tononkira iray ity :

« Lavi-kavana mantsy izahay ô rey roy,
Manimanina ny akany niaviana tsy foy
[]
Ny fitadiavana mahazaka maniraka
O! Sanatria tsy variana na hoe manadino
Ny tsy fisiana e, tsy fisiana e no anton'izao. »

(V.A., lah. 91)

Mandritra ny fisarahan-toerana, ka tsy hihaonan'ny mpifankatia no tena ahatsapana fa mahery ny fitiavana. Noho ny elanelan-tany izay azo lazaina fa lavitra ihany, dia tsy afa-nihaona mihitsy izy ireo, na dia te hifankahita amin'ilay olon-tia aza ny mpanoratra. Vokatr'izany : sento sy embona ary hanina no nameno ny fony nianjady taminy. Toy izao no filazany izany rehetra izany ao amin'ny « Omena tsiny ve ? » :

« Lavitr' ahy tokoa ianao
Ka tsy tratr'antso
Tsy hita akory ho antsoina
Tsy taza-maso
Tsy mba tazana akory

⁹¹ RAMANGAMALEFAKA, *Basivava*, n° 31- 32,27 Marsa sy 3 Avrily 1908, « Ny ratsy atao loza mihantona».

Manangasanga

Tsy mba hita akory

Kopahin-damba.

[]

Ilay havanao, hono, hoe

Misento lava

Fa manina anao, hono, hoe te hifanatri-tava. »

(V.A., lah. 52)

Manoloana ny fisarahan-toerana amin'ny olon-tiana, izay azo lazaina ho toy ny olana setrain ' ny mpifankatia, dia tsy maintsy mitady vahaolana mba hamahana azy ny olona tratrany.

Fomba mahazatra ny olona, rehefa misara-toerana ny mifanoratra taratasy Santionany amin'ireny Rabary sy Ratsaramiangola, ao amin'ny « Ny ratsy atao loza mihantona » .Nanoratra taratasy ho an-dRatsaramiangola, Rabary , rehefa tonga tany amin'ny toerana nalehany ary nasainy namaly izany Rangola, mba hakany toky na mbola tia azy izy na tsia. Iza no tenin-dRabary tao: « *Raha tsy mbola niova ianao. dia valio ity taratasy ity [].* »⁹²

Fomba faharoa ataon'ny mpifankatia koa, mba hampitoniana ny alahelo rehefa tena manina ilay olon-tiana ny fibanjinana ny sariny. Anisan'ny nanao io fihetsika io ohatra, i Henri RATSIMBAZAFY, rehefa tsy eo an'any ny malalany. Hita izany ao amin'ilay tononkirany hoe : « Ilay sarinao » :

« *Ilay sarinao*

Maneho 'lay endrika mamiko,

ilay sarinao

no tsy mba miala eny amiko

rehefa tsy ao ianao

ka izaho lay mitoetra irery

dia ny sarinao

no tiako hatao tsara jery. »⁹³

Raha ireo àry no fomba sy vahaolana hita sy nataon'ny poeta sy mpanoratra sasany, inona kosa no nataon'i Abel RATSIMBA ?

⁹² RAMANGAMALEFAKA, *Ny Basivava*, op. cit., « Ny ratsy atao loza mihantona ».

⁹³ Henri RATSIMBAZAFY , in *Mémoire de CAPEN Ny fitiavana bita taratra ao amin 'ny hiran'i Henri. RA TSIMBAZAFY; nataon-RASOANJANAHARY Aimée, « nay sarinao »*

Hafa noho ireo voalaza teo aloha ireo no nataon'i Abel RATSIMBA, tamin'ny, fotoana nisarahany toerana tamin'ny olon-tiany. Tsy inona izany fa ny fanafarana ny vorona. Ny « arosy » no niangavany sy nampitondrainy ny hafany. Ambarany ao fa na misy aza ny elanelan-tany, dia tsy miova ny fitiavany ary tsy manadino velively izy. Hamafisiny koa ny faniriany hiara-ko doria arnin'ilay tiany. Nampitondrainy ny lohateny hoe « Hafatra » ireo vetsy-po nipololotra sy namelovelo tao anatin'ny ireo, ary izao no voarakitra ao anatin'ny :

« Ry arosy 'ndeha hody mba ento kely
Izao hafatra izao hiampita any
Fa manina mafy ilay akany
Ny tenako anefa tsy afa-manotra.
Mba te hanainga kanefa indrisy
Tsy afaka hihotra kely akory
Hany heriny sento samirery
Mampita ny vetsy oriry.

Veloma, hono, fa izy hoe tsy manadino
Ny dina izay nifanaovana,
Ny tenany no saraka fa ny fony
Mitempo foana ka tsy hiova
Ho avy ny andro izay hihaonana
Ka hiara-dia mandrakizay
Ny fony tia, hono, matokia
Fa aina no fetra ho doria. »

(V.A., lah. 16)

Mbola fanafarana ny vorona hatrany no hita ao arnin'ny « Omena tsiny ve ? » :

« Ry voron'iry ô!
Raha ho any ianao
Mba hivilo izy ka ilazao
Ilay havanao, hono, hoe
Misento lava
Fa manina anao, hono, hoe
Te hifanatri-tava. »

(V.A., lah. 52)

Tsy afaka ny hitoka-monina fa tsy maintsy miaina sy mifanerasera amin'ny mpiara-monina aminy ny mpifankatia, amin'ny maha-olon'ny fiarahamonina azy ireny. Noho izany, tsy eo amin'ny fiainany ihany no ahatsapana ny herin' fitiavana, fa eo amin'ny fiainan'ny fiarahamonina koa.

3.2.2.2. Herin'ny fitiavana eo amin'ny fiarahamonina

Misy ny fepetra takian'ny fiarahamonina amin'ny olona tsirairay avy, eny fa dia eo amin'ny sehatry ny fitiavana aza, mba hampirindra sy hampizotra ny fiainana araka ny tokony ho izy.

a- Fiaraha-mamakivaky ny fiainana

Vonona ny hifampitantana sy hiara-hamakivaky ny fiainana ny olon-droa rehefa samy tia. Ary ny fiarahana sy ny fifankatiavana dia tsy tokony hirona na hirodana, raha sendra tafiotra na alon-drano. Izany hoe, na manao ahoana na manao ahoana ny fari-piainana, tsy tokony hiova, fa hijoro hatrany ny fitiavana, araka izao anambaran'i Abel RATSIMBA azy izao :

« Hiara-dia izaho sy ianao
Hifampitantana ka tsy hifandao,
Ka na ory na manana eto an-tany
Tiako ianao hatreto ka hatrany. »

(V.A., lah. 46)

Ny fahaiza-miatrika ny zava-misy na ny onjam-piainana, ny fahatanjahan-tsaina manoloana ny olana isan-karazany ary indrindra indrindra ny firaisam-po eo amin'ny olon-droa: ireo no fanoitra lehibe ary toy ny fivoy hoenti-mampita ny «lakam-pitia » sy hamakivakiana ny fiainana. Izany no asongadin'ny mpanankanto ao amin'ny « Rian-drano », manao hoe :

« Marobe ny onja mety hitranga
Ry rian-drano mandeha misosa
Aza kivy fa any am-parany any
Ho tojo tanjona tsara iafarana

Isika kosa ra 'mbola iray
 Ny fo mitoetra anaty ao
 Ho mora foana ny hamaky
 Ny onjam-piainana sy sento ao anaty ao. »

(V.A., lah. 60)

Mba hahafahana miampita ny ranobe, izay sarintsarin'ny fiainana tsy maintsy andalovan'ny mpifankatia rehetra, dia mila miray fo sy mifankatia tanteraka ary matanja-tsaina tsara, fa tsy mora kivy na miraviravy tanana ny olon-droa, raha te ho tafita ny « lakam-pitia ». Ny mikasika an'ireo no resahin'ny mpanoratra, ao amin'ny «Rahoviana ? » :

« Rahoviana isika
 Sy ny lakam-pitia
 No ho tafita soa
 Ery am-pita ery ?
 Tsy kivy aho,
 Ianao koa
 Fa vohizo malaky
 Vohizo malaky ho today ery
 Am-pita ny lakam-pitia

Ny onja ombieny
 Tsy hampirona antsika,
 Tsy mba hanahy
 Na hatahotra koa.
 Ny firaisam-po,
 Ny fitiavana
 Mitambatra ho hery ireo
 Koa avia dia matokia
 Fa ho today ny lakam-pitia. »

(V.A., lah. 58)

b- Fandaozana ny havana sy ny tanindrazana

Tsy fomba vaovao noforonin'ny olombelona akory ny fiarahan'ny lahy sy ny vavy mitoetra amin'ny toerana iray tsy eo ankohonan'ireo ray aman-dreniny intsony, rehefa mivady izy ireo. Efa nisy hatrizay ity fomba ity ary didin' Andriamanitra mihitsy. Koa anjaran'ny olombelona ny manatanteraka izany, araka ny voalaza ao amin'ny Baiboly, manao hoe : *“Ary noho izany ny lehilahy [ny vehivavy] dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny [] .»*⁹⁴

Araka izany, didy sy fepetra takian'ny fitiavana sy ny fiarahamonina amin'ny olon-droa mifankatia, rehefa hiroso eo amin'ny sehatry ny fanambadiana izy ireo, ny fialana ao amin'ny akanin'ireo masoandro amam-bolana. Izany hoe, mila manorimponenana vaovao sy tsy miankin-doha aminy intsony izy ireo. Azo lazaina nanatanteraka io fomba io koa i Abel RA TSIMBA, eny, fa na dia tsy mpivady aradalàna teo anatrehan'ny tany ama-monina aza izy sy ny renin-janany.

Porofoiny ao amin'ny tononkirany, fa noho ny fitiavany azy dia :

" Ilaozany hatreto ny fianakaviany,
Afoy avokoa na ny tany niaviany ".

(V.A., lah.92)

Tsapa amin'izay voalaza rehetra izay fa manan-kery tokoa ny fitiavana ary tsy ny mpifankatia ihany no mahatsapa izany, fa na ny fiarahamonina koa aza. Manam-piafarana anefa ny zava-drehetra ary misy fetrany avokoa. Mety ho tsara na ratsy izany fiafarany izany. Ohatra izany koa ny fitiavana, mety ho rava izy, noho ireo antony maro samihafa mifamahofaho ao anatin'ny ao.

3.3. Ny faharavan'ny fitiavana

Toy ny zavaboazany rehetra ihany ny fitiavana : rehefa avy nitsiry sy nivelatra ary naneho ny hatsarany tao anatin'izany, dia mety mbola halazo sy ho simba koa. Maneho sy manamarina izany ity tenin'i Siméon RAJAONA ity : *" Toy ny zavaboazany rehetra ny fitiavana : teraka mba ho faty, tsara mba ho simba, maitso mba halazo "* (⁹⁵).

⁹⁴ Genesisy 2 : 24, Baiboly, tak. 6.

⁹⁵ (S.) RAJAONA, *Takelaka Notsongaina I*, tak.16

Ny zavatra iray matoa rava, dia nisy antony nahatonga izany. Misy akony sy vokany eo amin'ny tompony io fahapotehana io. Koa ireo antony nahatonga ny faharavam-pitiavana sy ny fihetsiky ny mpifankatia manoloana izany ary ny mety ho vokatra ateraky ny faharavana no hovelabelarina sy horesahina mifanesy eto.

3.3.1. Antony nahatonga ny faharavam-pitiavana

" Hitsikitsika tsy mandihy foana fa ao raha " ary " Ny vy tsy mikintrana irery ", hoy ny fomba fitenintsika malagasy. Araka izany, nisy fahadisoana sy fandraisan'anjaran'ny roa tonta tao, matoa rava ny fitiavana. 'Ndeha àry hofantarintsika ireo antony nahatonga ny faharavam-pitiavana, izay hita ao amin'ireo tononkiran'i Abel RATSIMBA.

3.3.1.1. Ady sy fifamaliana

Miseho lany ny korontana eo amin'ny mpifankatia, alohan'ny fisarahana tanteraka. Endrika iray isehoan'izany ny ady sy fifamaliana. Ho an'i Abel RATSIMBA manokana, raisiny ho anisan'ny fisedrana sy fitsapana ny fiainam-pitiavana izy ireny, fa tsy noheveriny hanimba na hanamontsana azy velively akory. Toy izao no fanehoany izany ao amin'ny " Tiako ianao " :

" Lasa ny taona, nifandimby teny ny fifankatiavantsika
Tanjona iray notandroana hatrizay dia ny tsy hisy tomika
Disadisa, eny ady aza
Kaneffa ireny tsy nataoko nanimba
Ilay fo niteny hatrizay hoe : tiako ianao
O ! Fitsapana ihany no nandraisako ireny ".

(V.A., lah.73)

Manamarina izany koa ilay fomba fiteny hoe : " Raha tsy miady tsy mifankatia ".

Miezaka ny handefitra hatrany olona rehefa tena tia, mba hisorohana ny ady sy disadisa, na dia tsapany aza fa misy tsy mety ny ataon'ny olon-tiany indraindray. Tsy hadinony na maty ao am-pony anefa ny fahadisoana nataon'ny ankilany, fa mijanona sy tsaroana foana ao an-doha. Manana ny fotoanany daholo ny zavadrehetra, ka " *Ao ny andro anginana ary ao ny andro itenenana* " (⁹⁶). Koa rehefa

⁹⁶ Mpitoriteny 3 : 7^b, *Baiboly*, tak.613

mitambatra ireny, ka feno ny kapoaka ary tonga ny fotoana tsy maintsy itenenana, ka itobahany dia tsy azo tanana na ampinginina intsony. Ny filazany ny marina rehetra nokoboniny sy ireo zavatra tsy tantiny tamin'ny nataon'ny olon-tiany, anefa, dia tsy zaka sy tsy tohan'ity farany, ka nahatonga azy nandeha niala tao an-tokantranony. Endrika iray isehoan'ny faharavam-pitiavana sahady io toe-javatra io. Asehon'i Abel RATSIMBA ireo, ao amin'ilay tononkirany hoe " Saingy ianao " :

" Maromaro ihany koa anie
 Ny zavatra tsy zakany
 Tsy notaraininy taminao akory ireny
 Nokoboniny tan-tratrany
 Ankehitriny rehefa tsy hariny intsony
 Feno loatra angaha ny fony
 Dia ianao no milaza fa handeha
 F'efa tofoka azy hoe ... ? "

(V.A., lah.65)

Noho ny fihetsika na toetra ataon'ny iray koa no mety hitarika ny ady sy fifamaliana eo amin'ny olon-droa. Anisan'izany ny fanehoana tsy fahafaliana na fahatezerana ary ny toetra toa miavona, raha misy resaka tokony hifanazavana... Samy nanao ireo avokoa, na ny lahy na ny vavy, raha ny tononkiran'i Abel RATSIMBA no jerena. Ho an'iry voalohany, tsy toetrany mihitsy ireo ; kanefa taty aoriana, noho ny olombelona mety ho tofoka dia tsy nahatanty ilay onjam-pitiavana izy. Tsapan'ilay vehivavy io fiovana io, ka hoy izy :

" Dia hisy hanenenako ary ve
 Ny nitivako anao
 Satria efa niova ianao
 Taloha tsy tahaka izao ?
 Nefa ra' nanontany anao
 Ny antonantony aho e,
 Dia ny endrikao no hita
 Fa tsy faly
 Fa ianao dia tsy namaly. "

(V.A., lah.6)

Toy izao kosa no fahitan'ny mpanoratra ny toetra sy fihetsik'ilay vehivavy, rehefa misy ny ady sy fifamaliana, ka miezaka ny handamina izany ilay lehilahy :

" Saingy ianao indray izato izy
 No miavona sy mianjona ery
 Ary mihizihizy
 Ny hadisoana anefa tsy azy irery
 Fa na ianao aza, eny tena diso
 Sao ho neninao izany rahampitso. "

(V.A., lah.65)

Tsy ny ady sy fifamaliana ihany no mety ho antony mahatonga ny faharavam-pitiavana, fa eo ihany koa ny fisian'ny fitiavana ivelany sy ny maha-fitia nangalarina ny fitiavana iray, ary indrindra, ny fisian'ny anjara sy lahatra eo amin'ny tontolon'ny fitiavana sy fanambadiana. 'Ndeha ary hojerena mifanesy eto ny amin'ireo.

3.3.1.2. Fitiavana ivelany

Antony iray mahamora rava ny toky sy ny voady nifanaovana ny fisian'ny fitiavana ivelany. Ny tsy fahaiza-mionona amin'ny olon-tiana iray no mahatonga izany. Izany hoe, ankoatra ny olona efa iarahana, dia mbola manana olon-tiana hafa koa ny iray amin'ireo mpifankatia. Eo anetrahan'izany toe-javatra izany, dia tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra hentitra ilay nampirafesina, dia ny fisarahana izany, satria ny olona tena tia tsy mahatanty ary tsy mankasitraka ny mampirafy na ampirafesina. Tsapa ireo, tamin'ny fandinihana ireto andalan-tononkira roa ireto :

" Kanefa kosa amiko dia tsy mety ary koa tsy tsara
 Ny mamiko ny atsy ary koa fy ny aroa ka hizarazara ".

(V.A., lah.1)

Hita amin'ireo andalana ireo fa anisan'ny tsy mankasitraka ny fanaovana fitiavana ivelany na ny fampirafesana ihany koa i Abel RATSIMBA, ary ny teny hoe " amiko " no azo anaporofoana izany.

Araka ireo, fositra iray manimba sy mandrava ny fitiavana ny fanaovana fitiavana ivelany. Kanefa koa mora rava izy, raha tsy an'ny tena fa nangalarina.

3.3.1.3. Fitiavana nangalarina

Raha ny hita ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA no jerena, talohan'ny niarahan'ny olon-droa nifankatia, dia efa nisy niaraka tamin'ny olon-kafa ny iray tamin'izy ireo, ary mbola miaraka aminy, na dia efa nifankatia tamin'ilay

olon-tiany vaovao aza. Izany hoe, mampirafy ny iray amin'izy ireo. Mety ho ny lehilahy no voakasik'izany eto, nefa mety ho ny vehivahy koa, satria zava-misy ao anaty fiaraha-monina no tantarain'ny mpanoratra sy ataony an-kira, ary tsy voafetra ny olona manao azy. Zavatra tsy nampioizin'ilay nampirafesina velively ny fisian'io toe-javatra io. Nino ny toky sy ny tenin'ilay olon-tiany mantsy izy ary efa nanadihady azy tsara koa vao niaraka taminy.

Tsy misy marina natao tsy hiseho anefa, ary na tsy miteny sy minia mandainga aza ny vava, dia tsapa amin'ny alalan'ny fihetsika sy hita soritra eny amin'ny endrika ny zavatra atao na afenina. " Ny marina tsy mba maty ", hoy ny ohabolana malagasy. Nahatsiaro tena ho voafitaka tanteraka ilay nampirafesina, eo anatrehan'izany, ary tsy nahalala velively hoe " fitia nangalarina " no iainany, satria tsy izy no tompon'ilay olon-tiany sy niaraka taminy voalohany fa olon-kafa mihitsy.

Manoloana io trangan-javatra io, ny fisarahana ihany no mety sy vahaolana mahatsara ny fiainan'izy ireo, mba tsy hahatonga ny fiainam-pitiavany hitambesaran'ny alahelo sy hisy ranomason'olona. Ary ny zavatra angalarina ihany koa tsy mba mahaso. Tsikaritr'i Abel RATSIMBA ireny rehetra ireny, ka nataony an-kira ary toy izao no nikaloany azy ao amin'ny " Amiko " :

" Nahoana ianao no tsy nety nilaza raha nanontaniako

Sao nisy olon-kafa talohako teo amin'ny fiainanao

Nefa ianao mbola sahy nanamafy fa ho to ny faniriako

Ka tsy hisy mihitsy hanembana izao hasambarana izao

[]

Matetika no nahatsapako teny amin'ny endrikao

Ny tsiambaratelo ka nafeninao,

Tsikaritra izany kanefa niniako mihitsy ny nangina

Satria na ho ela na ho haingana : ny marina tsy mba ho sina.

Tsy tsara anefa, rahavako, isika raha toa hifamitaka

Ka hanorina akany eo amin'ny fahorian'ny hafa

Koa ny mifampi-tsodrano no hitako mety, veloma masina

Tsy anjara ny antsika satria tsy taloha fa diso aoriana " .

(V.A., lah.1)

Mbola maneho sy mampiharihary ny maha-fitia nangalarina ny fitiavana iray ihany koa ny voarakitra ao amin'ity tononkira iray ity :

" Rehefa kelikely indray
 Dia indrisy taitra ihany
 Hany ka nangaihay,
 Nahatsapa avy hatrany
 Fa toa fitia nangalarina,
 No nahasambatra tsy satry
 Hasambaran-tsy namboarina
 Tsy maintsy afoy ka tsy tanty ".

(V.A., lah.67)

Rehefa nanadihady ny mpanoratra moa izahay hoe sao efa niaina tamin'ny fitia nangalarina koa izy, dia tsotra ihany ny valin-teniny : " Na niainako aza izany, tsy hambarako mihitsy " ary niezaka ny nandà izy. Noho io valin-teniny io, tsy azo atao ny mitompo teny fantatra, ka hanambara fa ny tantaram-piainany mihitsy ireny ataony an-kira ireny, fa mety ho ny zava-misy hitany koa, amin'ny maha-mpanoratra azy.

Na dia niezaka ny hahalala ny tena marina aza izahay, dia tsy nahazo valin-teny nahafa-po, satria " Ny marina rehetra tsy filaza avokoa ", ary ataonay fa tsara ny manaja ny tsiambaratelon'ny hafa. Noho izany, azo eritreretina ho niainany ireo toe-javatra ireo, noho ny fampiasany mpisolo tena mahaleo tena " isika ", sy ny mpisolo tena tampisaka " -ko ", ao amin'ny tononkirany. Nefa koa araka ny nambarany, mila atao miresaka sy miaina ny tononkira. Izany no antony nampiasany ireny mpisolo tena ireny.

Fa na eo aza ireo rehetra ireo, tsy tongatonga ho azy ny fitiavana sy fanambadiana, fa miankina amin'ny anjara sy lahatra indrindra koa.

3.3.1.4. Tsy anjara

Na mikasa sy mivoady ny hiara-dia aza ny mpifankatia, rehefa tsy anjarany ny hivady, dia tsy ho tanteraka mihitsy, na inona na inona atao. Manamarina izany ny tenin'i DAHLE, ao amin'ny *Anganon'ny Ntaolo*, manao hoe : " [] *ny fanambadiana*

mila vintana ka na inon-kevitra, na inona saina, raha tsy zara, dia tsy raikitra, na dia vita veloma soava tsarà aza ".⁽⁹⁷⁾.

Raha ny tantaram-pitiavan'i Abel RATSIMBA manokana no asian-teny, tamin'ny mbola tanora, dia efa nanana olon-tiana izy, ankoatra ilay renin-janany. Noho i Abel RATSIMBA mbola nampita ireo zandriny tamin'ny fianarana anefa dia tsy nahandry azy ilay vehivay, satria noteren'ny renibeny hanambady izy. Izany hoe, voatery nanambady olon-kafa ilay vehivavy, amin'ny maha-kamboty azy, rehefa noteren'ny renibeny. Noho izany, tsy anjaran'izy sy i Abel RATSIMBA ny nivady, ka nahatonga ny mpanoratra hiaiky sy hiteny hoe tsy anjara ny azy ireo, matoa rava sy tsy tanteraka, araka izao :

" fa eny fahatsiarovana sisa
Dia naniry fa tsy anjarantsika
'Zany lahatra mantsy no efa nandidy
Hampisaraka antsika, hifandao tsy an-tsafidy "
(V.A., lah.57)

Ireo no antony mety ho nahatonga ny faharavam-pitiavana, araka ny tononkiran'i Abel RATSIMBA. Fa eo anatrehan'izay faharavam-pitiavana izay, samy manana ny fihetsiny, na ny nandao na ny nilaozana.

3.3.2. Fihetsiky ny roa tonta

3.3.2.1.Fihetsiky ny nandao

Ny olona tiana hambara amin'ny nandao eto, dia ilay nampirafy ny olon-tiany, na ilay noterena hanambady olon-kafa, noho ny antony maro samihafa, na ireo nandao noho ny tsy fahatantesana ny adiady... eo amin'ny mpifankatia.

Eo anatrehan'ny fisaharahana, misy hatrany ny alahelo sy tomany, noho ny faharavam-pitiavana ka hisarahana amin'ny olon-tiana. Nalahelo sy nitomany ilay vehivavy niaraka tamin'i Abel RATSIMBA, rehefa noteren'ny renibeny hanambady, satria nisaraka tsy fidiny tamin'ilay malalany izy. Hita taratra izany ao amin'ny " Raha tsiahivina "

⁹⁷ DAHLE, *Anganon'ny Ntaolo*, tak.84.

" Na tsy tanteraka aza ny dina
 Tsy anjara izao sombinaina, mangina
 Mionona, fafao re ny ranomaso
 Mionona fa ny tany tsy ilaozan'ankaso "

(V.A., lah.57)

Fa fihetsika iray anisan'ny nataon'ny nandao, na ilay nampirafy ny olon-tiany, tamin'ny fotoana nialany sy nandaozany ilay voafitaka, ny fampisehoany tsy fahafaliana sy fahatezerana. Tsy nametraka na nanao veloma akory izy mantsy, ary toy izao no nanehoan'i Abel RATSIMBA izany :

" Lasa ianao ka nandao
 Tsy nametraka veloma
 []. "

(V.A. , lah.19)

Ary taorian'ny nisarahan'izy ireo, azo eritreretina ho niaraka tamin'ny olon-kafa izy, matoa ny mpanoratra mamerimberina hoe :

" Mba manao ahoana lahy
 Ilay hasolonao Ahy ? "

(V.A. , lah.19)

Ireo telo ireo no fihetsiky ny nandao hita sy voaresaka ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA, fa manao ahoana kosa ilay nilaozana ?

3.3.2.2.Fihetsiky ny nilaozana

Eto dia tianay ny manamarika fa tafiditra ao anatin'ny nilaozana i Abel RATSIMBA, rehefa nanambady olon-kafa ilay malalany.

Fihetsika toa mifanohitra sy mifanipaka, nefa samy notanterahina sy nataon'ilay nilaozana, nandritra sy taorian'ny fisarahany tamin'ny olon-tiany, no hita taratra ao amin'ny asa soratr'i Abel RATSIMBA.

Teo am-piandohana, mety ho nentin'ny fo rano mafana sy/na ny hatezerana ilay nilaozana, dia nampiseho fihetsika niharo fananan-kambo. Izany hoe, nihevitra izy fa tsy halahelo sy tsy hahatsiaro ilay namitaka azy intsony, raha misaraka izy ireo. Avohitran'ny mpanoratra io toetra sy fihetsika io, ao amin'ny " Ilay hasolonao ahy " :

" Nahoana moa raha hifandao
 No izaho no hanembona anao e ?
 Izao no ambarako anao
 Tsy tsara raha ny miaraka aminao ".

(V.A. , lah.19)

Ankoatra io fihetsika mifangaro fananan-kambo io, mbola notsorin'ilay nilaozana koa fa " Tsy tsara raha ny miaraka " amin'ilay namitaka azy. Nahatsiaro ho voa mafy tokoa izy, ary izay angamba no antony nitenenana izany.

Tsy hadinony kosa anefa ny nitso-drano ilay nandao :

" Tsofin-drano anefa ianao
 Fa sitrakao ny nandao
 Ny hiantso tody sanatria
 Hohadinoiko ilay fitia
 Nolavinao ny hiara-dia
 Hiray safidy ka hifangia
 Koa veloma ry olon'iny
 Masina tsy misy tsiny ."

(V.A. , lah.63)

Fanampin'ireo, tsy te hahita tava sy hanadino tanteraka ilay noheveriny ho namitaka sy nandiso fanantenana azy intsony izy. Tsy tanteraka anefa izany satria tena latsa-paka tao anatiny ny fitiavana ; hany ka nahatsiaro ho nangirifiry mafy izy. Naratra koa ny fony ary ory sy nijaly ny fanahiny. Noho izany, tsy hainy novonoina sy nampanginina ary tsy nety ho faty mihitsy ny fitiavany an'ilay olon-tiany. Izany fifanoherana toe-javatra nihatra taminy izany no vetsoin'ny poeta ao amin'ny " Niniako " :

" Niniako nantsoina ny fanadinoana
 Hikosoka am-poko 'reo andro taloha
 Nefa izato izy tsy mba maty vonoina
 Fa mainka mandrobona sy mamohafoha
 Niniako ny masoko tsy hahita intsony
 Ilay endrikao sariaka sy mahatehotia
 Nefa ny embona tsy mety mitony
 Fa mainka misisika sy manesi-pitia

Satriko handositra lavitra anao
 Dia ho faty hatreo ny fahatsiarovana
 Nefa ny foko toa tsy sahy handao
 Fa malahelo sy fadiranovana "

(V.A. , lah.40)

Rehefa nandeha teny ny fotoana, noho ny fahatsiarovan-tena ho singana irery, dia nitamberina tao an-tsainy avokoa ny lasa rehetra niarahan'izy ireo. Vokany : tsy nety hadinony ilay olon-tiany satria izay rehetra hitany sy ny toerana rehetra nalehany toa ahitany taratra azy sy mampahatsiaro ny fiarahan'izy ireo avokoa. Mampibaribary izany ny " Ny lasantsika " :

" Izay rehetra tojo ahy
 Mamelona fahatsiarovana anaty ;
 Izay rehetra nolalovako
 Mampahatsiahy irony lasantsika ;
 Izay rehetra nifanena tamiko
 Manontany anao avokoa ;
 Ny foko kosa tanatiko tao
 Mamolivoly torovam-pahatsiarovana.

Eny, nataoko ny hanadino
 Tsy hahatsiaro anao intsony
 Izany alokao anefa
 Toa manjohy, manaraka ahy hatrany.
 Ataoko ahoana ny fanadino
 Ireny lasantsika rehetra ireny ?
 Hangina aho, hangina aho satria
 Voatsipakao 'lay foko mbola tia. "

(V.A. , lah.50)

Tsapa tamin'ny fihetsiky ny nilaozana koa fa mbola tia ilay nandao izy, eny fa na dia nisafidy ny hisaraka taminy aza. Hita ihany koa fa mbola tena tia ilay vehivavy niaraka taminy, nefa noteren'ny renibeny hanambady olon-kafa i Abel

RATSIMBA. Ary mba hahatonga ilay nandao hahatsapa izany, dia nataon'ny mpanakanto an-kira mihitsy :

" Inty ny hirako atolotro anao
Mbola tia anie hatramin'izao
Saingy ny ankaso ve no manery
Dia ho singana, singana ka hanirery ?

Saro-bonoina fa afom-pitia
Iaraho mitrotro mba ho doria
Mbola misy tavela tokoa ny donia
Eny, lasanao ny fo ka matokia. "

(V.A. , lah.32)

Mbola fanehoana sy fanambarana ny fitiavana ilay nandao hatrany no misongadina ao amin'ny " Tiako ianao " :

" Eny, hatramin'izao, raha mbola misy azoko atao
Tsy handà anao ny foko
Tsapako foana fa tiako ianao :
Fitia miredareda, fitia tsy hay resena,
Fitia mihavao hatrany, tsy mety lany
[]. "

(V.A. , lah.19)

Noho izay fitia miboiboika sy tsy mety maty ao anatiny izay no mahatonga ilay nilaozana miantso sy miangavy ny mba hiverenan'ilay olon-tiany indray. Ho an'ny olona sasany, toa an'i Siméon RAJAONA, ohatra, rehefa misaraka dia misaraka tanteraka, fa tsy mifamerina intsony, na ahoana na ahoana. Noho izany, aminy :

" []
Raha ny efa tsy tia no hotiavina indray
Aleo dia mamoy azy mandrakizay. " (⁹⁸)

Ny mifanohitra amin'io kosa no nataon'i E. Namo PASSAGE. Noho ny fahatsiarovan-tena ho mijaly sy singana irery, dia miantso sy maniry ny

⁹⁸ (S.) RAJAONA, *Takelaka Notsongaina I*, op.cit., tak.42-43

hiverenan'ily malalany izy. Ao amin'ily tononkalony hoe " Miverena " no amborahany izany, manao hoe :

*" Miverena ry arosy, izay nandao ny kamory
Raha tatamo te hitosy no miantso anao any ;
Miverena, hoy ny feo, mba hanala sorisory,
Fa lavitra anareo ka mitomany.*

[]

*Miverena, miverena, fa tsy zaka samy irery
Ny zioham-pahoriana atolotry ny tany ;
e ! ny fony manantena fa tsy ilaozanao miery,
Ra' tojo fifaliana na loza iray mavany.*

[]. "⁹⁹).

Izao kosa no voarakitra ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA, ny amin'ny faniriany ny hiverenan'ily olon-tiany :

*" Ory aho, mangahiahy
Hanafarako anao
Mba hiverin'indray
Izao rehetra izao. "*

(V.A. , lah.19)

Tsapa amin'izay voalaza izay fa mifanohitra ny fihetsika naseho sy nataon'ny nilaozana, manoloana ny faharavan'ny fitiavana.

Fa misy akony sy vokany eo amin'ny tompony foana ny fahapotohana na faharavan'ny zavatra iray, na ho tsara izany na ho ratsy. Ny mikasika izay vokatra nateraky ny faharavam-pitiavana teo amin'ny olona nilaozan'ny tiany izay indrindra no hovelabelarina manaraka eto.

3.3.3.Vokatry ny faharavam-pitiavana teo amin'ny nilaozana

Lafin-javatra telo no azo anasokajiana ny vokatry ny faharavam-pitiavana teo amin'ny nilaozana. Teo aloha ny fanenenana izay narahana'alahelo, ary tao kosa ireo zavatra tsy maintsy nafoy sy rava niaraka tamin'ny fitiavana.

⁹⁹ (E.N.) PASSAGE, *takelaka Notsongaina I*, op.cit., tak, "Miverena"

3.3.3.1.Fanenenana

" Ny nenina tsy mba aloha hananatra, fa aoriana handatsa ", hoy isika malagasy. Marina sy mitombina io ohabolana io, raha ny zavatra nihatra tamin'ilay nilaozana, hita ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA no dinihina. Raha tsy efa mitranga sy miseho ny vokatry ny natao, tsy tsapa mihitsy. Izany hoe, raha tsy efa nandao ilay olon-tiana, tsy fantatra fa nisy fahadisoan'ilay nilaozana koa tao, ka nahatonga izany. Manenina mafy tokoa izy, isaka ny mieritreritra izany. Tsy misy azo atao intsony anefa satria toy " ny rano tsy azo raofina intsony " ny lasa, ary ilay malalany izay nandao azy tsy azony notanana intsony koa. Tsikaritry ny mpanoratra izany toe-javatra izany, ary ny mikasika izay fanenenana izay no asongadiny ao amin'ny " Lasa ianao ", manao hoe :

" []

Lasa ianao vao hitako

Fa nanenenako izay vitako

Raha teo ianao mbola tsy tsaroany

Fa lehibe ny hadisoany

Lasa ianao vao hay ny fahoriana

Vokatry ny nenina aoriana

Tsy misy intsony ny azo atao

Fa efa tsy ato intsony ianao

Aza omena tsiny aho raha miteny

Fa nanenenako ireny ."

(V.A. , lah.27)

Tsy ny nenina ihany anefa no nihatra tamin'ilay nilaozana, fa teo ihany koa ny alahelo.

3.3.3.2.Alahelo

Maro ny endrika isehoan'ny alahelo, vokatry ny faharavam-pitiavana. Isan'ireny ny sento sy tomany ary ny talaho, izay hita ao amin'ny " Tsy irery ianao " :

" Sentosento, alahelo sy tomany

Eny, fantatro fa izay no vokatr'izany. "

(V.A. , lah.84)

Ary ny alahelo dia mavesatra tokoa eto, ary mila tsy ho zaka, araka izao ilazan'i Abel RATSIMBA azy manaraka izao :

" Lasa ianao vao tsapako
Fa ny alaheloko tsy zakako. "
(V.A. , lah.27)

Araka izany, mafy sy mangidy ny fisarahana satria tena mandratra sy mankarary ny fo tokoa. Niezaka ny hitraka sy hampahery tena anefa i Abel RATSIMBA, raha nisaraka tamin'ilay olon-tiany, mba hahafahany mampahery ireo mpiara-belona aminy izay voadona toa azy, teo amin'ny sehatry ny fitiavana koa. Tsy izy irery mantsy no tratran'izany fa misy hafa koa. Koa mba hahatonga ny olona tsy hamoy fo, dia nambarany fa ny fitiavana ihany no fanafody hitsaboana ny ratra azo avy amin'ny fitiavana. Izany hoe, tsy tokony hamoy fo sy hamono ny fitiavana ao anatiny ny olona, raha voafitaka, fa mbola afaka mitia olon-kafa izay azo antoka fa hahasitrana ilay ratra teo aloha. Manamarina izany ilay fomba fiteny hoe : " Raha olona iray no tsy tia, mitotoa koba hatavy ". Izaosy kosa no fomba anehoan'i Abel RATSIMBA izany torohevitra izany ao amin'ny tononkirany :

" Tsy irery anie ianao, na mitomany mitalaho
Misy aza any izao, tran'ny mafy noho ny anao
Raha fitia no nandratra, antenao olona iray
Hitondra fitiavana ho anao mandrakizay. "
(V.A. , lah.84)

ary koa : " Mangina ry fo izay misento mahery
Nilaozana ianao ka tsy misy mpijery
Ny lalana zorina 'ndeha re mitia
Fa ny vodisobika aza manan-tandrify. "
(V.A. , lah.68)

Ankoatra ny nenina sy ny alahelo nianjady sy niainan'ny olona voafitaka, mbola misy koa ireo zavatra nafoy sy rava niaraka tamin'ny fitiavana.

3.3.3.3.Ireo zavatra nafoy sy rava

Rehefa rava sy potika ny fitiavana, izay nahitana soa sy nahazoana fifaliana ary fahasambarana, dia maro ireo zavatra tsy maintsy afoy sy rava miaraka aminy. Zavatra enina be izao no nafoin'ny mpanoratra sy ireo nilaozan'ny olon-tiany, raha

vao nikoa ny fitiavany sy ilay vehivavy niaraka taminy, raha ny asa sorany no jerena. Ireto avy izany : ny fitiavana sy ny fiarahana, ny fifaliana sy ny fitsikiana ary ny fikoranana sy ny fihantana. Azo lazaina ho endriky ny fahasambarana niainany teo anivon'ny fitiavana ireo rehetra ireo. Niara-devona tamin'ny fitiavana avokoa izany ary nisolo sento sy toloko :

" Nafoko ilay fitia,
 Nafoko ny hiara-dia
 Nozakaiko irery ihany
 Ny hetraketrakao ry tany.
 Nafoko teo ny fifaliana,
 Nafoko teo ny fitsikiana
 Ka sento sisa sy toloko
 No nameno'zany foko.
 Nafoko teo ny fihantana,
 Nafoko teo ireo korana
 Hangina aho, hampionon-tena
 Izay no mety ho fahendrena. "

Raha fintinina izay voalaza rehetra momba ny fitiavan'olon-droa izay, azo lazaina fa na mitsiry sy mivelatra ary mandrobona fatratra aza ny fitiavana, dia mety ho rava ihany, noho ny antony maro samihafa.

Fehiny

Tsapa tamin'ny fandalinana ny tara-kevitra momba ny fitiavana, tato anatin'ity fizarana faharoa ity fa misy karazany telo ny endrika isehoan'io fitiavana io ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA ary nokaloiny sy novetsoiny. Teo aloha ny fitia mifamaly eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona, izay nahalalana fa tsy Andriamanitra ihany no tia antsika olombelona fa isika koa tia Azy. Ireo fitiavana roa mifamaly eo amin'ny roa tonta ireo no novelabelarina tao amin'ny toko voalohany.

Fa endrika iray faharoa mety hisehoan'ny fitiavana ihany koa ny fitiavantanindrazana. Tsy ny tanindrazana niaviana ihany no tokony hotiavina amin'izany fa i Madagasikara iray manontolo mihitsy. Ary tsy izay rehetra miteny sy mitonona ho tia tanindrazana akory dia azo lazaina ho tena tia ny tanindrazany. Mila porofoina sy arahana asa avokoa ny zavatra rehetra atao sy lazaina, noho izany, fa tsy vitan'ny eo am-bava fotsiny ihany.

Farany, tao amin'ny toko fahatelo no natokana hamakafakana sy hitrandrahana ny fitiavana eo amin'ny olon-droa. Mety ho tonga amin'ny tanjona kendreny ny mpifankatia, nefa koa mety ho rava eny an-tenantenany ny fikasana sy ny fitiavany. Misy antony matoa rava ny fitiavana. Koa anjaran'ny mpifankatia ny mikolokolo sy manao izay fomba rehetra tsy haharava na hahafaty azy fa mba hivelatra sy hiroborobo foana, toy ny tany am-piandohana.

Fa zavatra iray tsy azo sarahana amin'ny mpanoratra sy ny asa sorany ny fomba fanorany ireny asa sorany ireny sy ny mpamaky ary ny mpihaino azy. Ary izay indrindra no nitarika anay hiroso ao amin'ny fizarana fahatelo farany, mba hanadihady sy hijery ny fomba fanoratra ny mpanoratra ary hamantatra ireo mpamaky sy/na mpihaino ary mpankafy ny tononkirany.

**FIZARANA FAHATELO :
NY FOMBA FANORATRY NY MPANORATRA
ARYFAMPAHAFANTARANA IREO
MPAMAKY SY/NA MPIHAINO**

Tsy tsara ny asa soratra, raha tsy voakaly amin'ny fomba tsara sy manintona ary mambabo fo amam-panahy sady maningotra ny saina ny vontootin-kevitra izay tian-kambara. Izany no misarika anay hamakafaka sy handalina ny fomba fanoratr'i Abel RATSIMBA ary hanao fanadihadiana ihany koa mikasika ireo mpamaky sy/na mpihaino ny tononkirany.

Toko telo lehibe no handrafitra ity fizarana fahatelo ity ary ezahina hovelabelarina sy horesahina ao anatin'izany. Ka ny toko voalohany no natokana hijerena ny endrika ivelany isehoan'ireo tononkira. Ao amin'ny toko faharoa kosa no hitrandrahana ireo teny sy sarin-teny nampiasainy. Ary farany, ny toko fahatelo no hampahafantarana ireo mpamaky sy/na mpihaino ny tononkirany.

TOKO I – NY ENDRIKA IVELAN'NY TONONKIRA

Lohahevitra roa no horeshahina ato amin'ity toko voalohany momba ny endrika ivelan'ny tononkira ity. Voalohany, noho ny tononkira tahaka ny tononkalo, dia tafiditra ao anatin'ny literatiora izy. Noho izany, anisan'ny horeshahina ato anatin'ity toko voalohany ity ny literatiora sy ny kanto. Manaraka izany, hasongadina ato koa ny amin'ny endrika ivelany isehoan'ny tononkira.

1.1. *Ny literatiora sy ny kanto*

Eto am-piandohana, tsara ny manome fanazavana tsotsotra mikasika ny amin'ny atao hoe literatiora, ka anombohana azy ny famaritana.

1.1.1. Famaritana ny literatiora

Samy manana ny heviny sy ny famaritany ny literatiora ny olona, koa 'ndeha isika hindrana ny famaritan'ireo mpanoratra sasantsasany, kalaza eo amin'izany sehatra izany.

Ny Mpitandrina RAVELOJAONA, ohatra, nilaza fa "*Fôtôgrafin'ny fiainana ny literatiora* (¹⁰⁰)".

Manazava misimisy kokoa io tenin-dRAVELOJAONA io i RANDZAVOLA, izay manao hoe : "*Ny literatiora dia ny fiampianan'ny olona rehetra, ny finoana tanany, ny fihetsehan'ny fo sy ny saina* (¹⁰¹)".

Miombon-kevitra amin'izy ireo koa i Charles RAVOAJANAHARY satria aminy : "*Ny literatiora [] dia tsy inona akory fa famoahan'ny olona amin'ny alalan'ny teny, na voasoratra na tsia, ny fihetseham-pony, ny fiheviny ny maha-olona ny olona, ny fifandraisany amin'ny manodidina azy...*" (¹⁰²).

Araka ireo famaritana ireo, mety ho voasoratra na tsia ny literatiora. Ahitana taratra fihetseham-po ao anatin'ny ary miresaka indrindra ny fiainan'ny olombelona sy ny zava-misy manodidina azy. Araka izany, misy karazany roa ny literatiora : ny

¹⁰⁰ RAVELOJAONA, *Mpanolon-tsaina*, n° 19, 1908

¹⁰¹ RANDZAVOLA, *Mpalon-tsaina*, lah.176, Avril-Juin, 1946

¹⁰² (Ch.) RAVOAJANAHARY, « *Vokatry ny fisainana vahiny teo amin'ny literatiora malagasy* »

literatiora am-bava ary ny literatiora an-tsoratra. Ity farany ihany anefa no hojerena sy horesahinay eto satria ny vondrona ambara na ny tononkira izay niaingana sy nampiasainay, dia ny an-tsoratra fa tsy ny am-bava. Azo lazaina ho literatiora an-tsoratra toy ny tononkalo ihany mantsy ny tononkira. Ny famoronana sy ny fanoratana azy no natao voalohany vao ny fihirana azy ireny sy ny fanapariahana azy amin'ny mpamaky sy/na mpihaino, toy ireo asa soratra rehetra. Noho izany, ny lafiny an-tsoratra no nifotoranay sy nanompananay ity asa ity.

Maro ny endrika mety hisehoan'ny literatiora an-tsoratra, toy ny : sombin-tantara, tantara foronina, lahatsoratra sy ny sisa ary ny tononkalo sy ny pôezia. Ity asa fikarohana izay ataonay ity, dia miompana amin'ny fandalinana pôezia. Manana endrika tononkalo amin'ny ankapobeny ny pôezia. Tsy ny tononkalo rehetra anefa no azo lazaina ho pôezia, fa manana ny mampiavaka azy tanteraka ity farany, indrindra, eo amin'ny endrika ivelany. Manana rafitra manokana izay ahitana andalana sy andininy, ny rima sy sarin-teny...izy. Tsy mety anefa ny mionona amin'ireo. Noho izany, mipetraka ny fanontaniana izay manitikitika ny saina, manao hoe : inona marina àry ny pôezia ?

1.1.2.Famaritana ny pôezia

Maro ireo mpandinika sy mpanoratra vahiny sy malagasy no maneho ny heviny ary mamaritra ny atao hoe pôezia. Santionany amin'ireny ireto raisina sy tanisainay manaraka ireto :

Ho an'i Georges MOUNIN : "*fanehoana mazava amin'ny fomba kanto ny zavatra sainin'ny olona amin'ny alalan'ny fiteny na teny misy fihetseham-po sy ngadona*" (¹⁰³) ny pôezia.

I Emile LITTRE kosa dia nilaza fa "*fahaiza-mandrafitra asa soratra miendrika tononkalo sy manana endrika, toetra mampiavaka ny tononkalo tsara ary mety ho hita any amin'ny asa soratra hafa io toetra tsara io*" (¹⁰⁴), ny pôezia.

Raha izay ary ny hevitr'ireo vahiny, manao ahoana kosa ny an'ny Malagasy ?

¹⁰³ (G.) MOUNIN, *Poésie et société*, P.U.F., Paris, 1962 : « *La poésie absolue est l'expression concrète et artistique de l'esprit humain dans un Langage émotionnel et rythmé* »

¹⁰⁴ (E.) LITTRE, *Dictionnaire de la langue Française*, 1975 : « *Poésie : Art de faire des ouvrages en vers et qualités qui caractérisent les bons vers et qui peuvent se trouver ailleurs que dans les vers* »

Hoy i Jupiter : " *Ny atao hoe pôezia dia : tononkira voalahatra ara-dalàna, ambara amin'ny teny tsara indrindra, vita amin'ny ohatrohatra mamin'ny saina, ary raha hafahezina ny filaza azy, dia hevitra tsara indrindra, izay voambara amin'ny teny mamy indrindra* ⁽¹⁰⁵⁾".

Ao amin'ny *Takelaka Notsongaina* kosa no anambaran'i Siméon RAJAONA fa : " *Toy ny dihy koa ny tononkalo [] natao hiverimberina, tsy lany hery, tsy lany manja [] ny atao hoe tononkalo dia ireo teny voafaritra sy voafantina ka ahavitana tarehin-teny tsara, sahala amin'ireo loko fidina sy afangaro ka ahavitana hosodoko tsara, na sahala amin'ireo naoty fidina sy afangaro ka ahavitana hira tsara []* " ⁽¹⁰⁶⁾.

Tsapa amin'ireo famaritana ireo fa ny teny no akora na fitaovana nentinandrafitra ny pôezia, izay miendrika tononkalo ary ahitana fihetseham-po samihafa sy rindra ao anatiny. Ary ny tanjona kendrena sy ny toetra anisan'ny mampiavaka azy, dia ny maha-kanto azy. Io toetra KANTO manavaka azy io indrindra no nitarika ny saina hanadihady ny amin'ny atao hoe kanto.

1.1.3. Ny kanto amin'ny ankapobeny

Toetra tsy afa-misaraka amin'ny literatiora ary manavaka azy amin'ny taranja hafa toy ny kajy, tantara ... ny kanto. Izany no mahatonga anay hiresaka azy eto. Amin'ny ankapobeny, ny kanto dia tsara, mahafinaritra, soa, meva, manja, tsara tarehy ary ahitana fahafinaretana tsy lany hamamiana eo am-pamakiana sy eo am-pihainoana. Tsy lany manja, tsy lefin'ny fotoana koa ny asa soratra kanto, fa arakaraka ny andraisana azy no vao maika mahatsara azy.

Mety hiovaova fa tsy voatery hitovy ny zavatra heverina na antsoina sy tondroin'ny olona ho kanto. Miankina amin'ny olona tsirairay avy sy ny fiarahamonina na ny firenena mihitsy aza izany.

Manoloana izay mety ho famaritana marobe na ny mety ho tsy fitoviankevitra izay, indreto misy famaritana vitsivitsy notsongainay mba hanehoana izany.

¹⁰⁵ Jupiter, *lesona tsotsotra momba ny fianarana pôezia amin'ny teny malagasy*, Imprimerie FFMA, Faravohitra, 1914, tak.6.

¹⁰⁶ (S.) RAJAONA, *takelaka Notsongaina I*, op.cit., tak.157

Raha ny *Rakibolana malagasy* no jerena, " *Tsara tarehy fatratra, be renty* " (¹⁰⁷) ny atao hoe kanto.

Amin-dRANOE kosa : " *Ny kanto dia izay asa toa ahitana fiangaliana, mihoa-pampana aza indraindray, ka mampihetsi-po ny olombelona : gaga, taitra, mangoraka, malahelo, sorena, faly, HO FINARITRA indrindra indrindra, toa misarika anao ho sambatra eo am-pamakiana na eo am-pihainoana* " (¹⁰⁸).

Mbola manohy izany hatrany izy ary nilaza fa : " *Ny asa soratra kanto dia izay manana hery manintona, misarika, mambabo ny fo amam-panahy, mitarika ny saina hifantoka sy handalina ary hamakafaka bebe kokoa izay koboniny. Ny kanto dia mahasetra ny habaka, tsy voafetra sy tsy voafehin'ny fotoana* " (¹⁰⁹).

Ho an'ireo mpandalina ny lafiny fomba filazan-javatra dia ny fomba filazan-javatra mihataka amin'ny andavan'andro na tsy fampiasan'ny sarambabem-bahoaka eo amin'ny fiainana andavan'andro, no atao hoe kanto, satria manintona sy manaitra. Manaporofo izany ity tenin'i Siméon RAJAONA ity :

" *Ary ireny endri-javatra, eo amin'ny fiteny, mihataka amin'ny andavanandro ireny, no anisan'ny maha-zava-kanto ny asa soratra ka antsoina hoe " figures " sarin-teny* " (¹¹⁰).

Manazava ny amin'ny antsoina hoe fomba filazan-javatra kosa i GUIRAUD sy i KUENTZ, araka izao : " *ny fomba filazan-javatra dia fanehoana fahaiza-miteny mba hanasongadinana ireo hevitra amam-pihetseham-po* " (¹¹¹).

Araka izany, tokony hiteraka sy hanana ny akony eo amin'ny mpamaky sy/na mpihaino ny asa soratra kanto. Anisan'izany ireo karazam-pihetseham-po teraka, vokatry ny famakiana sy/na fihainoana ilay sangan'asa. Izany hoe, ny asa soratra kanto dia mety hampalahelo sy hampitomany, mety hampangorangoraka, mety hahafaly sy hampihomehy koa anefa ary farany dia mety hampahatahotra sy hampangitakitaka... Ary ho fanampin'ireo, ahitana rindra ary indrindra indrindra mahasedra vanim-potoana ny asa soratra kanto.

¹⁰⁷ Jupiter, *Lesona tsotsotra momba ny fianarana pôezia amin'ny teny malagasy*, Imprimerie FFMA, Faravohitra, 1914, tak.6.

¹⁰⁸ RANOE, *Gazety Feon'ny Merina*

¹⁰⁹ RANOE, *Tovozin-tsy ritra* 5,tak.11.

¹¹⁰ (S.) RAJAONA , *Ny zava-kanto vita amin'ny teny?* Editions Ambozontany, 1993, tak.14

¹¹¹ GUIRAUD & KUENTZ, *La stylistique lecture* ; Paris Sieck, 1970, p.3 : « *Le style est la manière de faire et, sur le plan du langage qui est seul ici, en cause, c'est le moyen d'exprimer la pensée par le moyen des mots et constructions.*

Tsy azo hadinoina ihany koa anefa ny amin'ny endrika ivelan'ny asa soratra, izay misy sy andiniana ny firafitry ny pôezia, toy ny andalana sy ny andininy, ny rima... 'Ndeha ary hoporofoina ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA ireo, amin'ny alalan'ny fandinihana ny endrika ivelan'ireo tononkirany, ka nanehoany ireo kalom-pitiavana amin'ny fomba kanto.

1.2. Ny endrika ivelan'ny tononkira

Raha vao miresaka endrika ivelan'ny tononkalo na tononkira dia ny firafiny no tonga ao an-tsaina avy hatrany. Izany hoe, manomboka eo amin'ny lohateny, mandalo amin'ny fandinihana ny andalana sy ny andininy ary ny rima.

1.2.1. Ny lohatenin'ny tononkira

Amin'ny ankapobeny, mahazo an-tsaina sy mahalala sahadry ny hevitra sy ny vontootin-kevitra tian'ny mpanoratra hambara ao anatin'ny asa sorany ny mpamaky sy/na mpihaino, raha vao mamaky sy/na mandre ny lohatenin'ny asa soratra iray. Ohatra : manambara ny fitiavana an'Andriamanitra ny " Miderà an'i Jehovah " sy ny " Ray ô "... Raha misy anaran-toerana na tanàna indray dia mety hitory ny fitiavana sy fankafizana ilay faritra, toy ny " Toamasina ", " Veloma ry Iarivo ". Ny " Tiako ianao ", " Ny foko vao nitia " kosa : mampibaribary fa fitiavan'olon-droa no resahina ao anatin'ny.

Mila fahaizana ny fifantenana ny teny hatao lohateny, mba hahatonga azy sy ny tononkira hanintona sy hisarika ny saina avy hatrany. Mila sainina tsara koa izy ireny, mba hahafaoka ny hevitra tian-kambara. Mikasika izay indrindra, maro ny endrika azo anehoana azy, raha ny tononkiran'i Abel RATSIMBA no jerena. Novaovain'ny mpanoratra ny fomba nanehoany ny lohatenin-kirany, mba hahatonga ny asany ho kanto. Misy teny tokana monja dia efa ahavitana lohateny. Anisan'izany ny " Volana ", " Tarigetra ", " Tantely ".

Ao kosa indray ireo lohateny miseho amin'ny endrika andian-teny. Izany hoe, teny maromaro fa tsy iray eto vao mahavita ny lohateny. Ohatra amin'izany ny " Tsy nofy intsony " sy ny " Vetso lavi-kavana ". Samy ahitana teny telo ao amin'ireo lohateny ireo.

Ankoatra ireo, mampiasa fehezan-teny ihany koa ny mpanoratra. Misy enti-milaza (Em) sy lazaina (L) mihitsy ao amin'ilay lohateny. Santionany amin'ireny ny "Lasa ianao" sy ny "Tiako ianao". Raha rasaina ireo lohateny miendrika fehezanteny, dia izao no azo ambara : manana anjara asa EM ny teny Lasa sy ny Tiako ary L kosa ny ianao sy ianao.

Fa tsy vitsy koa ireo lohateny amin'ny endrika filaza mandidy : "Aza kivy", "Misaora an'i Jehovah" sns. Amin'ny filaza mandidy ireo lohateny ireo satria raha atao amin'ny filaza tsotra ny "Aza kivy" sy ny "Misaora []", dia toy izao no teny azo avy aminy : tsy tokony ho kivy, misaotra.

Endrika iray mety sy tsara ary manintona ihany koa ny lohateny miendrika fanontaniana : "Moa marina ve ?", "Rahoviana ?"...Ny mari-piatoana baraingo (?) no hamantarana ny fanontaniana.

Farany, tsy hadinon'ny mpanoratra ny nampiasa teny verin-droa : "Ny tsikitsikinao", "Vetsovetso ihany"... Ireo rehetra ireo no endrika nanehoan'i Abel RATSIMBA ny lohatenin'ny tononkirany, ka nahatonga azy ho kanto sy hiavaka amin'ny hafa.

Raha fintinina ao anaty fafana ireo rehetra ireo, izao no azo lazaina sy ny isany, arakaraka ny karazany avy :

FAFANA : Endrika isehoan'ny lohatenin-kira

Karazany	Andian-teny sy fehezan-teny	Teny tokana	Teny verin-droa	Miendrika fanontaniana
Isany	64	23	5	4

Araka io fafana io, manavanana ny mpanoratra tokoa ny mampiasa andian-teny sy fehezan-teny, rehefa hametraka lohateny izy.

Tanjona kendren'ny mpanoratra tsirairay avy ny hahatonga ny sangan'asany hahafinaritra. Tsy amin'ny alalan'ny fifantenana lohateny mba hahaliana ihany no ahatratrarana izany, fa eo koa ny firafitry ny andalana sy andininy.

1.2.2.Ny andalana sy ny andininy

Ankoatra ny lohateny, anisan'ny mahasarika sy misarika ny mason'ny mpamaky ny endrika isehoan'ny andalana sy ny andininy. 'Ndeha ary hodinihina sy

horeshina tsirairay ny amin'izy ireo, araka ny ahitana azy ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA.

1.2.2.1.Ny andalana

Teny maromaro mitambatra no manome ny andalana. Ny halavan'ny andalana sy ny antony mety ho nahatonga izany no hoesahina eto. Miovaova ny halavan'ny andalana, raha ny tononkiran'i Abel RATSIMBA no jerena. Misy amin'izy ireny no fohy, ao ny antonony sy lava, raha ampitahaina.

Ahitana vanin-teny telo ny andalana fohy indrindra. Tsy inona izany fa ny hoe : " Ny dina ", ao amin'ny "Sahinao " :

" Sahinao ny nandao 'ty akany

Ry olon'iny

Sahinao ny nandao sy nitsipaka

Ny dina

[] "

(V.A., lah.63)

Ny andalana fahefatra no fohy indrindra amin'ireo andalana efatra ireo. Izany hoe " Ny dina ". Nampiasaina sy nataon'ny mpanoratra io mba hamintinana sy hamehezana ny hevitra fonosin'ny teny hoe " Ny dina ", toy ny lokaloka, ny voady sy ny fanomezan-toky isan-karazany. Feno loatra ny fony, noho ny fandaozan'ny olon-tiany azy sy ny faharavan'ny fitiavany. Vokatr'izany, ny nanome tsiny no nataony ary tsy voatanisany intsony ireo toky maro nifanaovany fa nofeheziny sy nofintininy tamin'ny hoe " Ny dina ".

Tianay ny manamarika etoana fa tsy nanavanana an'i Abel RATSIMBA loatra ny nampiasa andalana fohy, ao amin'ny tononkirany, fa ny andalana antonony sy lava no nisongadina ao.

Koa raha ny andalana antonony no asian-teny, dia eo anelanelan'ny andalana fohy sy lava izy. Izany hoe, tsy fohy kely nefa tsy lava be koa. Natao hanehoana antony sy voka-javatra izy, raha ny hita ao amin'ny " Nafokoiko ". Noho ny alahelo latsaka anaty vokatry ny faharavam-pitiavana sy ny fahasambaran'ny niainana teo anilan'ny tiana, dia ny mangina no hitany fa tsara sy mety aminy. Fomban'ny olona voadona ny mifidy ny fahanginana, ny tsy ahitan-teny firy na lava. Tsapa izany amin'ny alalan'ny fampiasan'ny mpanoratra ireto andalana izay azo lazaina fa antonony ireto :

" Nafoko ilay fitia,
 Nafoko ny hiara-dia
 Nozakaiko irery Ihany
 Ny hetraketrakao ry tany

Nafoko teo teo ny fifaliana,
 Nafoko teo ny fitsikiana
 Ka sento sia sy toloko
 No nameno 'zany foko

Nafoko teo ny fihantana,
 Nafoko teo ireo korana
 Hangina aho, hampionon-tena
 Izay no mety ho fahendrena "
 (V.A., lah.36)

Tsy mety amin'ny olona anefa ny mangina foana eo amin'ny fiainana. Koa rehefa avy nangina tamin'ny alalan'ny fampiasana andalana antonony ny poeta, dia mety hitroatra ihany indraindray. Noho ny fihetseham-po tsy hay tohaina tao anatiny, vokatry ny fahadisoam-panantenana satria voafitaky ny olon-tiana, dia manambara ny heviny izy ao amin'ny " Amiko ". Tsy azo fefena izy rehefa miteny. Aborany amin'izany daholo ny zavatra tsy tiany sy tsy ankasitrahany ary hitany. Nampiasainy andalana lava izany fanehoan-keviny izany ary nataony tamin-pitoniana tanteraka, fa tsy narahany hatezerana na tsiny...

" Nahoana ianao no tsy nety nilaza raha nanontaniako
 Sao jisy olon-kafa talohako teo amin'ny fiainanao
 Nefa ianao mbola sahy nanamafy fa ho to ny faniriako
 Ka tsy hisy mihitsy hanembana izao hasambarana izao.

Omeko tsiny ary ve ianao raha nahavita izany
 Satria tsy laviko ny antn'izany : fitiavana ihany ;
 Kanefa kosa amiko dia tsy mety ary koa tsy tsara
 Ny mamiko ny atsy ary koa fy ny aroa, ka hizarazara.

Matetika no nahatsapako teny amin'ny endrikao
 Ny tsiambaratelo ka nafeninao,
 Tsikaritro izany kanefa niniako mihitsy ny nangina
 Satria na ho ela na ho haingana : ny marina tsy mba ho sina...

Tsy tsara anefa, rahavako, isika raha toa hifamitaka
 Ka hanorina akany eo amin'ny fahorian'ny hafa
 Koa ny mifampitso-drano no hitako mety, veloma masina
 Tsy anjara ny antsika satria tsy taloha fa diso aoriana ".

(V.A., lah.1)

Miankina amin'ny fihetseham-pon'ny mpanoratra izany no mety hahatonga
 ny halavan'ny andalana ho fohy sy ho antonony ary ho lava.

Izay no azo ambara mikasika ny andalana, fa manao ahoana kosa ny amin'ny
 andininy ?

1.2.2.2. NY andininy

Ny andalana maromar mitambatra no miteraka na manome ny andininy iray.
 Raha ny voalazan'i H. MORIER, ao amin'ny *Dictionnaire de poétique et de rhétorique* no jerena dia miovaova fa tsy misy isa raikitra ny isan'ny andalana mandrafitra ny andininy iray , nefa kosa voafetra ho eo anelanelan'ny isa efatra hatramin'ny roa ambin'ny folo izany. Hoy indrindra izy, maneho izany : " *Amin'ny ankapobeny ny andinin-tononkalo dia hiatana andalana efatra ka hatramin'ny roa ambin'ny folo* (¹¹²)".

Raha ny tononkiran' Abel RATSIMBA kosa no dinihina, amin'ny ankapobeny di andalana efatra no manome ny andininy iray. Miovaova anefa ny isan'ny andalana isaka ny andininy, arakaraka ny tononkira sy ny fihetseham-pon'ny poeta ary ny zavatra ambarany. Noho izany, tsy voatery hitovy ny isany.

Andalana telo monja no manome ny andininy fohy indrindra, ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA :

¹¹² (H.) MORIER, *Dictionnaire de poétique et de rhétorique*, P.U.F., Paris, p.1039 : « *Le strophe comprend en général de quatre à douze vers* »

" Asandrato ny lohasaha rehetra
 Aetreo ny tendrombohitra
 Sy ny havoana rehetra ho lembalemba "
 (V.A., lah.21)

raha toa ka andalana 16 no hita ao amin'ny andininy lava indrindra :

" Nitady teny aho fa tsy nahita anao
 Ary tsy nisy hany azoko natao
 Afa-tsy ny nanontany teny ho eny
 Sao nisy nifanena taminao ireny
 Niolomay aho nanontany hatraiza hatraiza
 Nisy aza ireo nandatsa hoa nankaiza
 Nisy aza dia tsy nisalasala
 Fa sahy naneso ahy avy hatrany hoe adala
 Tsy mampaninona ahy akory anefa izany
 Satria raha mbola tany koa ny tany
 Ireo mpanenjika akory tsy hiala
 Toy izany koa ireo tsy tia sy mpankahala
 Fa ny antsika vita dina ho doria
 Ny ho taitra na hirona sanatria
 Fa ny fontsika nivoady tato anaty
 Tsy anio na ampitso ihany fa ho amndrakizay. "
 (V.A., lah. 78)

Rehefa nanao fampitahana izahay, dia ny " Miderà an'i Jehovah " no tononkira fohy indrindra ary ny " Hamisavisa " no lava indrindra. Andalana dimy ihany no mandrafitra iry voalohany, raha toa ka 42 no isan'ny andalana ao amin'ity farany.

Miovaova ihany koa ny isan'ny andininy ao amin'ny tononkirany, fa tsy mitovy. Izany hoe, mety ho andininy iray fotsiny dia ahavitana tononkira iray. Misy karazany telo ny sangan'asany izay tsy ahitana afa-tsy andininy iray avy. Ireto avy izy ireo : " Miderà an'i Jehovah " (V.A., lah.33) sy ny " Faniriana " (V.A., lah.12)

ary ny " Toy izany " (V.A., lah.78). Ny " Azy irery " kosa no tononkira ahitana andininy betsaka indrindra, satria misy andininy fito ao anatin'ny. Araka izany, eo anelanelan'ny iray ka hatramin'ny fito ny isan'ny andininy ao amin'ny sangan'asan'i Abel RATSIMBA.

Fa manavanana an'i Abel RATSIMBA ihany koa ny manoratra tononkira mitovy ny andininy anankiroa fa andalana vitsy foana no mahasamy hafa azy. Ohatra ahitana izany ny " Ny fo nitia mangina ".

" Ny foko anie rahavako
 Dia fo nitia mangina
 Natokako ho anao
 Koa diso ve ny vavako
 Hamboraka ny dina
 Hanamafy 'lay fitia tokoa
 Ianao no 'lay domoina
 Niriako hatry ny ela
 Mba hitantana ny diako
 Valio re, valio re
 Valio ity foko tia anao
 []
 Ny foko anie rahavako
 Dia fo nitia mangina
 Natokako ho anao
 Koa diso ve ny vavako
 Hamboraka ny dina
 Hanamafy 'lay fitia tokoa
 Ianao no 'lay domoina
 Niriako hatry ny ela
 Mba hitantana ny diako
 Avia re, avia re
 Inty ny foko tia anao."

(V.A., lah.47)

Hita amin'ireo andininy roa ireo fa ny andalana roa mamarana ny andininy tsirairay avy ihany no tsy mampitovy azy ireo. Ny antony dia mba hanasongadinana ny hamafin'ny fijaliana rehefa mitia mangina tsy misy mpahalala. Natao koa ireo


mba hampahalalana ny haben'ny fanirian'ny mpanoratra, izay te hifangia sy hifankatia amin'ilay olona tiany. Ary izany dia arahana fiangaviana sy fitalahoana an'ilay vehivavy mba hamaly ny antsony sy ny fitiavany ary hanatona sy handray azy.

Mbola ahitana andininy roa toa mitovitovy ihany koa ao amin'ny " Hamisavisa ". Teny na andalana vitsy foana no tsy itoviany. Miankina amin'ny zavatra ambarany no mahatonga io tsy fitoviana io :

" Fa ho avy ny fotoana
 Isika sisa no ho eto
 Samirery hamisavisa
 Ireny lasa rehetra ireny
 Ny mangidy, ny tantely
 Tsy hohadino velively
 Eto iska no hibanjina ny ho avy
 Sy hisaintsaina izay nodiavintsika mianakavy
 []
 Fa ho avy ny fotoana
 Izy ireo sisa no ho eo an-tokantranony eo
 Hamisavisa ny andro lasa rehetra
 Ny mangidy, ny tantely
 Tsy hohadino velively
 Izy no hibanjina ny ho avy
 Sy hamisavisa izay nodiavin'izy mianakavy
 []"

(V.A., lah.17)

Toy izao no santionany amin'ny endrik'ireo andininy , raha atao sary tsotsotra :




" Lasa ny taona, nifandimby teny ny fifankatiavantsika
 Tanjona iray notandroana hatrizay dia ny tsy hisy tomika
 Disadisa, eny ady aza
 Kanefa ireny tsy natao nanimba
 Ilay fo niteny hatrizay hoe : tiako ianao
 O ! Fitsapana ihany no nandraisako ireny.

(V.A., lah.73)

Maneho ny lalana mety hodiavina ao anatin'ny ftiavana io kisary io. Tsy voatery hiaina sy higoka hasambarana ary ny mamany hatrany ny olon-droa mifankatia, fa mety hiady sy hifamaly koa. Toa mikorontana sy mihasimba ny fitiavana, rehefa ireo toe-javatra ireo no misy sy mitranga ; hany ka zary mikitoantoana toy ny tohatohatra fa tsy mahitsy sy tsy tsara toy ny am-piandohana intsony ny fiainana sy ny fifankatiavana.

Misy koa anefa ny kisary maneho ny fihetseham-po feno alahelo, vokatry ny faharavam-pitiavana. Lehibe sy mibahan-toerana ao am-pon'ny mpanoratra tokoa ny alahelony. Mampibaribary izany ity kisary sy andinin-tononkira ity :



" Nafoko teo ny fifaliana,
Nafoko teo ny fitsikiana
Ka sento sisa sy toloko
No nameno 'zany foko. "

(V.A., lah.36)

Tsy mivoaka ety ivelany toy ny hafaliana sy ny fitsikiana ny sento sy ny toloko eto fa mikombona na kobonina ao anaty fo sy mihiboka ao anaty. Araka ny fantatsika, ny zana-peo [a] dia zana-peo mivelatra ary natao hanehoana hasambarana sy hafaliana ; ary ny zana-peo (o) kosa dia zana-peo mikombona. Natao hanehoana alahelo kosa ny [o]. Tsapa sy hita ireo ao amin'io andinin-tononkira io : " fifaliana " sy " fitsikiana " ary " toloko " sy " foko ". Ohatra tsotra azo anaporofoana izany koa, rehefa mihomehy na faly ny olona dia mikakakaka ary ny zana-peo [a] no misongadina ao anatin'izany. Fa rehefa malahelo sy mitoloko kosa dia ny zana-peo [o] no re sy manakoako.

Fa toe-javatra mampiavaka ny tononkira sasany amin'ny tononkalo, eny fa na dia eo amin'ny samy tononkira aza ny fisian'ny fiverenana ao aminy. Izany hoe, misy andininy iray miverina sy averina eo anelanelan'ny tonony samy hafa. Manazava ny momba azy io i LAFORTE, ao amin'ny *Poétique de la chanson traditionnelle française*, ka nanambarany fa " Miantraika amin'ny famokarana ny fampiasa fiverenana, ny fiverenana dia fehezan'amboara mozika izay mandrasa na mizara ny hira ho ampahany maromaro mitranga amin'ny fotoany avy (¹¹³)".

¹¹³ LAFORTE, *Poétique de la chanson traditionnelle française*. Quebec, Université, Lavane, p.184 : « l'usage de refrains interfère dans la production, le refrain est une phase musicale (parfois récurrente) découpant de chant en sous-unités, la performance à un moment distinct.

Matetika, ny fiverenana no enti-mamintina ny hevitra voalaza ao anatin'ny andininy rehetra sy mirakitra ny hevitra iombonan'izy ireo. Hoporofointsika ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA ny fahamarinan'izany, ka ohatra na santionany iray izay misy fiverenana no horaisina. Misy sy ahitana fiverenana, ohatra, ny " Tiako ianao ". Ao anatin'ny fiverenana no anambaran'ny mpanoratra fa vao maika mitombo sy tsy manam-piovana ny fitiavany ilay olon-tiany, na dia somary " madiditra " aza izy. Tsy mampiova ny fony mbola tia ny ady sy fifamaliana ifanaovan'izy roa. Vonona ny handefitra hatrany koa izy, mba ho fitandroana ilay fitiavana tsy ho rava. Toy izao no nanehoany izany :

" Lasa ny taona, nifandimby teny ny fifankatiavantsika
Tanjona iray notandroana hatrizay dia ny tsy hisy tomika
Disadisa, eny ady aza
Kanefa ireny tsy nataoko nanimba
Ilay fo niteny hatrizay hoe : tiako ianao
O ! fitsapana ihany no nandraisako ireny.

Fiverenana : Eny, hatramin'izao, raha mbola misy azoko atao
Tsy handà anao ny foko,
Tsapako foana fa tiako ianao :
Fitia miredareda, fitia tsy hay resena,
Fitia mihavao hatrany, tsy mety lany
'Zany no iriny
O ! Ka na ranomaso aza indraindray
No azoko avy aminao
Leferiko ireny satria tiako ianao.
Fantatro fa nisy ditraditra kely tsy voatohitrao ka natao
Nisalasala koa ny foko tamin'ireny, tsy nahita izay hatao
Tanatiko tao anefa ilay feo tsy nijanona niteny
Nampahery ahy hatrany handefitra satria
Sarobidy 'lay toky mamy hoe :
Tiako, eny tiako, tiako ho doria ".

(V.A., lah.73)

Fa ankoatra ny andalana sy ny andininy, singan-javatra mbola azo dinihina ihany koa ny mikasika ireo mari-piatoana nampiasain'ny mpanoratra.

1.2.2.3. Ireo mari-piatoana nampiasainy

Manome endrika kanto ny tononkalo na tononkira... ny fampiasan'ny mpanoratra mari-piatoana isan-karazany. Izy ireny no ansian'ny haingo handravahana ny endrika ivelan'ny asa soratra ary loharanon'ny fahafinaretana tokoa eo am-pamakiana sy/na eo am-pihainoana azy, ary manampy ny mpihaino na ny mpamaky hahazo an-tsaina avy hatrany ny hevitra tiana hampitaina, raha hay ny manaja azy.

Misy karazany maromaro ny mari-piatoana nampiasain'i Abel RATSIMBA ao amin'ny tononkirany. Ohatra : ny tsoraka, ny teboka amam-paingo, ny teboka roa sy ny faingo ary ny baraingo...

Mari-piatoana ampiasaina mba hanambarana fihetseham-po ny tsoraka (!). Tsy mahagaga ny nampiasan'ny mpanakanto azy satria fitiavana no kaloiny sy hirainy. Noho izany, mibahan-toerana ny fihetseham-po. Hita taratra izany ao amin'ny " Tsy zava-mora ihany ", izay mampibaribary fa na dia efa nodimandry aza ireo ray aman-dreny, dia tsy lefy sy tsy maty ao am-pon'ny zanaka ny fitiavana sy ny fahatsiarovana azy. Miafara amin'ny alahelo arahan-dranomaso matetika izany. Io fihetseham-po lalina ao anatiny io no anisan'ny nanosika ny poeta hampiasa tsoraka (!) :

" Dada ô ! Mitomany anie i zandry,
Neny ô ! Izaho koa tsy tafandry
Nifandao e noho ny herin'ny ankasao
Ka endrey mijohy ny ranomaso "

(V.A., lah.87)

Amin'ny ankapobeny, saika aorian'ny zana-peo [ô] no toerana misy sy ametravana ny tsoraka.

Ny teboka amam-paingo (;) kosa indray no natao mba hilazana fa tsy mbola tapitra ny hevitra tian-kambara. Raha lava loatra ny fanehoan-kevitra, nefa mbola tiana hotohizana, dia elanelanina teboka amam-paingo. Ao amin'ny " Ny lasantsika ", ohatra, no ahitana an'io. Samy manontany sy mampahatsiahy ny lasany

daholo, na ny olona na ny toerana alehany sy lalovany. Vokany : mampiasa teboka
amam-paingo izy mba hanelanelanana ireo karazan-javatra ireo :

" Izay rehetra tojo ahy
Mamelona fahatsiarovana anaty ;
Izay rehetra nolalovako
Mampahatsiahy irony lasantsika ;
Izay rehetra nifanena tamiko
Manontany anao avokoa ;
Ny fko kosa tanatiko tao
Mamolivoly torovam-pahatsiarovana. "

(V.A., lah.50)

Fa mari-piatoana nandravahan'ny poeta ny hirany koa ny teboka roa (:) sy
ny faingo (,). Mitovitovy ny asan'izy ireo ao anatin'ny tononkiran'i Abel
RATSIMBA, satria samy azo ampiasaina rehefa hitanisa sy/na hanazava hevitra na
zavatra iray. Ampitahao kely ange izany ao amin'ireto tononkirany ireto e :

" []
Nodimbiasan'ny hakanton'ny hatanorana
Hatanorana : tsiky, hehy sy korana ".
(V.A., lah.39)

sy ny : " []
"Tsapako foana fa tiako ianao :
Fitia miredareda, fitia tsy hay resena,
Fitia mihavao hatrany, tsy mety lany
'Zany no iriny. "

(V.A., lah.73)

ary ny : " Ianao, ianao no hantahantako
Ianao, ianao no ngotingotiko
Ianao, ianao foana
No lasa nofinofiko.
Ianao, ianao no hirahirako
Ianao, ianao no kalokaloko
Ianao, ianao irery
Tsy asolo, tsy atakaloko. "

(V.A., lah.9)

Ankoatra ireo voalaza ireo, tsy hadinon'ny mpanoratra ny nampiasa baraingo (?) izay mari-pamantarana ny fanontaniana mipetraka na apetraka. Indraindray, mety ho ny tenan'ny olona mametra-panontaniana ihany no iantefan'izany sy tsy maintsy mamaly azy, toy ity tranga miseho sy mihatra amin'ny mpanoratra ity :

" Ataoko ahoana no fanadino

Ireny lasantsika rehetra ireny ? "

(V.A., lah.50)

Misy fotoana kosa anefa, dia olon-kafa ankoatra ny mpiteny no ametrhana fanontaniana sy natao hamaly azy :

" []

Heverinao angaha

Fa ny alahelo sy tsiahy,

Ny sentonao mitafotafo

Dia ho levon-dranomaso ? "

(V.A., lah.86)

Tsapa amin'ireo rehetra ireo fa tena ilaina tokoa ny mari-piatoana, mba hahakanto ny asa soratra, na ao am-pamakiana na eo am-pihainoana.

Fa zava-dehibe tsy tokony hohadinoina na hohamaivanina, ankoatra ny lohateny sy ny firafitry ny andalana sy ny andininy ny rima.

1.2.3. Ny rima

Ao amin'ny *Rakibolana malagasy* no amaritan'i Régis RAJEMISA-RAOLISON, ny rima, ka hoy izy : "*Fitoviam-peo eo amin'ny teny roa hatreo amin'ny zana-peo farany misy tsindrim-peo no ho midina*"⁽¹¹⁴⁾., no atao hoe rima.

Miombon-kevitra aminy koa i MAZALEYRAT, satria aminy, "*ny rima dia fitovian'ny feo hatreo amin'ny zana-peo misy ngadona farany no ho midina*"⁽¹¹⁵⁾.

Anisan'ny mahakanto ny tononkalo sy tononkira ny fisian'ny rima ary manome fahafinaretana ho an'ny sofin'ny mpihaino sy ny sain'ny mpamaky. Mora tadidiana kokoa ny tononkalo na tononkira misy rima, raha ampitahaina amin'ireo tsy ahitana azy.

¹¹⁴ (R.R) RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*, op.cit., tak.831.

¹¹⁵ MAZALEYRAT, *Elément de métrique française*, Coll. U, 2^e édition, Armand Collin, Paris, 1914 : « Homophonie de la dernière voyelle accentuée ainsi que des phonèmes qui suivent »

Karazan-drima roa no ampiasain'i Abel RATSIMBA ao amin'ny asa sorany : rima mifanjohy sy rima mifaningotra.

1.2.3.1.Rima mifanjohy (aa, bb)

Ny andalana voalohany sy faharoa no ahitana feo mitovy, eny amin'ny farany avy ary toy izany koa no misy ao amin'ny andalana fahatelo sy fahefatra. Ity tononkira manaraka ity dia maneho fa toe-javatra manjohy ny kamboty eo amin'ny fiainany hatrany ny fahatsiarovana ireo nahitany ny masoandro amam-bolana. Izany hoe, tsy maintsy misy foana ny fotoana ahatsiarovany azy ireny, tahaka izao hikaloan'i Abel RATSIMBA azy izao :

" Mitamberina ato an-tsaina indray	a
Ny korana nifanaovana hatrizay	a
Tositosy tsy mba hay afindra,	b
Safosafo, tsikitsiky tsara indrindra	b

(V.A., lah.87)

Ao amin'ny " Ny foko vao nitia " kosa, mibaribary ny fiarahan'ny olon-droa mifankatia mamakivaky ny fiainana. Ka na inona na inona zava-misy sy mitranga : tsy mifandao fa miaraka sy mifanjohy eny foana :

" Hiara-dia izaho sy ianao	a
Hifampitantana ka tsy hifandao	a
Ka na ory na manana eto an-tany	b
Tiako ianao hatreto ka hatrany "	b

(V.A., lah.46)

1.2.3.2. Rima mifaningotra (ab, ab)

Amin'ny rima mifaningotra, ny feo mamarana ny andalana voalohany sy fahatelo no mitovy ary ny feo mamarana ny andalana faharoa sy fahefatra koa mitovy. Mampiasa rima mifaningotra ny poeta, noho ny faniriany te hifaningotra amin'ilay malalany. Jereo anie ny filalaovany ny amin'izany e :

" Mba niriko loatra	a
Ny ho eo anilanao	b
Hany ka mitsamboatra	a
Ny foko keliko ao. "	b

(V.A., lah.12)

Fa fihetsika tsy afa-misaraka amin'ny mpifankatia rehetra ary toa mandeha ho azy ny fifanolorana teny mamy sy safosafo, mba hikorokorokoloana ny fitiavana. Singa iray mampifaningoatra azy ireny izany. Koa tsy mahagaga raha rima mifaningoatra no nampiasaina hampitaina azy :

" Teny mamy, teny <u>soa</u>	a
Miharo safosafo <u>kely</u>	b
Eny tsy ampy avok <u>oa</u>	a
Mbola tsy ampy veliv <u>ely</u>	b
[]. "	

(V.A., lah.83)

Ireo karazana rima roa ireo no hita sy misy ary ampiasain'i Abel RATSIMBA ao amin'ny tononkirany, raha ny lafiny laharam-pisehoan'ny rima no jerena. Mety ho hita sy ho azo ampiarahina ao anaty andininy iray anefa izy ireo :

" Indro tazaka ian <u>ao</u>	a
Sy ny tsikitsikin <u>ao</u>	a
Mitory fahatsor <u>ana</u> ,	b
Kofehy ifamator <u>ana</u>	b
Tsy misy tsy ho di <u>so</u>	a
N'aiza n'aiza eto an-tan <u>y</u>	b
Ny fitia no hamafis <u>o</u>	a
Dia ho foana anie izan <u>y</u> . "	b

(V.A., lah. 51)

Anisan'ny mampiavaka ny fomba fanoratr'i Abel RATSIMBA ny fisian'ireo andalana miady rima sy ny andalana tsy miady rima, nefa ao anaty andininy iray ihany. Izany hoe, rehefa tononona ireo andalana tsy miady rima dia toa miady rima, nefa rehefa soratana dia tsy miady rima velively. Mety ho ny fifanahafan'ny feo no mahatonga izany. Ohatra : [r] no mahasamihafa ny teny hoe " andro " sy " ando " ary zana-peo [a] sy [y] no tsy mampitovy ny " saha " sy " sahy ". Mety hiankina amin'ny fomba famaky koa anafe no mahatonga azy toa miady rima eo am-pihainoana, kanefa rehefa soratana dia tsy misy rima. Hita ireo ao amin'ny " Maraina any an-tsaha " :

" Maraina ny andro,
 Indreny eny an-tsaha
 Manitsan-dranon'ando
 Mavitrika sy sahy
 Milanja ny angady, a
 Mibimbina antsy koa b
 Handeha mba hitady a
 Izay rehetra mahasoa. " b

(V.A., lah.31)

Hita amin'io andininy io fa ny tapany voalohany na ny andalana efatra voalohany dia tsy miady rima, fa ny tapany faharoa na ny andalana efatra farany kosa no ahitana rima mifaningotra.

Na eo aza ireo rehetra ireo, tsy voafehifehy na voateriterin'ny fanarahana sy fampiadiana rima i Abel RATSIMBA. Izany hoe, ankoatra ireo hirany miady rima, manana tononkira malala-drafitra izay tsy ahitana rima mihitsy izy. Ny hevitra mantsy no zava-dehibe rehefa manoratra, fa tsy ny fanenjehana rima loatra. Santionany amin'ny tononkirany tsy ahitana rima ny " Hariva " :

" Topazo maso ireo vorona
 Manao andiany maro,
 Handeha hamonjy ny akany
 Fa efa hariva, hono, izany andro

Teny an-dohasaha
 Indreny andian-jazavavy
 Toa avy naka rano
 Fa efa hariva, hono, izany andro.

Ny mpiasa tany koa
 Sy ny hafa tsy voatanisa
 Indreny fa milaika,
 Falifaly ery hamonjy ny fodiana.

Ny masoandro iry tazano
 Fa efa mihilana,
 Ho avy ny alina
 Ka hodimbiasana maraina vaovao.

Fanantenana ry hariva
 No hasetrika izao
 Hidify ianao anio
 Ka irario rahampitso hihaona indray. "
 (V.A., lah.18)

Tsy ny endrika ivelany ihany anefa no mila iangaliana fatratra mba ho kanto sy hanintona ary hahafinaritra. Ary tsy ny endrika ivelany ihany no mahakanto ny asa soratra, fa eo dia eo koa ny fifantenana ny teny sy voambolana nampiasaina ary ny fisian'ireo sarin-teny isan-karazany.

TOKO II- NY TENY SY NY SARIN-TENY NAMPIASAINY

Araka io lohateny io, dia ny momba ny teny sy ny sarin-teny nampiasain'ny mpanoratra ao amin'ny tononkirany no horesahina eto. Koa ny teny nampiasainy no anombohana azy.

2.1. *Ny teny sy ny voambolana nampiasainy*

Singa iray lehibe maha-firenena ny firenena ary iavahany amin'ny firenen-kafa ny teny misy sy ampiasaina ao aminy. Mitana anjara toerana goavana ao anaty fiarahamonina... ny teny. Izy mantsy no fitaovana ahafahan'ny rehetra mifandray sy mifanerasera. Mila mampiasa ny tenin-drazany ny tsirairay, mba tsy hahafaty na hahavery momoka azy, ary anisan'ireny ny mpanoratra. Ahatarafana ny fahaizan'ny poeta mamolaka sy mampiasa ny tenin-drazany ireo teny sy voambolana ampiasainy.

Teny malagasy tsy misy fangarony no nofidian'i Abel RATSIMBA handrafetana sy hananganana ny asa sorany. Ho fanandratana sy ho fandalana ary fankamamiana ny tenin-dreny no antony nanaovany izany. Natao indrindra koa anefa io fampiasana teny malagasy io, mba hahafahan'ny rehetra mandray ny tononkirany sy izay zavatra lazainy ao, satria : "*Ny tenin-drazana ihany no tena fiasana mahomby enti-mitaiza ny taranaka. Satria io tenin-drazana io no entin'ny ankizy mandinika ny zava-misy sy entiny misaina sy mamoka ny heviny sy ny vetsovetso-som-pony.*" (¹¹⁶)

Araka izany, tsy ahitana asa soratra amin'ny teny vahiny na teny vahiny mihitsy ao amin'ireo tononkirany, afa-tsy teny tokana monja. Io indray aza mbola nogasiana, fa tsy najanona tamin'ny teny frantsay. Tsy inona io teny io ilay hoe " Palôma ", izay anarana angoty nataony mba hiantsoana ny olon-tiany. Noho izany, tsy hoe tsy mahay na tsy mahafehy teny vahiny akory izy, no tsy nanoratany tononkira amin'ny teny hafa, fa noho ny fikoloany ilay teny maminy no antony. (¹¹⁷)

Fa loharano iray nakan'ny mpanoratra ireo voambolana sasantsasany nampiasainy, ny *Baiboly*. Izany hoe, misy amin'ireo voambolana nampiasainy no

¹¹⁶ (M.) FETY, *Fanabeazana sy fiainam-pirenena*, 1972, tak.15

¹¹⁷ Resadresaka nifanaovanay tamin'ny

nalaina tao amin'ny *Baiboly*. Ohatra : " Jehovah, Mesia, Mpanavotra, Mpamonjy, anjely... Ary tena mampiavaka azy sy ny fomba fanorany, ny nitsongany toko sy andininy avy ao amin'ny *Baiboly* mihitsy, saingy novainy sy namboariny ny endriny, na nanalany ny teny tao anatin'ny, mba hahatonga azy ho azo hiraina. Santionany iray amin'izy ireny ny " Miderà an'i Jehovah ". Hita sy voarakitra ao amin'ny Salamo faha 117, andininy voalohany sy faharoa ity tononkira ity ary toy izao no nanehoan'i Abel RATSIMBA azy :

" Miderà an'i Jehovah
 Ry firenena rehetra
 Fa lehibe ny famindram-pony
 Amintsika
 Ary mandrakizay ny fahamarinan'i Jehovah. "
 (V.A., lah.33)

raha toa ka izao no endrika isehoany sy nanaovan'ny Mpanao Salamo azy :

*" Miderà an'i jehovah ry firenena
 rehetra
 Miderà Azy, ry olona rehetra
 Fa lehibe ny famindrampony
 Ary mandrakizay ny fahamarinan'i
 Jehovah.
 Haleloia. " (118)*

Fa hita ao anatin'ny tononkirany ihany koa ny anaran'ireo toerana sy faritra efa niasany sy nonenany : " Iarivo ", " Ambila ", " Toamasina ". Tena nankafiziny tokoa ireny toerana ireny ka nataony an-kira mihitsy mba tsy hanadinoany azy.

Noho izy nipetraka tany amin'ny faritanin'i Toamasina nandritra ny taona maromaro, dia nampiasa voambolana fitenin'ny Betsimisaraka izy : " donia ". Tsy hita ao anaty *Rakibolana malagasy* io teny io, kanefa nambaran'ny poeta taminay fa " fitiavana " no dikany. Ao amin'ny " Matokia " (V.A., lah.32) no ahitana izany.

Mbola mampiavaka ny fomba fanoratr'i Abel RATSIMBA ihany koa ny fampiasany ny teny " hono " ao anaty tononkirany. Raha eo amin'ny sehatry ny angano ny " hono " dia midika ho zavatra tsy marina... fa ao amin'ny

¹¹⁸ Salamo

tononkiran'iAb kosa ny "hono", dia marika na hafatra. Izany hoe, rehefa nampitondra teny na hafatra ny vorona izy, fony izy niasa tany Toamasina, dia narahany "hono" hatrany izany. Ary indraindray dia nampiany "hoe" koa aoriany. Efa fombantsika malagasy izay manafatra na mampita hafatra mihitsy moa ny mampiasa ny teny hoe "hono" sy ny "hoe". Ohatra ahitana izany, ao amin'ny "Vetso lavi-kavana" :

"Veloma, hono, hoe ampitao any ho any"

(V.A., lah.91)

sy ny "Omena tsiny ve?" :

"[]"

Ilay havanao, hono, hoe

Misento lava

Fa manina anao, hono, hoe

Te hifanatri-tava."

(V.A., lah.52)

Tsy hadinon'i Abel RATSIMBA ihany koa ny nikalo ny zavaboary, amin'ny maha-sakaizan'ny zavaboary azy. Misy amin'ireo tanisainy no hita sy mivelona eto an-tany ary manana aina na tsia : olona, "tantely", "arosy", "rano"... Misy koa indray ireo eny an'habakabaka : "masoandro", "volana"...

Mbola mampiavaka ny fomba fanoratr'i Abel RATSIMBA sy ny tononkirany koa ny fahaizany mampiasa sy mandravaka ny asa sorany amin'ny ohabolana sy fomba fiteny isan-karazany. Manasongadina ny maha-zava-dehibe sy ny maha-kanto ny asa soratra misy ohabolana i Siméon RAJAONA, manao hoe : "*Ny ohabolana no haingom-bolana na haingom-pitenenana tsara indrindra*".⁽¹¹⁹⁾ Natao handresendahatra ny mpamaky sy/na mpihaino ny amin'ny hevitra ambara sy aposaka aminy no antony ampiasana azy ireny koa, satria zava-marina tsy azo iadian-kevitra ary vokatry ny fandinihana ny fiahara-monina sy ny zava-misy no voarakitra ao anatin'ny ohabolana... Araka izany, azo lazaina ho kanto ny asa soratra misy ohabolana sy fomba fiteny isan-karazany ary mampanan-karena ny sangan'asa koa izy ireny. Raha ny hita ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA no asianteny, misy ireo somary namboariny ny fomba filaza sy ny fomba fanehoana azy ary ny

¹¹⁹ (S.) RAJAONA, *takelaka Notsongaina* I, tak.159.

endrin'ny. Misy kosa indray ny novainy mihitsy ny teny sasany ao anatiny. Izany no nataony, dia ny mba hampifanaraka azy amin'ny tononkirany... Santionany amin'izany ny : " Ny marina tsy mba ho sina ", hoy izy, ao amin'ny " Amiko " (V.A., lah.1), raha toa ka " Ny marina tsy mba maty " no tena izy. Ireto kosa no ohatra amin'ny fomba fiteny : " [] Ny vodisobika aza manan-tandrify " (V.A., lah.68) sy ny " Ny fitadiavana mahazaka maniraka " (V.A., lah.91).

Mbola manavaka sy mampiavaka ny fomba fanoratr'i Abel RATSIMBA hatrany ny fahitana sy ny fampiasany teny verin-droa marobe ao anaty asa sorany. Natao izy ireny mba hilazana fiverimberenenana toe-javatra iray, tahaka ireto manaraka ireto : " mivadibadika ", " nihantahantana ", " safosafo ", " mitsikitsiky ".

Fa anisan'ny misongadina ao amin'ny tononkirany koa ny fahadisoana eo amin'ny lafiny tsipelina-teny. Indraindray, arakaraka ny anononany sy hihirany azy no anoratany ny teny. Ohatra amin'izany : ny *raha* dia soratany hoe " ra " (V.A., lah.37) sy (V.A., lah.22). Ao koa ny " araky ny " (V.A., lah.28) nefa *araka* ny no izy... Ninianay tsy novana tamin'ny endrika nanoratan'ny mpanoratra azy ireny teny diso tsipelina ireny, mba ho fanajana azy mpanoratra ary koa mba hahitana ny fomba fanorany sy ny mampiavaka azy amin'ny hafa.

Tsapa amin'ireo voalaza rehetra ireo fa manana ny safidiny tanteraka ny mpanoratra tamin'ny fifantenana ny voambolana tiany hampiasaina. Ary azo ambara koa fa anisan'ny mitana ny maha-Malagasy ny Malagasy izy. Ny hahakanto sy hahatonga ny asa soratra hanintona sy hanaitra ny olona, haningotra ny saina sy ny fo amam-panahy no tanjona amin'izany. Noho izany, ilaina ny mahafolaka sy mahafehy tanteraka ny teny, indrindra ny tenin-drazana, eo amin'ny sehatry ny fanoratana sy ny literatiora.

Fa toetra iray mampiavaka ny pôezia amin'ny asa soratra sasantsasany ny fisian'ireo sarin-teny ao aminy. Ny sarin-teny izay mampahakanto sy mandravaka ny asa soratra tokoa.

2.2. Ireo sarin-teny

Endri-javatra mihataka amin'ny fiteny andavan'andro no antsoina hoe sarin-teny. Izany hoe, tsy fampiasan'ny olona loatra. Natao sy ampisaina ny sarin-teny, mba handresen-dahatra ny mpamaky sy/na mpihaino, ny amin'ny maha-" zava-kanto

vita amin'ny teny " ny asa soratra vakiany na henoiny, noho ny fisian'ireo karazan-tsarin-teny ao aminy. Manan-karena azy ireny tokoa ny tononkiran'i Abel RATSIMBA. Saika hita ao avokoa mantsy, na ny tamberin-javatra, na ny fanovan-javatra, na ny sarin-teny hafa sisa.

2.2.1.Ny tamberin-javatra

Anisan'ny nanavanana an'i Abel RATSIMBA ny nampiasa ny sarinteny tamberin-javatra. Karazany telo no hita miverimberina sy misongadina, ao anatin'ny sokajy tamberin-javatra, dia ny : " Anaphore ", sy ny " Epiphore " ary ny " Anadiplose ".

2.2.1.1.Ny " Anaphore "

Tamberim-boanten'ny andohan'andalana mifanesy, na tamberin'andalana andohan'andiny mifanesy no atao hoe " Anaphore ". Raha ny tononkiran'i Abel RATSIMBA no jerena, natao ny " Anaphore ", mba hilazana fihetseham-po. Fihetseham-po vokatry ny fandoazan'ny olon-tiana, ary izany dia tsy hay tohaina satria alahelo no vokany, hany ka indroa na mihoatra no miverina ilay teny. Mampiharihary izany ny " Nafokoiko " sy ny " Sahinao " :

" Nafokoiko ilay fitia,

Nafokoiko ny hiara-dia

[]

Nafokoiko teo ny fifaliana,

Nafokoiko teo ny fitsikiana

Ka sento sisa sy toloko

No nameno'zany foko

Nafokoiko teo ny fihantana,

Nafokoiko teo ireo korana

[] "

(V.A., lah.36)

ary ny :

" Sahinao ny nandao 'ty akany

Ry olon'iny

Sahinao ny nandao sy nitsipaka

Ny dina

Sahinao ny ninia nanadino ny fahiny

Sahinao ny nanadino 'ty foko mbola tia. "

(V.A., lah.63)

Ao amin'ireo tononkira ireo, ny " Anaphore " no manokatra ny tononkira tsirairay avy, noho izy natao handokoana ny fihetseham-pon'ny mpanoratra ary hain'i Abel RATSIMBA tsara ny mampifanaraka izany fihetseham-pony izany amin'ilay trangan-javatra miseho.

Mety sy azo ampiasaina koa anefa ny " Anaphore ", mba hanalavana fitenenana sy hanantitranteran-kevitra, araka ny ahitana azy ao amin'ny " Fa izao " :

" Tsy ny volana mitranga

Eny an'habakaba-manga

Tsy ny vorona mandalo

No indramiko hikalo,

Tsy ny hira manan-daza

[]

Tsy ny andro sy ny taona,

'Zay rehetra manoloana

Tsy ny alina mangina

Ny anaovantsika dina,

Tsy ny ora tena mamy

[]. "

(V.A., lah.11)

Fa ankoatra ny " Anaphore ", nampiasa " Epiphore " koa ny mpanakanto.

2.2.1.2. Ny " Epiphore "

Tamberim-boanten'ny amparan'andalana, na tamberin'andalana amparan'andiny mifanesy ny " Epiphore ". Natao izy ity mba handokoana ny

fanaintainana tsy azo toniana, eo amin'ny lafiny fihetseham-po. Ohatra iray ahitana izany ny " Niniako " :

" Niniako nantsoina ny fanadinoana
 Hikosoka am-poko'reo andro taloha
 Nefa izato izy tsy mba maty vonoina
Fa mainka mandrobona sy mamohafoha.
 Niriko ny masoko tsy hahita intsony
 Ilay endrikao sariaka sy mahatehotia
 Nefa ny embona tsy mety mitony
Fa mainka misisika sy manesi-pitia ".

(V.A., lah.40)

Ny " Fa mainka..... Fa mainka... " eto no miverina ary mampiharihary ny fanaintainana eo amin'ny olona iray nisaraka na nilaozan'ny tiany, satria arakaraka ny hanadinoana azy....no vao mainka hahatsiarovana ilay olona izay toa mbola tiana. Ary izay no mahatonga ny fanaintainana ao anaty.

Fa natao koa ny " Epiphore ", mba handokoana ny finiavana sy faniriana te hahalala ny fiainan'ny olon-tiana sy ny olona hiarahany, rehefa misaraka ny roa tonta. Io faniriana sy finiavana io, dia toa miharo fananan-kambo, araka izay hita ao amin'ny " Ilay hasolonao ahy " :

" Izay no vita hatreo, izay zary nankaleo
Hotazaniko tsotra izao
Mba manao ahoana lahy
Ilay hasolonao ahy ?

Ny anarako tsy foana, izato lalanao
Hotazaniko tsotra izao
Mba manao ahoana lahy
Ilay hasolonao ahy?

Ovay ny fombanao, ny ranomaso koa fafao
Hotazaniko tsotra izao
Mba manao ahoana lahy
Ilay hasolonao ahy ?

Izao rehetra izao mbola hanenenanao

Hotazaniko tsotra izao

Mba manao ahoana lahy

Ilay hasolona ahy ?

(V.A., lah.20)

Novaovain'ny mpanoratra ny sarin-teny nampiasainy, mba hahakanto ny asa sorany, na dia mbola ao anatin'ny tamberin-javatra ihany aza. Koa ankoatra ny " Anaphore " sy " Epiphore ", nampiasa " Anadiplose " koa izy.

2.2.1.3. Ny " Anadiplose "

Ny " Anadiplose " dia tamberim-boanten'ny amparan'andalana sy andohan'andalana mifanesy, na tamberin'andalana amparan'andinin'ny sy andohan'andinin'ny mifanesy. Natao ny " Anadiplose ", mba handokoana fihetseham-po toy ny fanaintainana na zavatra tsy mety mitsahatra fa mitamberina ao an-tsaina sy/na ao am-po lalandava. Santionany ahitana izany ny " Tsiahy ".

" []

Noho ny omaly nampijaly

Nampijaly itony tenako.

(V.A., lah.79)

Mety hifono fampaherezana sy fampirisihana ihany koa anefa ny " Anadiplose ", araka izao manaraka izao :

" Tsy kivy ianao,

Izaho koa.

Fa vohizo malaky

Vohizo malaky ho tody ery

Am-pita ny lakam-pitia. "

(V.A., lah.58)

Tsy ny sokajy tamberin-javatra ihany akory no hita ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA. Tsy nohadinoiny ny nandravaka azy ireny tamin'ny alalan'ny filalaovana tamin'ny sarin-teny fanovan-javatra.

2.2.2. Ny fanovan-javatra

Karazana fanovan-javatra telo no hita ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA : ny " Synécdoque ", ny " fanovana anarana " ary ny fanovana endri-javatra.

2.2.2.1. Ny fanovana anarana

a) Ny "Synécdoque"

Sarin-teny isehoan'ny ampahany misolo ny tena manontolo ny " Synécdoque ". Raisina ho ohatra hanazavana izany, ny voarakitra ao amin'ny " Tsiahy ", manao hoe :

" Hohadinoiko ilay tsy foiko
Satria voatery ho ahy irery
Noho ny omaly nampijaly
Nampijaly itony tenako. "

(V.A., lah.79)

Ny teny hoe " omaly " eto dia ampahany ihany amin'ny lasa, kanefa misolo tena ny lasa rehetra.

b) Ny "Métonymie"

Tononkira iray ahitana azy io, ohatra, ny "Palôma"

" []

Mijohy ny fo fa indrisy handao anao

[] ".

(V.A., lah. 53)

Ao amin'io andalana io, ny " fo " = ranomaso. Izany hoe, ranomaso no teny nandrasana teto, kanefa " fo " no misy sy mitranga.

Avy ao am-po no mivoaka ny alahelo, izay miseho amin'ny alalan'ny ranomaso. Io no rohim-pihavanana na rohin-kevitra misy eo amin'ireo teny ireo , ka

mahatonga ny fanovana anarana eto. Natao moa ny fanovana anarana, mba tsy hivantambantana ny filazan-javatra.

2.2.2.2.Ny fanovana endri-javatra

Ny fanovana endri-javatra na ny " *métaphore* " no antsoin'ny mpandalina ny fomba filazan-javatra hoe " mpanjakan'ny sarin-teny ".

Misy karazany telo ny fanovana endri-javatra nampiasain'ny mpanoratra ao amin'ny tononkirany.

Voalohany : nampiasa fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana izy :

" Ny mangina dia sento mandalo
[] "

(V.A., lah. 32)

Ny teny hoe " mangina " sy ny " sento mandalo" no ampitoviana ao amin'io andalana io, ary ahitana kian-teny dia izay mitovy dika amin'ny hoe " mira " eo anelanelan'izy ireo. Izany hoe, " mangina " = " sento mandalo ".

Natao eto ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana, mba hampitoviana ireo toe-javatra roa ireo sy hanasongadinana azy ary koa hambaboana ny mpamaky sy/na mpihaino, noho ny fomba filazan-javatra mihataka amin'ny andavan'andro.

Fa karazana fanovana endri-javatra faharoa hita ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA, ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafoanana ny oharina. Ao amin'ny " Palôma " sy " Seto mahery ", ohatra, no ahitana izany, araka izao :

" Tiany ianao, ry domoinany anefa,
[]. "

(V.A., lah.53)

sy ny : " []

Fa saingy nanainga ny vorona arosy
[]. "

(V.A., lah. 68)

Ny " domoina " sy ny " arosy " no anoharana ao amin'ireo tononkira ireo ary ilay vehivavy olon-tiana no oharina.

Samy vorona na ny " domoina " na ny " arosy ". Noraisin'ny mpanoratra iry voalohany ho solon'anmarana iantsoana ny olon-tiana, rehefa tena mifankatia ny olondroa. Vorona tsara bika aman'endrika sy mahafatifaty mantsy ny " domoina ". Koa tsy mahagaga raha io no teny nataony ho anoharana eto. Fa " *karazana vorona andrano iray tarika amin'ny ANGAKA, ny ganagana, ets* (¹²⁰) " kosa ny arosy, hoy RAVELOJAONA. Koa rehefa mandao ny olon-tiany kosa ny vehivavy, dia novainy ho " arosy " no filaza azy. Tsy tamana teo amin'ny rano na farihy tokony honenany sy hitoerany ny " arosy " ary nandao ny moron-drano nahazatra azy mihitsy. Ny olona koa, mety handao ny malalany izay nifankatia taminy. Araka izany, samy mety ho hita amin'ny olona ny toetra ananan'ireo vorona ireo. Izay no antony nanafoanana ny oharina ary nanoharana ilay vehivavy tamin'ny " domoina " sy " arosy ".

Tsapa eto ny fahaizan'ny mpanoratra mifantina ny voambolana ampiasaina, mba hifanaraka amin'ny hevitra tiany hambara. Ary porofo iray maha-matihanina azy eo amin'ny sehatry ny fanoratana izany.

Fa mbola fanovana endri-javatra hita ao amin'ny hiran'i Abel RATSIMBA hatrany, ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina. Izany hoe, ny toetry ny anoharana no atafy ny teny tondroina ho oharina. Ampiasaina ity karazana ity, mba handokoana ny faharavam-pitiavana, tahaka izay misy ao amin'ny " Tsisy tsiny " :

" Faly koa ianao nahazo "

Ny fikasana dia nalazo

[]. "

(V.A., lah.82)

Ny " fikasana " no oharina ary ny " nahazo " no toetry ny anoharana atafy ny oharina. Araka izany, tsy misy anoharana ao amin'ireo andalana ireo, fa ny toetrany no misy : " nalazo ". Toetran'ny zava-maniry milofika na efa ho maina sy mitady ho faty mihitsy aza ny hoe " nalazo " ary atafy ny " fikasana " eto. " Nahazo " ny " fikasana " satria rava sy tsy tanteraka fa nirodana ny fitiavana.

Mbola ahitana fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina ihany koa, no hita ao amin'ny " fararano harivariva " :

¹²⁰ RAVELOJAONA, *Firaketana ny fiteny sy ny zavatra malagasy A-E*, Imprimerie Industrielle. Rue Galliéni, Tananarive, Jan. 1937, tak.403.

" Volana tomaratra tsinjo ery an-danitra
Falifaly miran-tava toa endrik'olon-tiana "

(V.A., lah. 13)

Ny " volana " no oharina ary " falifaly miran-tava " no toetry ny anoharana, atafy ny " volana " eto. Natao indrindra ity fanovana endri-javatra ity, mba handokoana ny toetra ananan'ny teny anoharana.

Fa ankoatra ny sarin-teny tamberin-javatra sy ny fanovan-javatra, misy sy ahitana sarin-teny sisa koa ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA.

2.2.3. Sarin-teny hafa sisa

Santonany sy ohatra vitsivitsy tsapanay fa misongadina ary mifandraika amin'ny " fitiavana " ihany no asehonay eto, toy ny : " Ellypse ", " Gradation ", ny " parallelisme ", " Intérrogation oratoire ", " Epiphonème " ary ny filalaovana amin'ny zana-teny " tsy...fa ".

2.2.3.1. Ny " Ellipse "

Ny " Ellipse " dia sarin-teny anafoanana teny iray na andian-teny ao anaty fehezan-teny iray, ka nahatonga ilay fehezan-teny tsy ho feno ara-drafitra sy ara-kevitra. Ohatra ahitana izany ny lohatenina tononkira hoe :

" Hadisoako angamba " (V.A., lah. 15)

sy ny "Tsy nofy intsony " (V.A., lah.85)

Raha ny " Hadisoako angamba " no jerena, dia tsy misy lazaina (L) ao ary toy

EM RF

izany koa ny ao amin'ny " Tsy nofy intsony " : Enti-milaza (EM) ihany no ananany, fa tsy misy lazana (L).

Noho izany, natao indrindra ny " ellipse " mba hanerena an-kolaka ny mpamaky sy/na mpihaino, hamantatra sy/na hameno ny tian-kambara. Ny tian'ny mpanoratra hambara, raha fenoina na tohizana ireo lohateny ireo, dia toy izao : " Hadisoako angamba ny mitia anao ", tsy nofy intsony fa tanteraka ny faniriany hiara-dia amin'ilay tiany ".

Fa ohatra iray ahitana " ellipse " koa ny " Tsiahy " :

" []

Hadisoako ve ny mitia anao,

Angamba ny hafa hoe : tsy mety izao ?

[]. "

(V.A., lah. 81)

Ao amin'io andalana faharoa io, eo anelanelan'ny teny hoe " hafa " sy ny " hoe ", dia tokony hisy teny hoe : " hanao " na " hiteny ", ohatra, mba hahatonga azy hazava sy ho feno.

Fa mbola ao anatin'ny sokajy sarin-teny hafa isa ihany, ny " Gradation " ary ahitana izany ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA.

2.2.3.2. Ny " Gradation "

Fandaharana an-tanan-tohatra ny zavatra ambara no atao hoe " Gradation ", raha adika amin'ny teny malagasy. Santionan-tononkira roa ahitana azy io no asehonay eto :

" Fa ianao mitomany, reraky ny ankasao

Kivin'ny adin-tsaina ka latsa-dranomaso

Mitanondrika foana tsy mety mitraka

[]. "

(V.A., lah. 4)

sy ny

" Sentonsento, alahelo sy tomany

Eny, fantatro fa izay no vokatr'izany

Nefa aza kivy, mitraka, mijoroa sombinaina

[]. "

(V.A., lah. 84)

Tsapa amin'ireo andinin-tononkira ireo ny fisian'ny fandaharana an-tanan-tohatra ny hevitra lazaina. Ao amin'ilay voalohany : rehefa " mitomany " ny olona dia " reraka " ary mitarika ho amin'ny fahakiviana sy fandrotsahan-dranomaso izany. Ary amin'ny farany dia " mitanondrika " foana.

Ao amin'ilay faharoa kosa : ny " sentosento " sy ny " alahelo " no mahatonga ny " tomany ". Eo anatrehan'izany, manoro hevitra sy mampahery ireo olona voadona teo amin'ny lafiny fitiavana i Abel RATSIMBA, amin'ny maha-

mpampianatra sy mpanabe, amin'ny maha-mpanoratra sy mpihira azy, mba tsy ho kivy fa hitraka sy hijoro eo amin'ny fiainana.

Araka izany, natao indrindra ny " Gradation ", mba hanehoana ambaratongan-javatra.

Fa ankoatra ny " Ellipse " sy ny " Gradation ", ahitana " Parallélisme " koa ao amin'ny tononkirany.

2.2.3.3.Ny " Parallélisme "

Sarin-teny ampiasaina fehezan-teny maromaro mifanesy ka mifamaly avokoa ny vaham-pehezan-teny hita ao, no atao hoe " parallélisme ".

Ahitana azy io, ohatra, ny ao amin'ny " fa izao " sy ny " Lasa ianao ", araka izao manaraka izao :

" []
Tsy ilay feo miantso avia // Tsy izao tontolo izao
No milaza fa hoe tia // No itiavako anao. "

(V.A., lah. 11)

ary ny: Lasa ianao vao tsapako // Lasa ianao vao hitako
Fa ny alaheloko tsy zakako, // Fa nanenenako izay vitako

(V.A., lah. 27)

Ao amin'ilay tononkira voalohany, mitovy ny isan'ny vahana ; izany hoe, fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana ary koa mitovy hevitra. Tahaka izany koa no hita sy misy ao amin'ny andinin-kira faharoa : mitovy ny isan'ny vahana ary mitovy koa ny hevitra.

Ny " Parallélisme " dia natao handresen-dahatra ny olona itenenana, ka ny olon-tiana no iantefan'izany ao amin'ireo ohatra ireo.

Anisan'ny nampiasain'i Abel RATSIMBA ihany koa ny " Interrogation oratoire ", mba handravahany ny tononkirany.

2.2.3.4. Interrogation oratoire

Sarin-teny ilalaovana amin'ny fanontaniana tsy iandrasam-baliny ny " Interrogation oratoire ", satria ny valiny dia efa any an-tsain'ny mpamaky.

Ny " Tarigetra " sy ny " Isan'andro ", ohatra, dia hitana azy io, ary toy izao no anehoan'ny mpanoratra azy :

" Nahoana ny fiainana eto antany
No misy manavaka ambony sy ambany
Tsy azo atao ve ny mifampita
Ka ho foana ny manao hodio tsy hita ? "
(V.A., lah. 71)

ary ny: " Vao nitia aho, ianao no niandohany
Raha mivetso aho, ianao no niantefany
Hohadisoako ve ny hanambara aminao
Ny teny fohy hoe : Tiako ianao ? "
(V.A., lah. 23)

Fa ankoatra ireo sarin-teny ireo, ahitana " Epiphonème " koa ao amin'ny tononkiran'i Abel RATSIMBA.

2.2.3.5. Ny " Epiphonème "

Sarin-teny mamintina amin'ny fomba miaingitra ny famelabelarana natao na mbola hatao, no antsoina hoe " Epiphonème ".

Raisina ho ohatra hanazavana, sady ahitana izany ny lohatenina tononkira roa, dia ny " Hadisoako angamba " (V.A., lah.15) sy ny " Tsy nofy intsony " (V.A., 85).

Ao amin'ireo lohatenin-tononkira, nofintinin'ny mpanoratra tamin'ireo teny ireo ny zavatra na ny hevitra holazainy ao anatin'ny hirany, satria raha velabelarina ny heviny ao amin'ilay tononkira voalohany, dia mametra-panontaniana ihany izy hoe : Hadisoana ve ny mitia ? Rehefa tena zohina ny zavatra ambarany ao, dia valiany fa tsy fahadisoan'ny olona akory ny mitia olona iray.

Ao amin'ilay lohateny faharoa indray : nofintininy tamin'ny teny hoe " Tsy nofy intsony " ny vontootin'ilay tononkira izay maneho ny fahatanterahan'ny faniriany hiara-dalana amin'ny olon-tiany.

Farany, anisan'ny misongadina ao amin'ny asa soratr'i Abel RATSIMBA ihany koa ny filalaovana amin'ny zana-teny " tsy...fa ... ".

2.2.3.6.Ny zana-teny " tsy...fa... "

Natao indrindra ny zana-teny mifamaly " tsy...fa... ", mba hanehoana fifanoheran-kevitra, ka ny saina aman'eritreritra dia mirona mankany amin'ny tapany faharoa. Natao koa anefa izany, mba hambaboana sy handresen-dahatra ny olona itenenana, ny amin'ny zavatra ambara aminy.

Ohatra iray mampibaribary izany ny " Fa izao " :

" Tsy ny volana mitranga
 Eny an'habakaba-manga
Tsy ny vorona mandalo
 No indramiko hikalo,
Tsy ny hira manan-daza
 No heveriko hahalaza
 Sy hahaboraka aminao
 Ny fitiavako anao.

Tsy ny andro sy ny taona,
 'Zay rehetra manoloana
Tsy ny alina mangina
 Nifanaovantsika dina,
Tsy ny ora tena mamy
 'zay niarahana hatrany
 No hoe hahasambatra

Ny foko raha atambatra.

Fiverenana : Fa izao no tena tiako

Dia ny ao am-ponao ao

No ho ahy hitosiako

Sy hanjakako tsotra izao.

Tsy ny bika tena soa

‘Zay anananao tokoa

Tsy ny tsiky sesilany

‘Zay atolotrao hatrany,

Tsy ilay feo miantso avia

No milaza fa hoe tia

Tsy izao tontolo izao

No itiavako anao. "

(V.A., lah. 11)

Rehefa dinihina io tononkira io, tsapa sy hita ny fiverimberenana'ny " Tsy... ", izay arahina " fa... " tokana. Koa ny hevitra rehetra ialohavan'ny " tsy " eto dia azo lazaina hoe diso ary mitory fandavana koa ny " tsy " ; fa izay ambara aorian'ny " fa " no heverina ho marina. Natao ihany koa ny " fa " eto, mba hanitsian-kevitra. Izany hoe, tsy ireo rehetra rehetra ireo no itiavan'ny mpanoratra ilay olon-tiany fa ny fitiavana ao am-pony.

Araka izany, miasa ho amin'ny fanalavana fitenenana, ary indrindra natao hambaboana sy handresen-dahatra ny olona itenenana ny " tsy...fa... " eto.

Tsapa amin'ireo rehetra ireo fa tena manan-karena sarin-teny ny tonon-kiran'i Abel RATSIMBA, satria saika hita ao amin'ny asa sorany avokoa ireo sokajin-teny telo, dia ny tamberin-javatra sy ny fanovan-javatra ary ny sarin-teny hafa sisa. Araka izany, azo lazaina ho kanto sy miavaka ary mambabo sy maningotra ny fo sy ny saina amam-panahy tokoa ny hevitra sy ny fihetseham-po fonosin'ireny sarin-teny ireny. Voaporofo amin'ireo koa fa manana ny fomba fanoratra mampiavaka azy i Abel RATSIMBA, raha ny fisian'ireo sarin-teny marobe mandravaka ny hirany no jerena. Tianay anefa ny maneho sy manamarika etoana fa ireo karazan-tsarin-teny hita ho misongadina sady misy ifandraisany amin'ny tara-kevitra " fitiavana " ihany ireo nasehonay ireo, fa tsy izy rehetra akory.

Maneho izay voalaza rehetra izay, fa na ny lohateny nomen'ny mpanoratra ny asa sorany, na ireo andalana sy andininy, na ny rima izay manome fahafinaretana ho an'ny sofina, nampian'ny fahaiza-mifantina ireo teny sy voambolana nampiasaina, dia azo ilazana fa kanto ny tononkiran'i Abel RATSIMBA. Vao mainka manamafy sy manampy izany mba ho tsara kokoa hatrany ny fandravahany azy ireny tamin'ny ohabolana sy fomba fiteny ary ireo sarin-teny isan-karazany...

Voaporofo amin'ireo koa fa poëzia mifono hevi-dalina sy mafonja ny tononkirany ary azo lazaina ho poeta manana ny maha-izy azy eo amin'ny sehatry ny fanoratana na famoronan-kira i Abel RATSIMBA.

Fa na eo aza anefa ireo rehetra ireo, tsy hotomombana ny fepetra maha-literatiora ny literatiora, raha tsy ao ireo mpamaky sy/na mpihaino azy ireny.

TOKO III- NY MPAMAKY SY/NA MPIHAINO ARY MPANKAFY NY TONONKIRANY

Ato amin'ity toko fahatelo ity no natokana hiresahana sy hanazavana ny amin'ny tsy fahafaha-misaraka eo amin'ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamaky sy/na mpihaino. Rehefa izany, dia hampahafantarina ireo mpamaky sy/na mpihaino ary mpankafy ny tononkirany.

3.1. Ny tsy fahafaha-misaraka eo amin'ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamaky sy/na mpihaino

Amin'ny ankapobeny, raha mpamaky no andrasana eo amin'ny sehatry ny literatiora an-tsoratra, dia mpihaino no takian'ny mpanakanto sy ny tononkirany. Tsotra ny antony mahatonga izany : boky no fitaovana hampitan'ny mpanoratra sy handraketany ny asa sorany, mba hahatonga azy ireny ho voarain'ny mpamaky. Fa ny fihainoana raki-kira sy fijerena raki-tsary ary ny fanatanterahana fampisehoana an-tsehatra kosa no fomba mahomby sy mahazatra hampahalalana sy hanapariahana ny tononkira any amin'ny vahoaka. Tianay anefa, ny maneho etoana fa efa misy ireo mpihira miezaka mampahafantatra sy mandika ny hirany amin'ny " *taratazin-dokam-barotra mivalona* (¹²¹)" na " *dépliant*", hoy ry zareo vahiny, na eny amin'ny fononkahie..., mba hovakian'ireo mpanohana azy. Mbola vitsy anefa no manao io fomba io eto amintsika.

Zava-poana sy tsinontsinona ny asa soratra, raha tsy misy mpamaky sy/na mpihaino ary indrindra mpankafy azy ireny. Very maina ny ezaka ataon'ny mpanoratra, raha tsy vakian'ny olona ny asa soratra vokariny. Manamarina izany ilay tononkalo nosoratan'i RADO, mitondra ny lohateny hoe : " Hanoratra ? " :

" Hanoratra indray hoe ? Hanoratra ahoana ?

Ny vita hatrizay aza tsisy mpamaky

Fa tahaka ny resaka atao amin'ny moana

Toa entan-tsy lafo tsy misy mpitaky ." (¹²²)

¹²¹ (F.) RAKOTONAIVO, *Rakibolana-Malagasy*, op.cit., tak.274

¹²² RADO, Zo, tak. 139-140, « *Haisoratra* »

Noho izany, toko iray lehibe tsy afa-misaraka, fa tsy maintsy miara-dalana mandrakariva ary mifameno amin'ny mpanoratra sy ny asa soratra ny mpamaky sy/na mpihaino ary mpankafy. Ambaran-dRASAMIJAONA Malalaniaina ny momba an'io, ao amin'ny *Aina sy hevitra*, manao hoe : " *Ny mpandray no toko fahatelo mahamasa-nahandron'ny tontolon'ny literatiora.* (¹²³)". Tsy voatery ho mpamaky fa mety ho mpihaino koa no tiany hambara amin'ny " mpandray " eto.

Araka io teniny io, oharina amin'ny toko telo tsy afa-misaraka ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamaky sy/na mpihaino. Koa raha ny iray amin'ireo fotsiny no tsy eo, tsy ho masaka mihitsy ny nahandro ary hitongilana ny vilany ka hiaraka sy ho very ny ao anatiny. Toy izany koa no zava-misy eo amin'ny tontolon'ny literatiora. Na manao ny ainy tsy ho zavatra aza ny mpanoratra sy poeta..., mba hamokatra sy hamoaka asa soratra maro, dia tsy misy dikany sy tsy azo lazaina ho literatiora, raha tsy eo ny mpamaky sy/na mpihaino ary ireo mpankafy handray sy hanao ny asa tandrify azy avy. Hoy i Randja ZANAMIHOATRA, ao amin'ny *Vainafo Tononkira* : " *na toinona na toinona heverina ho fiezinezin'ny talentan'ny Poeta, dia tapany ihany : ny talentan'ny mpamaky no manovona azy ho erany* (¹²⁴)".

Mbola manantitra io tsy fahafaha-misaraka io koa i Nalisoa RAVALITERA, ary maneho fa : " *Ny mpanoratra no renin'ny soratra, ny mpamaky no rainy. Zazasary ny asa soratra raha tsy eken'ny rainy* (¹²⁵)".

Araka izany, azo lazaina sy heverina ho ambany ny asa soratra tsy mahaliana ny olona. Toy ny mpivady, mifaningoitra sy tsy afa-misaraka ny mpanoratra sy ny mpamaky na mpihaino, raha io teniny io no dinihina. Izany hoe, ny mpanoratra loharano nipoiran'ny asa soratra no reny, ny mpamaky sy/na mpihaino no ray ary ny asa soratra no zanak'izy ireo. Azon'ilay lehilahy atao ny mandà sy tsy manaiky ary mihevitra ho toy ny tsy misy akory eo amin'ny literatiora sy ny asa famoronana ihany koa ny toy io. Tsy mahasarika ny olona na ny mpamaky sy/na mpihaino ny famokarana ataon'ny mpanoratra, raha tsy mahaliana sy tsy mahafinaritra azy, na tsy kanto...Noho izany, mety hisy ireo sangan'asa tsy ekena sy lavin'ny mpamaky ary tsy azo lazaina ho literatiora satria tsy kanto sy tsy mahaliana... ny olona.

¹²³ (M.) RASAMIJAONA, *Aina sy hevitra*

¹²⁴ (R.) ZANAMIHOATRA, *Vainafo tononkira*, Ambozontany Fianarantsoa, 1969, tak.6

¹²⁵ (N.) RAVALITERA

Miombon-kevitra amin'ireo rehetra ireo ity mpandinika iray ity, ary milaza izy hoe : " *Mifandrohy ny mpanoratra sy ny mpamaky. Saozanina ny voalohany raha mitory teny any an'efitra any ary mandeha an-jambany ilay faharoa raha tsy misy mpitantana sy mpitari-dalana* " (¹²⁶).

Maneho izay voalaza rehetra izay fa mifampiakina tanteraka sy mifameno ny mpanoratra sy ny mpamaky na mpihaino. Reherehan'ny mpanoratra sy ny poeta ny fisian'ny mpamaky sy/na mpihaino marobe, liana sy mankafy ny asa sorany. Tsy moramora anefa ny hahatratrarana izany. Koa raha tiana ny hitiavan'ny olona ny asa soratra, dia mila miezaka mandrakariva ny mpanoratra sy ny mpanakanto, mba hahatonga ny asany ho kanto sy haningotra ny saina sy ny fo amam-panahin'ny mpamaky sy/na mpihaino lalandava. Natao koa izany, mba hisorohana ilay fitenenana hoe : " Valalan'amboa ka na ny tompony aza tsy tia ".

Ho famintinina io resaka momba ny tsy fahafaha-misaraka eo amin'ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamaky sy/na mpihaino io, indro asehonay antsary tsotsotra tahaka izao :



Izay tsy fahafaha-misaraka eo amin'ireo toko telo ireo indrindra, no nitarika ny sainay hanao fanadihadiana sy fikarohana aryhamantatra sy hampahafantatra ireo sokajin'olona mankafy an'i Abel RATSIMBA.

3.2. Ireo mpankafy sy/na mpihaino ary mpankafy ny tononkirany

Azo sokajiana ho efatra ireo mpamaky sy/na mpihaino ary mpankafy ny tononkirany, raha ny fanadihadiana nataonay no jerena. Raha ny eo amin'ny lafiny fampianarana, ao ireo mpianatra sy mpampianatra ; misy kosa indray ny olon-tsotra sy ireo mpiasa amin'ny onjam-peo ary farany, ao ireo mpihira sy mpamoron-kira ary mpitendry zava-maneno. Santionany amin'ireo mpankafy sy/na mpihaino ny tononkirany ihany ireto atolotray ireto, fa tsy izy rehetra akory.

Mialoha ny hampahafantarana azy ireo sy ny heviny mikasika an'i Abel RATSIMBA sy ny tononkirany anefa, dia tianay ny maneho etoana fa miara-miasa amin'ny olona sy/na sokajin'olona rehetra ity mpanakanto ity. Izany hoe, afaka

¹²⁶ Tenina mpandinika iray

miara-miasa sy mangataka azy hihira avokoa, na ny olon-tsotra, na ny fikambanana maro sian-karazany, na ny fokontany, na sekoly, eny, fa na ny fiangonana koa aza...

Tsara ihany koa ny mampahafantatra eto fa tsy mihira irery i Abel RATSIMBA, ao anatin'ny tarika Abel RATSIMBA. Olona maromaro izy ireo no mandrafitra io tarika io sy miara-mihira ao. Isan'izany i Voahirana, zandrin'i Henri RATSIMBAZAFY ary niara-nihira taminy voalohany indrindra. Ao ihany koa i Fidy, i Fanja, i Daddy, i Liva...

Ary rehefa manao fampisehoana eny an-tsehatra indray, tsy voatery handeha na hihira irery izy sy ny tariny, fa maro ireo mpanakanto hafa miara-misehatra aminy, toa an'i Henri RATSIMBAZAFY, Bessa sy Lôla, ny tarika Solika,...

Dia izay no azo nambara mikasika ireo fikambanana... miara-miasa aminy, fa 'ndeha kosa hiroso avy hatrany amin'ny fampahafantarana ireo sokajina mpankafy sy/na mpihaino ny tononkirany, voatanisa teo aloha isika, mba hahalalana ny hevitr'izy ireny mikasika ity mpanakanto ity sy ny hirany.

3.2.1.Ny mpianatra sy mpampianatra

3.2.1.1.Ny mpianatra

Eto am-piandohana, tianay ny manamarika fa sarotsarotra ihany ny nahitana mpianatra mahay sy mahalala ny tononkiran'i Abel RATSIMBA ary mankafy izany. Ny antony mety ho mahatonga izany dia satria tototra na saron'ireo mpihira marobe amin'izao fotoana izao ireo mpanakanto taloha sasantsasany. Eo ihany koa ny tsy mbola nahavitan'i Abel RATSIMBA nandraikitra ny hirany ao anaty kapila mangirana na V.C.D. Amin'izao fotoana mantsy, noho ny fivoarana, ny fananan'ny mpihira kapila mangirana, azon'ny rehetra jerena, no antoka iray mahomby kokoa hahafantaran'ny olona azy haingana, ankoatra ny fanatanterahana fampisehoana an-tsehatra. Noho io tsy fananany kapila mangirana io no heverinay ho antony iray mahatonga ny tanora sasantsasany tsy mahalala sy tsy mahay ny tononkirany. Na izany aza anefa, saika mahafantatra avokoa ireo mpianatra nohatonina sy nifampiresaka taminay fa mpihira i Abel RATSIMBA ; ary izay ihany no fantatry ny ankamaroan'izy ireo mikasika azy.

Araka izany, natao indrindra ity asa fikarohana ity hampahafantarana an'i Abel RATSIMBA sy ireo tononkirany. Indro ary asehonay amin'ny alalan'ny fafana izany fanadihadiana izany :

Fafana : Ny mpianatra mankafy ny tononkirany

Anarana + sekoly	Tononkira ankafiziny	Tara-kevitra	Filazalazana momba ny mpanakanto sy ny hirany
RABEARIVELO Tsanta, Lycée Antanisoa	" Kinanjo ", " Maraina "	Miresaka fitiavan'olondroa sy zava-boaary ireo hira ireo	Mahafinaritra ahy manokana ny hirany satria maneho ny zava-misy mety hiainan'ny olona sy mitranga eo amin'ny fiainana
RAMPANJATO Ravaka, Lycée Moderne Imerintsiatosika	" Na ho tranobongo aza "	Fitiavan'olon- droa	Saika miresaka fitiavana avokoa ny ankamaroan'ny hirany.
ANDRIAMANISA Mbolatiana, Lycée Ampefiloha LMA	" Fa izao ", " Hadisoako angamba "	Fitiavan'olon- droa	Mpanakanto mihira ny fitiavana i Abel RATSIMBA ary hainy tsara ny mamoaka izany amin'ny fomba kanto.
ANDRIAMIALINTSOA Ravakiniaina, LMA	-	-	Tsy mahay ny hirany mihitsy aho, fa fantatro fotsiny hoe mpihira izy.
RABEMANANTSOA Harimalala, Lycée RABEARIVELO	" Ny foko vao nitia "	Fitiavan'olon- droa	Sariaka sy tso- piainana izy. Mifono anatra ny ankamaroan'ny hirany.

Hita sy tsapa amin'io fafana io fa ny tononkira miresaka fitiavana eo amin'ny olon-droa no tena ankafizin'ireo mpianatra.

Tsy mahagaga izany, amin'ny maha-tanora azy ireo, satria saika miditra eo amin'ny sehatry ny fitiavana avokoa ny olona, eo amin'ny fotoanan'ny fahatanorana.

Fa mbola eo amin'ny sehatry ny fampianarana ihany, ao koa ireo mpampianatra mankafy an'i Abel RATSIMBA sy ny hirany.

3.2.1.2. Ny mpampianatra

Fafana : Ny mpampianatra mankafy ny tononkirany

Anarana + sekoly	Tononkira ankafiziny	Tara-kevitra	Filazalazana momba ny mpanakanto sy ny hirany
RASOARIMALALA Victorine, EPP Ampasambazimba Morarano Antongona	" Tsy ampy ", " Hadisoako angamba "	Fitiavan'olon-droa	Azo lazaina fa olona miaina ao anatin'ny fitiavana izy matoa mikalo fitiavana. Saika ankafiziko sy haiko avokoa ny hirany.
RAZANADRAKOTO Heriniaina, Collège Privée Fanavotana	" Ry alina ô ! ", " Samy tia "	Tononkira mifono fahatsiarovana ny lasa sy maneho fitiavan'olon-droa	Olona sariaka sy tsotra i Abel RATSIMBA ary mora ifandraisana. Tsy mahagaga izany satria mpanakanto izy
RAVELOMANANTSOA Julienne, EPP Andavamamba	" Maraina ", " Sahinao "	Zava-boaary sy fitiavan'olon-droa	Sariaka sy tsotra ny fahitako azy ary tsapa izany rehefa manao fampisehoana izy. Saika haiko sy mahafinaritra ahy ny hirany sy ny tonony.
RABEFIRENENA Joely Soloniaina, Alarobia Ambatomanga – Manjakandriana	" Ry alina ô ! ", " Raha tsiahivina ", " Palôma "	Fahatsiarovana ny lasa sy fitiavan'olon-droa	Milantolanto ny hirany, amin'ny ankapobeny ary saika miresaka fitiavana avokoa. Jejojejo lahy izy, indrindra rehefa eny ambony sehatra. Izany hoe : tia mihetsika sy mandihy.

Tamin'ireo mpampianatra efatra nanontaniana sy nifampiresaka taminay, dia ny tononkira miresaka fitiavan'olon-droa no ankafizin'izy ireo kokoa sy tsy afaka eo am-bavany, raha natao ny fampitahana.

Raha izay àry no hevitra'ireo mpianatra sy mpampianatra, ahoana kosa no fahitan'ny olon-tsotra azy sy ny fankafizany ny tononkirany ?

3.2.2.Ny olon-tsotra

Fafana : Olon-tsotra mankafy ny tononkirany

Anarana + asa	Tononkira ankafiziny	Tara-kevitra	Filazalazana momba ny mpanakanto sy ny hirany
RAKOTOMALALA Vololontsahondra, Mpitan-tsoratra ny Fokontany Antohomadinika	" Raha nambinina ", " Jereo ny kamboty "	Fifampitsimbinana sy fifanampian'ny samy mpiara-belona	Olona tsotra sy sariaka ny fahitako azy. Feno fanananarana sy torohevitra ny hirany.
RAMIARANDRAISOA Fanja, Mpanjaitra lamaody	" Tsy nofy intsony " " Ny foko vao nitia "	Fitiavan'olon-droa	Azo ifampiresahana tsara izy ary azo raisina tsara ny tononkirany
RABESOELY Andrianarison, Mpianany taloha	" Amiko ", " Fa izao ", " Hadisoako angamba ", " Na ho tranobongo aza "	Fitiavan'olon-droa	Mpianany tamin'ny 1978 tao amin'ny EPP 67 ha aho. Izay no nahalalako azy voalohany indridnra. Saika ankafiziko daholo ny hirany.
RANDRIAHAJA Nantenaina Désiré, Tailleur	" Ry alina ô! ", " Samy tia "	Tononkira miresaka ny lasa... ary fitiavan'olon-droa	Saika miresaka fitiavana ny hirany ary mahasintona ny saina sy ny fo, na ny tonony na ny feony.
HANITRINIONY Lantoniaina, Mpanjaitra	" Ny lasantsika ", " Ny foko vao nitia "	Fitiavan'olon-droa	Mahafinaritra ny tonony sy feony.

Araka io fafana io, olon-tsotra dimy no nifampiresaka taminay sy nanaovanay fanadihadiana. Ny efatra tamin'izy ireo dia mankafy ny hiram-pitiavana eo amin'ny olon-droa ary ny iray kosa mankamamy ny tononkira maneho ny fifampitsimbinanana sy ny fifanampian'ny samy olombelona.

Fa amin'ny maha-hira ny asa soratr'i Abel RATSIMBA, dia nanatona sy nifampiresaka tamina mpiasan'ny onjam-peo koa izahay. Nisy tamin'izy ireo no tsy nanome ny heviny momba ny fahitany ny hiran'i Abel RATSIMBA manokana, fa ny hira amin'ny ankapobeny no nasiany teny. Toy izao manaraka izao, raha aseho amin'ny alalan'ny fafana izany :

3.2.3. Ireo mpiasan'ny onjam-peo

Anarana	Tononkira ankafiziny	Tara-kevitra	Filazalazana momba ny mpanakanto sy ny hirany
RABEMANANJARA Danny, mpiasan'ny R.N.M T. Gilbert, mpiasan'ny R.N.M.			Izay hiran'ny mpanakanto rehetra tonga eto amin'ny radiô dia tianay avokoa. Tsy afaka ny hilaza izahay hoe ankafizinay kokoa ny hiran'i Abel RATSIMBA... noho izao... raha mitaha amin'ny hiran'i..., amin'ny maha mpiasan'ny onjam-peo anay. Noho izany, tsara sy mahafinaritra avokoa ny hira rehetra, na an'iza na an'iza.
RANDRIANAIVOJAONA Roger, mpiasa ao amin'ny " discothèque "n'ny R.N.M	" tsy ampy ", " Tsy nofy intsony ", " Hadisoako angamba "	Fitiavan'olon-droa	Saika hiram-pitiavana eo amin'ny olon-droa no hirainy. Tiako ny hirany satria milamindamina. Noho izay, natao hohenoana sy hakana fahafinaretana... ny hirany fa tsy misy firy natao handihizana.

Araka ny fanadihadiana nataonay teny amin'ny Radiô Madagasikara moa, ao anatin'ny iray volana dia hira iray na roa eo ho eo amin'ireo sangany'asan'i Abel RATSIMBA no mandeha mivantana ao amin'ny onjam-peo (¹²⁷). Noho izany, azo lazaina ho antony iray mahatonga ny tsy fahafantaran'ny olona, indrindra ny tanora ny hirany koa io toe-javatra io.

Fa ankoatra ny mpianatra sy mpampianatra ary olon-tsotra sy ireo mpiasa ao amin'ny radiô, tsy nohadinoinay ihany koa ny nitafa sy nidinidinika tamin'ireo mpihira sy mpamoron-kira ary mpitendry zava-maneno vitsivitsy.

3.2.4. Ireo mpihira sy mpamoron-kira ary mpitendry

3.2.4.1. Ireo mpihira

Anarana	Tononkira ankafiziny	Tara-kevitra	Filazalazana momba ny mpanakanto sy ny hirany
RAKOTONDRAZAKA Tsiry Mamonjy , Mpihira ao amin'ny Tarika Solika	" Tsy nofy intsony ", " Raha tsiahivina "	Fitiavan'olondroa	Mahafinaritra, indrindra rehefa eny ambony sehatra, somaly jejojejo sy mahay mihetsika tsara
RAKOTONIAINA Andriamamonjy, Beson'ny Solika	" Na ho tranobongo aza ", " Teo amoron-drano "	Fitiavan'olon- droa	Mitsikitsiky foana rehefa mifanena, mahay mihaingo : akanjo, kiraro... indrindra rehefa hanao fampisehoana
RALAIMIHOATRA Fidy, Mpihira ao amin'ny Solika	" Ry alina ô !", " Tsy nofiko intsony "	Fahatsiarovana sy fitiavan'olondroa	Mahay mihira izy satria ao anatiny ny talenta, ary hainy ny mampiaina ny hirany eny an-tsehatra. Hainy koa ny mampifanaraka ny tonony sy ny fihetsika ataony. Jejojejo izy, mihetsiketsika.

¹²⁷ Resadresaka nifanaovana tamin-Drandrianavojaona Roger, ny Alarobia 18 Oktôbra 2006

Anarana	Tononkira ankafiziny	Tara-kevitra	Filazalazana momba ny mpanakanto sy ny hirany
BESSA, Mpihira	" Tsy nofy intsony ", " Samy tia "...	Fitiavan'olon-droa	Olona milomano mihitsy eo amin'ny sehatry ny zava-kanto izy. Mahay miara-miaina amin'ny olona rehetra izy ary efa tena matihanina eo amin'ny lafiny hira. Fatra-panaja ireo mpijery azy izy : eo amin'ny fomba fiakanjo, dia tsy mbola nanao " jean ", na tsy nikiraro... teny ambony sehatra izy. Hainy ny mampifanaraka ny maha-mpihira sy maha-mpampianatra azy. Ny hirany indray dia mety foana rehefa henoina, manan-kolazaina hatrany hatrany.

Fa ankoatra ireo mpihira tojo sy nifampiresaka taminay, nitafa tamina mpamoron-kira sy mpitendry zava-maneno vitsivitsy koa izahay. Noho i Abel RATSIMBA manan-talenta amin'ny famoronana tononkira sy feon-kira, kanefa tsy mahay mitendry zava-maneno sy tsy mahay ny resaka momba ny sôlfa... no antony nanaovanay fanadihadiana tamin'izy ireny, mba hanaporofoana ny mety ho fisian'ny olona toy izany.

3.2.4.2. Ireo mpitendry sy mpamoron-kira

Anarana	Mety misy ve olona mahay mamoron-kira sy feon-kira, nefa tsy mahay mitendry sy tsy mahay sôlfa... ? Inona no antony ?	Mora ho an'ny mpitendry ve ny mitendry sy mandray ilay feon-kira ?
RATIANARIVO Felix Edmond (Tiana), mpitendry zava-maneno.	Eny, ary maro mihitsy ny toy izany fa tsy vitsy. Ny antony : vao teraka ny olona dia efa manana ny " mélodie " na ny feon-kira ; ary mitombo miaraka amin'ny sainy izany. Noho izany, afaka mamorona feon-kira daholo ny olona. Ny famoronana hira indray : rehefa manan-talenta amin'ny fanoratana ny olona iray vao mahavita azy.	Tsy mananosarotra satria ny mpitendry dia efa nianatra ny lafiny mozika... ary raha vao henoiny ny feon-kira dia hainy ny " accord ".
RAVALISOA Andriamihajarimanana Ratsizafy (Eric Ravalisoa), mpanoratra ao amin'ny Havatsa no sady mpamoron-kira koa.	Misy mihitsy ny olona tsy mahay mitendry sy tsy mahay sôlfa nefa mahaforona feon-kira. Noho ny fananan'ny olona tsirairay avy " mélodie " no antony ahaizany sy ahavitany izany. Ohatra : na, na, na, na... : azo lazaina ho " mélodie " na feon-kira iray io.	Eny , mora ho azy, mahafehy ny lafiny mozika izy. Ho an'ny mpihira toa an'i Abel RATSIMBA mantsy dia azony atao ny mandray feo ilay hira ao anaty horonam-peo aloha, tsy misy feon-java-maneno ary iny no asaina henoin'ilay mpitendry, mba hahafahany maka ny " clé ".. momba ilay hira

Anarana	Mety misy ve olona mahay mamoron-kira sy feon-kira, nefa tsy mahay mitendry sy tsy mahay sôlfa... ? Inona no antony ?	Mora ho an'ny mpitendry ve ny mitendry sy mandray ilay feon-kira ?
BESSA, mpamoron-kira sady mpihira no mpitendry	Betsaka ny olona toy izany. Ny antony : misy noho ny fanomezam-pahasoavana avy any andanitra no ahavitany azy, nefa eo koa ny " mélodie "	Anjaran'ny mpitendry no mandika sy/na mamadika azy ho sôlfa na naoty azo vakiana eo amin'ny lafiny mozika ary tsy sarotra ho azy ny manao an'io.
RABESON Liva, mpitendrin'i Abel RATSIMBA	Betsaka ny olona tsy mahay mitendry ..., toa azy kanefa mahay mamorona feon-kira, noho ny fananany " mélodie "	Mora raisina ny " mélodie " an 'i Abel RATSIMBA ary saika mahay azy daholo ny mpitendry " clavier ". Ary noho izahay efa 17 taona niarahana dia toa mandeha ho azy izany.

Araka izany, tsy voatery ho ny olona nianatra sy nandalina ny mozika sy ny fitendrena zava-maneno... ihany akory no afaka mamorona hira sy feon-kira. Marina ary ekena fa mila talenta ny famoronana sy fanoratana, eo amin'ny sehatry ny literatiora, kanefa kosa ny olon-drehetra dia afaka mamorona feon-kira iray, nofo ny fisian'ilay antsoina hoe " mélodie " ao aminy. Ary ohatra iray azo anaporofaona izany i Abel RATSIMBA : tsy mahay mitendry, tsy mahay sôlfa fa mahavita sy mahaforoana tonony sy feon-kira.

Fehiny

Raha fintinina izay voalaza rehetra tato amin'ity fizarana fahatelo momba ny fomba fanoratra ny mpanoratra ary ny mpamaky sy/na mpihaino ity, dia azo lazaina fa niezaka naneho ireo tononkirany tamin'ny fomba kanto i Abel RATSIMBA. Hita sy tsapa izany tamin'ny fomba fanorany. Raha ny endrika ivelany isehoan'ireo tononkirany no jerena, mahakanto ny sangan'asany ny fahaizany nifisy ny lohateny nampisalarany azy ireny. Teo ihany koa ny fahafolahany sy ny fahafehezany ary ny fahaizany nifantina sy nandravaka ny asa sorany tamin'ny alalan'ny ohabolana sy ny fomba fiteny Isan-karazany, izay nampian'ireo sarin-teny maro samihafa, mba hahatonga azy hiavaka sy hihataka amin'ny mahazatra. Ary ireo rehetra ireo dia nomeny endrika ho tonga andalana sy andininy, azo vakiana. Vao mainka manamafy sy manampy izany ny fisian'ireo rima, mandrotsirotsy sy manome fahafinaretana ny sofin'ny mpihaino sy/na mpamaky. Tsy afaka ny handeha irery anefa ny mpanoratra sy/na ny poeta. Noho izany, mila sy mitaky ny fiaraha-miasa amin'ny mpamaky sy/na mpihaino izy ireny. Na miezaka sy manao ny ainy tsy ho zavatra aza mantsy izy, raha tsy ao aireo mpamaky sy/na mpihaino vonona hanao ny asany ary hankafy ny asa soratra, dia zava-poana izany rehetra izany. Koa anjaran'ny mpanoratra sy/na ny poeta no miezaka ny hanao izay hahatonga ny asa sorany hambabo sy haningotra ny fo sy saina amam-panahin'ny olona lalandava, mba hahatonga azy ireny ho voasintona sy hankafy izany hatrany.

TENY FAMARANANA

Mpanakanto azo lazaina ho kalaza eo amin'ny sehatry ny hira malagasy i Abel RATSIMBA. Na eo aza ireo tanora marobe vao misandratra eo amin'ny tontolon'ny hira sy ny mozika, dia tsy mena-mitaha amin'izy ireny ny lehilahy, ary mahasedra sy mahatety vanim-potoana, tsy lefy laza ny tononkirany. Manamarina izany indrindra ny lahatsoratra iray navoakan'i Lalaso R., tao amin'ny *Gazety Ny Vaovaontsika*, momba azy, manao hoe: « [] Abcl RATSIMBA. Anarana [] tsy voakosoka ao anatin'ny diarin'ny hira sy ny mozika malagasy []. Miavaka raha samy mpanakanto izy [] noho ny fcomanga sy ny tononkirany tsy mifidy vanim-potoana voiziny [] .¹²⁸ Ny tara-kevitra ny fitiavana, izay mety hiseho amin'ny endrika maro ary nokaloin'i Abel RATSIMBA, no notrandrahina sy nofakafakaina tato amin'ity asa ity.

Fizarana telo lehibe no nandrafitra ny asa nataonay, ka ny fizarana voalohany no natokana nampahafantarana ny tantaram-piainan'i Abel RATSIMBA amin'ny maha-olon-tsotra ary amin'ny maha-mpanakanto azy.

Ny fizarana faharoa kosa no nandalinana sy nitrandrahana ireo kalom-pitiavana nokaloin'i Abel RATSIMBA. Nandritra sy tao anatin'izany no nahatsapana fa misy fitia mifamaly eo amin' Andriamanitra sy ny olombelona. Araka izany, tsy ny olombelona ihany no tia an'Andriamanitra, fa Izy koa tia antsika olombelona. Ankoatra io fitia mifamaly eo amin' Andriamanitra sy ny olombelona io, anisan'ny endrim-pitiavana faharoa nokaloin'i Abel RATSIMBA koa ny fitiavan-tanindrazana. Azo porofoina amin'ny fitiavana ireo zavaboary ao amin'ny tanindrazana, na ny olona izany na ny biby, ary koa ny fandalana ny maha-Malagasy sy ny fiezahana hampandroso ny tanindrazana amin'ny fomba rehetra, ny fitiavan-tanindrazana. Fa endrika fahatelo mbola isehoan'ny fitiavana ary nohirain'i Abel RATSIMBA koa ny fitiavan'olon-droa. Novelabelarina tamin'izany ireo dingana telo mety handalovan'ny fitiavana, manomboka eo amin'ny fitsiriany, mandalo eo amin'ny fotoam-pivellarany ary miafara amin'ny faharavany, noho ny antony maro samihafa mety ho nahatonga izany.

128 (L.) R., *ny Vaovaontsika*, lah.O665, Zoma 21 Jolay 2006, tak.6, «Henri Ratsimbazafy & Abel RATSIMBA. Haneho indray ny feomangan'izy ireo.

Tao amin'ny fizarana fahatelo farany no nandinihana sy namelabelarana ny fomba fanoratra ny mpanoratra ka nanasongadinana ny fahaiza-maneho amin'ny fomba kanto ireo kalom-pitiavana. Mbola tao anatin'io fizarana fahatelo io hatrany no nampahafantarana ireo mpamaky sy/na mpihaino ary mpankafy ny tononkirany. Notsindriana sy nohantitranterina tamin'izany ny tsy fahafaha-misaraka eo amin'ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamaky sy/na mpihaino, eo amin'ny sehatry ny literatiora.

Tamin'ny fandinihana sy ny fandalinana izany no ahazoanay milaza fa loharanom-pahasambaran'ny eo amin'ny fiainana ny fitiavana, amin'ny ankapobeny. Mila migoka izany ny olombelona. Raha tsy mitafy fitiavana ny fiainana, dia zava-poana ihany. Izany indrindra no nisafidiananay an'i Abel RATSIMBA sy ny tononkirany, hanaovana fikarohana, satria, raha vao namaky voalohany ny asa sorany izahay, dia ny tara-kevitra fitiavana no hita sy tsapa fa nibahana tao.

Manaraka izany, mbola anisan'ny vokatra azo tamin'ny fanaovana izao asa fikarohana izao, ny fahalalana fa poetan'ny fitiavana i Abel RATSIMBA ary olona : tia ny tanindrazany sy ny mpiara-belona aminy izy. Hainy ny naneho ny fo maratra sy voadona, teo amin'ny sehatry ny fitiavana. Tsy vahaolana velively, aminy, ny mamoy fo. ..fa ny manolo ilay olon-tiana na ny mitia azy ihany no mety. Tsy notanany ho azy irery ny hevitra na zavatra mahasoana, fa nampahafantarany ny mpiray tanindrazana aminy. Tsapa izany amin'ny alalan'ireo anatra sy torohevitra isan-Ikarazany ao amin'ny tononkirany. Noho izany, ataoko fa sehatra azo hoentina hanabeazana ny vahoaka, indrindra ny tanora, ny fandalinana natao sy ireo tononkirany, satria tsy mety ny mivarilavo eo amin'ny fiainana sy eo amin'ny fitiavan'olon-droa. Araka izany, azo lazaina ho tia ny tanindrazany sy ny mpiara-belona aminy izy, ary asongadiny ao amin'ny tononkirany fa mila kolokoloina ny tanindrazana, satria ny tanindrazana no miantoka ny maha-olona ny olona.

Na eo aza anefa ireo rehetra ireo, tsy azo hadinoina fa toy ny mandeha an-jambany ihany ny olombelona eo amin'ny fiainana, raha tsy miankina sy manankina ny fiainany sy manolo-tena ho an' Andriamanitra.

Tsy ny lafiny hevitra fotsiny ihany anefa no noresahina sy nofakafakaina tato amin'ity asa fikarohana ity, sy niresahanay izany, fa amin'ny maha-literatiora ny literatiora, dia zava-dehibe ny resaka kanto sy ny fomba fanoratra ny mpanoratra ary

ny mpamaky sy/na mpihaino. Raha tsy mirindra mantsy ny endrika ivelany sy ny hevitra, ary raha tsy misy koa ireo mpamaky sy/na mpihaino ary mpankafy ny asa soratra, izay maha-literatiora ny literatiora ary porofo manambara ny maha-kanto azy, dia tsy afa-miresaka ny maha-poeta an'i Abel RATSIMBA isika. Koa raha ny fanadihadiana nataonay no asian-teny, hita fa mirindra avokoa izany.

Na tsy mahay mozika sy mitendry zava-maneno sy sôlfa. ..aza i Abel RATSIMBA, dia tsy nandevin-talenta izy, na teo amin'ny famoronana tononkira izany, na tamin'ny famoronana ny feon'izy ireny, ary hainy ny nampiasa sy nikolokolo izany talentany izany sy nampihatra ilay fitenenana hoe « mason-tsokina, ka izay kely ananana no ahiratra » .

Araka izany, natao indrindra ity asa ity mba hampahafantarana an'i Abel RATSIMBA sy ireo sangan'asany. Tsy izany ihany fa, anisan'ny tanjona amin'ny fanatanterahana izao asa fikarohana izao, ny fampirisihana ireo olona manan-talenta , eo amin'ny sehatry ny hira. .., mba tsy handevin-talenta fa hikorokolo sy haneho izany, tahaka an'i Abel RATSIMBA, na dia tsy mahay sy tsy mahafehy tanteraka ny lafiny mozika. ..aza. Fa anisan'ny zava-kendrena amin'ity asa ity koa ny hanatevina ireo tahirin-kevitra azon'ny mpampianatra ny taranja Malagasy ampiasaina any ampianarana, ka hampitombo sy hampiitatra ny ambaindain'ny literatiora malagasy.

Ny lafiny maha-literatiora an-tsoratra ny hiran'i Abel RATSIMBA no tena nifotoranay sy nanompananay ity asa ity. Noho izany, ampahany momba an'i Abel RATSIMBA sy ny hirany ihany no vitanay, fa mbola eo ny lafiny maha-am-bava azy sy ny resaka feo. .., izay azo trandrahana tsara. Fanirianay ny mbola hanohy izao asa fikarohana natombokay izao, nefa rraha tsy efanay izany, dia manentana sy mampirisika ireo zandry , mpikaroka ary mirary soa ho azy ireny hahatontosa izay hataony izahay.

BOKY SY TAHIRIN-KEVITRA

A- Ny rakibolana

- ABINAL et MALZAC (1962) • *Dictionnaire Malgache-Français*. Société d'Éditions géographique maritimes et coloniales. Paris
- BRODARD & TAUPIN (Avril 2002) • *Dictionnaire de la langue française*. Imprimé en France sur Presse Offset
- LITTRE (E.) (1975) • *Dictionnaire de la langue Française*
- RAKOTONAIVO (F.) (2003) • *Rakibolana Frantsay – Malagasy*. Ambozontany Fianarantsoa
- RAJEMISA RAOLISON (R.) (1985) • *Rakibolana Malagasy*. Ambozontany. Fianarantsoa

B- Boky sy Tahirin-kevitra

1- Amin'ny teny malagasy

- ANDRIAMALALA (E.D.) (1972) • *Fofombadiko*
• *Zazavavindrano*. Librairie Mixte. Antananarivo
- DAHLE (1962) • *Anganon'ny Ntaolo*. Impr. Luthérienne. Antananarivo
- JUPITER (1914) • *Leson tsotsotra momba ny fianarana pôezia amin'ny teny malagasy*. Imprimerie F.F.M.A. Faravohitra
- RABEMOLALY (F.) • *Fary Mamy Kilasy Famaranana*. Edisiona SALOHY. Trano Printy Loterana
- RADO • *Dinitra*
• *Zo*
- RAHAROLAHY (E.) (1976) • *Erika*. Imprimerie d'ouvrages éducatifs. Librairie Mixte.

- RAJAONA (S.)
(1993)

 - *Ny zava-kanto vita amin'ny teny na ny sarin-teny eo amin'ny fomba filazan-javatra.* Ambozontany. Fianarantsoa.
- RAKOTONAIVO (F.)

 - *Ny diam-penin'Ny Avana RAMANANTOANINA.* Edisiona Ambozontany. Fianarantsoa
- RANDRIA (M.)
(1968)

 - *Foto-teny malagasy.* B.1. Edisiona Revio Fampitaha
- RANOE

 - *Tovozin-tsy ritra 5.*
- RASAMIJAONA (M.)

 - *Aina sy hevitra*
- RAVELOJAONA
(Janv. 1397)
(1972)

 - *Firaketana ny fiteny sy ny zavatra malagasy.* A.E. Imprimerie Industrielle. Rue Galliéni. Tananarive.
 - *Tanindrazana sy Firenena ary isika Malagasy.* Imprimerie Spécial. Anjohy.
- RAVOAJANAHARY (Ch.)

 - *“Vokatry ny fisainana vahiny teo amin'ny literatiora malagasy”*
- ZANAMIHOATRA (R.)
(1969)

 - *Vainafo Tononkira.* Libr. Ambozontany. Fianarantsoa
- DINIKA n°6

 - *Ny anjara toeran'ny lalao teo amin'ny fanabeazana*
- Fihirana F.F.P.M
(2001)

 - *Avoakan'ny Fiangonana Protestanta eto madagasikara.* Edisiona fahadimy. Antananarivo
- Ny Baiboly
(1965)

 - *Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy.* Antananarivo

2- Amin'ny teny vahiny

- GUIRAUD & KUENTZ
(1970) • *La stylistique lecture*. Kliuck Sieck. Paris.
- LAFORTE • *Poétique de la chanson traditionnelle Française*.
Université Lavane. Quebec.
- MAZALEYRAT
(1914) • *Elément de métrique française*. Collection U. 2è
édition. Armand Collin. Paris
- MOUNIN (G.)
(1962) • *Poésie et Société*. P.U.F. Paris
- RAVOAJANAHARY (Ch.)
(1996-1997) • “*Andraozikely*”. *Documents d’accompagnements
aux programmes scolaires, classe de seconde*
- WELLEK (R.) & WARREN (A.) • *La théorie littéraire*. Collection Poétique. Editions
du Seuil. Paris.

D- Gazety

- *Aingam-pivoarana* • lah. Manokana. Antananarivo. 1997.
- *Dina* • lah. 27. Zoma 17 Jan. 1975
- *Fanasina* • 1969
- *Feon’ny merina*
- *Gazetim-panjakana Vaovao* • lah. 2.093. 5 Mars 1937
- Frantsay – Malagasy*
- *Mpanolo-tsaina* • n° 19. 1908
- *Ny Basivava* • n° 81-82. 27 Marsa sy 3 Avrily 1908
- *Ny Fandrosoam-baovao* • 9 Marsa 1932
- *Ny lakolosy Volamena* • lah.104. 22 Mars 1912.
• lah.129. 13 Sept. 1912
- *Ny ranovelona* • n° 7, octobre 1925
• n° 9. décembre 1925
- *Ny sakaizan’ny Tanora* • Novembre 1931.
• lah.127. Martsa 1996.
- *Ny Vaovaontsika* • lah. 0665. Zoma 21 Jolay 2006

ANARANA SY FANAMPINY : ANDRIAMIARISOA Diamondra
 LOHATENIN'NY ASA FIKAROHANA : IREO KALOM-
 PITIAVANA HITA
 TARATRA AO
 AMIN'NY
 TONONKIRAN'I ABEL
 RATSIMBA

Isan'ny takila : 191
Isan'ny sary : 02
Isan'ny kisary : 04
Isan'ny fafana : 09

FAMINTINANA

Ny lohahevitra momba ny fitiavana no novoizina tamin'ity asa fekarohana ity. Voaresaka tamin'izany ny tantaram-pitiavan'ny mpanoratra, izay nanehoana an'i Abel RATSIMBA, amin'ny maha olon-tsora sy amin'ny maha-mpanakanto azy. Taorian'izany no namakafakana ny tara-kevitra "fitiavana", hita ao amin'ny tononkiran'ity mpanoratra sady mpanakanto ity : ny fitia nifamaly eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona, ny fitiavan-tanidrazana ary ny fitiavan'olondroa. Ny fanadihadiana ny fomba fanoratry ny mpanoratra ary ny mpamaky sy/na mpihaino kosa no namaranana ny asa.

RESUME

Cette recherche est axée sur le thème "AMOUR". Dans une première partie, elle décrit l'autobiographie de l'auteur Abel RATSIMBA, qui est en même temps un homme simple et artiste. Ensuite, nous développons dans ce mémoire ce qu'est « l'Amour », comme le définit l'auteur dans ses paroles de chanson : l'amour entre Dieu et l'Homme, l'amour de la Patrie et l'amour de deux personnes. Enfin, pour terminer ce mémoire, nous étudierons la façon dont l'auteur a écrit son œuvre, ainsi que l'impression des lecteurs et/ou auditeurs sur son œuvre.

Mots clés : littérature, poésie, amour, inspiration, auteur, lecteur.
Adresse : Lot IT 39 Itaosy – Antananarivo 102
Nom de l'encadreur : Mme RAHARIMANGA Fidèle
 Maître de Conférences